# NY FINOANTSIKA

*FANDALINANA TSOTSOTRA MIKASIKA*
*NY FOTO-PINOAN'NY ISLAMO SHIITE AL IMAMIYAT*

**C.R.A**
**Centre Rassoul Akram (saw)**
**Antaniavo Antohomadinika, Antananarivo**

# FIZARANA VOALOHANY:

## NY FAHAFANTARANA AN'ANDRIAMANITRA

## SY NY MAHATOKANA AZY

### TENY FAMPIDIRANA

## I. NY FISIAN'ILAY MAHEFA, ILAY AVO INDRINDRA

Isika dia mino tokoa fa Andriamanitra Ilay Avo indrindra no nahary izao tontolo misy izao, satria hita soritra eny amin'ny zava-misy rehetra eny ny fahalehibeazany sy ny fahaizany ary ny fahefany, ary koa eo amin'ny tontolon'ny olombelona, tontolon'ireo biby sy ireo zava-maniry, tontolon'ireo kintana sy ireo lanitra rehetra ary ireo tontolo maro any ambony any, ary koa eny amin'ny toerana rehetra eny.

Isika dia mino fa rehefa mandinika tsara ireo zava-miafin'ireo zava-misy isika dia hahatsapa ny fahalehibeazan'ny mombamomba Azy izay tena tsy azo kianina tokoa, ary koa ny fivelaran'ny fahaizany sy ny fahefany ; arakaraky ny fandrosoan'ny fahalalan'ny zanak'olombelona no isokafan'ny varavarana vaovao avy amin'ny fahalalany sy ny fahendreny eo anoloantsika, ka lasa mitopy mankany amin'ny fivelarana malalaka tsara ny fisainantsika ; ka io fisainana io dia hampitombo ny fitiavantsika ny momba an'Ilay Masina indrindra, ary koa hampanakaiky antsika Aminy bebe kokoa, ka hodidinin'ny fahazavan'ny fahalehibeazany sy ny hatsarany isika.

Niteny Andriamanitra ao amin'ny sourat Az-Zaryat, andininy faha: 20, 21: ***« Misy famantarana ho an'ireo izay tena mino eto an-tany; toy izany koa eo amin'ny tenanareo.Tsy mba mandinika va ianareo ? »***

Ary mbola niteny ihany koa Izy ao amin'ny Sourat Aal Imran andininy faha : 190,191 : ***« Tena marina, fa teo amin'ny fahariana ny lanitra sy ny tany manontolo, ary ny fifandimbiasan'ny alina sy ny andro dia porofo famantarana maro ho an'ireo matsilo saina. Ireo izay mahatsiaro an'Andriamanitra ampitsanganana sy am-pipetrahana, ary eo am-patoriana no sady mandefa eritreritra amin'ny fahariana ny lanitra sy ny tany manontolo, ary manao hoe : « Tompo Zanaharinay ôh, tsy noharianao amin'ny tsisy antony mihitsy izao zavatra rehetra izao….»***

## II. IREO TOETRA TSARANY SY MASINA

Isika dia mino fa Izy dia lavitry ny faharatsiana sy ny fahabangana rehetra, fa ananany avokoa ireo toetra feno, satria Izy no Ilay feno tanteraka, sy tena ampy tokoa. Na amin'ny fomba fiteny hafa ihany koa dia misy manao hoe : Ny fahafenoana sy ny hatsarana rehetra misy amin'izao tontolo izao dia nivoaka avy tao Aminy : ***« Izy no Andriamanitra. Tsy misy Andriamanita hafa, afa-tsy Izy, Ilay Mahafantatra ny zava-miafina sy ny hita maso. Izy no ilay be Fiantra, Ilay be Indrafo. Izy no Andriamanitra. Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izy ; Ilay Tompo, Ilay masina, Ilay Mampitony, Ilay Mampatoky, Ilay Mahery indrindra, Ilay Tsitoha, Ilay Mpifehy, Ilay Mpirehareha. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Ambony lavitra noho izay atambatr'izy ireo Aminy Izy. Izy no Andriamanitra, Ilay Mpahary, ILay Manome ny fiandohana ny zavatra rehetra, ILay Mpanome endrika. Azy ireo anarana tsara indrindra. Manome voninahitra Azy avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany. Ary Izy no Ilay Tsitoha Ilay be Fahendrena »*** (Al-hashr: 3, 22 - 24)

Ireo toetra roa izay voalaza ao amin'io andininy masina roa ireo dia misolo tena an'ireo toetra tsara sasany sy masina indrindra an'Andriamanitra

## III. NY FISIANY IZAY TSY VOASAKANTSAKANA TOKOA

Isika dia mino fa Izy dia misy ary tsy voasakana velively izany, eo amin'ny fahalalana ny fahefana, ary koa ny fiainana mandrakizay; ka nohon'izany dia sarotra ny mametra Azy amin'ny fotoana sy toerana, satria izy roa ireo dia voafetra ihany, Fa Izy dia eo foana isan'andro ary eny amin'ny toerana rehetra eny ihany koa, satria ambonin'izy roa ireo Izy : ***« Izy no Ilay (Andriamanitra) any an-danitra sy ety an-tany, ary Izy no Ilay be Fahendrena, Ilay Mahalala ny zavatra rehetra. »***
***« ….ary miaraka aminareo Izy, na aiza na aiza misy anareo. Fa Mahita tsara izay ataonareo Andriamanitra.»***(Sourat Al-Hadid: 04)
Marina izany, Izy dia tena akaikintsika kokoa noho ny tenantsika, satria Izy dia ao anatintsika ao, ary eny amin'ny toerana rehetra eny, ka noho izany rehetra izany dia tsy voafaritra amin'ny toerana iray Izy, ***« …..Ary akaiky azy noho ny lalandrà lehibe eo an-tendany Izahay »*** (Sourat Qaf: 16)
***« Izy no Ilay Voalohany sy Ilay Farany, Ilay Miseho sy Ilay Miafina. Mahafantatra ny zavatra rehetra Izy.»***(Sourat Al-Hadid: 03)
Ny sasany amin'ireo andininy sahala amin'ny: ***« Ilay Tompon'ny Seza Fiandrianana be voninahitra»*** (Sourat Al-Bourouj: 15) sy ilay teny manao hoe: ***« Eo ambonin'ny seza fiandrianana no mitoetra Ilay Be famindra-po »*** na ***« …Ary manenika ny lanitra manontolo sy ny tany ny Seza Fiandrianany… »*** (Sourat Al-Baqarah : 255) ireo akory tsy midika hoe manana toerana voatokana ho Azy Ilay Avo indrindra, fa manamafy ny fahendreny sy ny fanjakany eo amin'izao tontolo mivaingana izao sy izay ao ambadik'ireo zava-boahary rehetra misy, satria raha toa ka faritantsika ny toerana misy Azy dia, efa namaritra Azy sahady isika ary omentsika endrika toy ny

zava-boahary rehetra Izy, ka noheverintsika ho toa ireo zavatra misy rehetra Izy, kanefa raha ny marina dia tsy sahala amin'izany Izy, araka ny efa nolazain'Ilay avo indrindra mikasika ny tenany manokana manao hoe : ***« …Tsy misy mitovy Aminy… »*** (Sourat As-Shourah: 11) sy ***« ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy»*** (Sourat At-Tawhid: 04)

## IV. FANAFOANANA NY FANAOVANA AZY HO MANAMBATANA

Isika dia mino fa Izy Andriamanitra - dera sy voninahitra anie ho Azy - dia tsy ho hitamaso velively, satria ny zavatra izay hita maso dia manana vatana avokoa, ka tsy maintsy manana toerana misy azy, sy loko, ary endrika sy tava, Izany rehetra izany dia anisan'ireo toetra ananan'ireo zava-boahary rehetra, mazava ho azy izany fa ny finoana ny fahafahana mahita an'Andriamanitra dia anisan'ny fanambàrana Azy amin'ny zavatra hafa (Shirk). ***« Tsy takatry ny fahitana Izy, kanefa mahatsinjo ny fahitana rehetra (Izy). Fa feno fangorahana sy Mpahalala tonga lafatra Izy. »*** (Sourat Al-An'am: 103)

Izany no nahatonga an'ny Mpaminany Moussa (as) nitondra an'ireo zanak'Israêly tany amin'ny tendrombohitra "Tour" rehefa nangataka taminy mba hahita an'Andriamanitra izy ireo, ary nofaritan'izy ireo ho fepetra hahafeno ny finoan'izy ireo izany ka hoy izy ireo hoe; ***« Tsy hino anao velively izahay raha tsy mahita an'Andriamanitra miseho miharihary!"»*** (Sourat Al-Baqarah: 55). Naheno ny valin-tenin'Andriamanitra Ilay Avo indrindra manaraka izao izy ireo: ***« "Tsy hahita Ahy na oviana na oviana ianao, fa jereo iry tendrombohitra iry, raha mitombina eo amin'ny toerany izy dia ho hitanao Aho". Ary raha vao nanomboka nampiseho famirapiratana tsy zaka avy eo antendrombohitra ny Tompo Zanahariny, dia nopotipotehiny izany ka lavo torana teo i Mosesy. Nony nahatsiaro tena izy, dia niteny hoe: "Voninahitra anie ho Anao! Mibebaka Aminao aho, ary izaho no voalohany***

***amin'ireo mpino". »*** (Sourat Al-A'araaf: 143) Nofaritan'io andininy masina io tsara ary fa tsy ho hita velively Andriamanitra.

Isika dia mino fa ny tiana ho lazaina amin'ireo andininy sasantsasany, sy ireo teny voarakitra izay miresaka ny momba ny fahitana an'Andriamanitra Ilay Avo indrindra, dia amin'ny fahitana ao anaty izany (fahitana amin'ny fo) ary amin'ny fijery anaty ihany koa; ireo samy andininy ao amin'ny koroany masina ihany no mifanazava.

Niteny ny Imam Ali (as) tamin'ny valin-teny izay nomeny an'ilay nanontany azy hoe : ***« Ry Lehiben'ireo Mpino! Moa ve mahita ny Tomponao ianao ?...Dia niteny izy hoe : Moa hanompo zavatra tsy hitako aho ?...Avy eo nilaza izy hoe : Tsy ho takatry ny maso amin'ny fahitan'ny maso Izy, fa kosa takatry ny fo Izy amin'ny alalan'ny finoana marina (feno) »***

Isika dia mino fa ny fanomezana an'Andriamanitra endrika amin'ireo endriky ny zavaboahary, sahala amin'ny toerana sy ny vatana, ary ny fahitan'ny maso Azy dia mitondra mankany amin'ny fanalavirana ny fahafantarana an'Andriamanitra Ilay Avo indrindra, ary mitondra mankany amin'ny fampitambarana Azy amin-javatra hafa. Marina izany, satria Ilay Avo indrindra dia lehibe noho ireo toetra sy endrika izay ananan'ny zavaboahary, ary tsy misy zavatra mitovy Aminy izany velively.

******************

## V. NY FAHATOKANAN'ANDRIAMANITRA DIA AIN'NY FAMPIANARANA ISLAMIKA

Isika dia mino fa ny mahatokana an'Andriamanitra dia anisan'ireo zavatra goavana indrindra, ka avy amin'ny fahafantarana azy no mitondra antsika mankany amin'ny fahafantarana an'Andriamanitra ; Tsy hoe fototry ny finoana fotsiny amin'izao ihany ny finoana ny mahatokana an'Andriamanitra, fa izy no fanahy sy maha izy azy ireo fotom-pinoana rehetra misy amin'ny finoana Islamo, azo lazaina tsara ihany koa hoe : Ny fototry ny fotom-pinoana Islamo dia voarakitra ao amin'ny finoana ny mahatokana an'Andriamanitra ; ireo boky maro rehetra malaza ao amin'ny finoana Islamo dia mirakitra ireo teny maro izay milaza mikasika ny finoana ny mahatokana an'Andriamanitra sy ny maha irery Azy, Irery Izy ary tokana ihany koa eo amin'ny toetrany sy ireo asany. Amin'ny dikany hafa koa dia sahala amin'izao: fahatokanan'ny fiantsoana izay nataon'ireo Mpaminany sy fahatokan'ny finoan'ny avy amin'Andriamanitra, fahatokanan'ny Qibla (fitodihana rehefa manao fanompoam-pivavahana) sy ny boky masina (koroany), fahatokanan'ireo didy aman-dalanan'Andriamanitra ho an'ireo zava-boahariny, farany dia ny fahatokanan'ny laharan'ireo mpino silamo, sy ny fahatokanan'ilay andro fiverenana (andro farany)
Manamafy ny maha zava-dehibe an'io fahatokanana sy mahatokana an'Andriamanitra io dia ny fanambaran'ny koroany masina izay milaza fa ny fivilin-dalana amin'ny mahatokana (an'Andriamanitra) sy ny fitodihana amin'ny fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa dia anisan'ny fahotana izay tsy ho voavela velively: ***« Hamafisina, fa Andriamanitra dia tsy mamela heloka izay mampitambatra Azy amin'ny hafa, ary mamela heloka kosa Izy ankoatra izany raha sitrany. Ary izay mampitambatra***

***an'Andriamanitra amin'ny hafa dia nahavita fahotana lehibe tokoa. »*** (Sourat An-Nissa: 48)
Ary niteny ihany koa Izy hoe: ***« Nambara taminao sy tamin'izay teo alohanao*** hoe***: "Raha mampitambatra an'Andriamanitra amin-javatra hafa ianao, dia ho very maina tokoa ny asanao, ka tsy maintsy ho isan'ireo maty antoka ianao.»*** (Sourat Az-Zoumar : 65)

## VI. IREO KARAZAN'NY FAHATOKANAN'ANDRIAMANITRA

Isika dia mino fa ny fahatokanan'Andriamanitra dia manana karazany be dia be, ka ireto efatra ireto no tena zava-dehibe amin'izany:

### a) Ny fahatokanany

Izay midika fa Izy Ilay be Voninahitra Ambony dia tokana, tsy misy toa Azy sy mahasolo Azy, ary tsy misy mitovy Aminy;

### b) Ny fahatokanan'ireo toetrany

Izay midika fa ireo toetra Mahay, Mahefa ny zavatra rehetra, ary ny fisiany hatrizay sy mandrakizay, sy ireo toetra sasany dia mitambatra Aminy, ary manambara ny maha irery Azy, ka izy ireo dia tsy mba sahala amin'ireo toetran'ireo zava-boahary, izay mahaleo-tena misaratsaraka fa tsy miaraka, no sady misaraka amin'ny tompon'ireo toetra ireo, Raha ny tena marina dia mitaky

fieritreretana matotra ny momba ny maha Izy Azy an'Ilay Avo indrindra miaraka amin'ireo toetrany ireo.

## c) Ny fahatokan'ireo asany

Izay midika fa ireo asa sy hetsika ary ny taratr'izany eo amin'izao tontolo misy izao dia avy amin'ny filàny sy fanariany tokoa: ***« Mpahary ny zavatra rehetra Andriamanitra, ary Mpiantoka ny zavatra rehetra. »*** (Sourat Az-Zoumar: 62) ary koa: ***« Manana ireo fanalahidin'ny lanitra sy ny tany Izy… »*** (Sourat As-Shoura: 12)
Eny, tsy misy manana fiatraikana manokana amin'ireo zavatra misy raha tsy Andriamanitra irery ihany, fa izany anefa tsy midika fa noterena isika tamin'ireo asa izay ataontsika rehetra ireo, fa kosa manana fahalalahana tanteraka isika amin'ny sitrapo sy ny fanapahan-kevitra amin'izany : ***« Notarihinay làlana izy, ka na hahay hankasitraka, na haniratsira. »*** (Sourat Al-Insaan: 03)
ary koa: ***« ary raha ny marina, dia araka izay fiezahan'ny olombelona ihany no azony, »*** (Sourat An-Najm: 39)
Ireo andininy masina roa ireo dia manambara mazava tsara fa ny olombelona dia manana fahalalahana amin'ny sitrapony, kanefa Andriamanitra Ilay avo indrindra no nanome azy io fahalalahana sy fahefana hanatanteraka ireo asa ireo ary koa haka ny fanapahan-kevitra amin'izany, ka noho izany ny asantsika rehetra dia miankina Aminy fa tokony tsy manao ambanin-javatra mihitsy an'ireo andraikitra izay sahanintsika isika.
Mazava tsara, fa Izy dia maniry antsika hanatanteraka ny asantsika rehetra amin'ny fahalalahana feno mba hitsapany antsika amin'izany, ary koa mametraka antsika ho eo amin'ny làlan'ny fahafenoana tanteraka; Satria tsy feno velively ny olombelona raha tsy amin'ny alàlan'ny fahalalahana feno amin'ny sitrapony, ary toa izany koa eo amin'ny fanarahana amin'ny alàlan'ny safidy malalaka ireo làlan'ny fankatoavana. Noho izany dia ireo asa izay atao ankoatran'ny safidim-po malalaka dia tsy mitondra fahasoavana na faharatsiana akory eo aminy.

Raha toa ka noterena isika amin'ireo asa izay ataontsika ireo dia tsy nisy dikany ary tsy mazava ny nandefasana ireo Mpaminany, ny fidinan'ireo boky masina, ary koa ny fanarahana an'ireo finoana rehetra, ary foana koa ny vokatsoa sy ireo sazin'Andriamanitra izay napetrany amin'izany, izany no fahalalana azontsika avy tamin'ny sekolin'ireo Ahl Bayt (as) izay nilaza fa ***« Tsy misy fanerena ary koa baranahiny, fa ny zavatra rehetra dia eo anelanelan'ireo zavatra roa ireo »***

## d) Ny fahatokanan'ny fanompoana

Izay midika fa ny fanompoana dia voatokana ho an'Andriamanitra irery ihany, ka tsy tokony hisy zavatra hafa tompoina ankoatra ny Tenany Masina. Ity karazany iray ity dia tena anisan'ny zava-dehibe indrindra amin'ireo karazan'ny fahatokanan'Andriamanitra, ary izy no tena vaindohan-draharaha izay notandreman'ireo Iraka ireo indrindra : ***« Ny hanompo an'Andriamanitra irery ihany no nandidiana azy ireo; fanompoana Azy amim-pahadiovam-po tsy afangaro amin'ny zavatra hafa,…. Izany no finoana marina. »*** (Sourat Al-baiynat : 05)

Rehefa mahatratra ny ambaratongan'ny fahafenoana aram-pitondrantena sy fahalalàna ny olombelona, dia tafiditra làlina ao amin'izy ireo ny fahazoana ny dikan'ny fahatokanan'Andriamanitra, ka tsy ho tony izy raha tsy mieritreritra an'Andriamanitra, ary dia mitady Azy na aiza na aiza no misy azy sy halehany, tsy misy manahirana azy ireo ankoatrany ***«(Izay mahatonga anao ho variana (tsy ahatsiaro) an'Andriamanitra dia efa sampinao izany) Arakaraky ny fahasahirananao mikasika an'Andriamanitra dia ho zavatra tomponao izy »***

Isika dia mino fa ireo karazana fahatokanana ireo dia tsy voafetran'ireo zavatra notanisaintsika rehetra ireny, fa mbola misy rantsana hafa ihany koa anefa avy amin'izany dia ny fahatokanan'ny fanjakany : ***« An'Andriamanitra avokoa izay rehetra any an-danitra sy ety an-tany…. »*** (Sourat Al-Baqara : 284) ny

fahatokanan'ny fitsarany : ***« …. Fa ireo izay tsy mitsara araka izay nampidinin'Andriamanitra, dia izy ireny indrindra no tsy mpino. »*** (Sourat Al-Maïdah : 44)

## VII. NY FAHAGAGANA ATAON'IREO MPAMINANY (as), AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Isika dia mino fa ny tombontsoa avy amin'ny fahatokanan'ireo asa rehetra dia manamarina fa ireo fahagagana avy amin'ireo mpaminany rehetra sy ireo asa izay tsy araky ny natiora rehetra ireo dia avy amin'ny alàlan'Andriamanitra Ilay avo indrindra avokoa, araka ny voalaza ao anatin'ny boky masina koroany izay milaza momba ny mpaminany Jesosy (as) manao hoe : ***« ….Ary tamin'ny Alalako ihany koa no nanasitrananao ny teraka jamba sy ireo boka. Ary mbola tamin'ny Alalako ihany koa no namelomanao indray ireo maty….. »*** (Sourat Al-Maïdah : 110)

Ary voalaza ihany koa mikasika ny iray amin'ireo minisitr'i Soulayman (as) manao hoe : ***« Niteny ity olona anankiray manam-pahalalana momba ny Boky nanao hoe: "Ho entiko aty aminao izany, alohan'ny indray mipi-maso". Rehefa avy eo, dia hitan'i Salômôna ilay seza fiandrianana mipetraka eo akaikiny, ka hoy izy: "Fahasoavana avy amin'ny Tompoko izany,… »*** (Sourat An-Naml : 40)

Ka ny fanasitranan'ny Al-Masih (as) ireo jamba sy ireo boka, ary ny famelomana ny maty dia avy amin'ny alàlan'Andriamanitra Ilay Avo indrindra avokoa, ary izany dia endriky ny fahatokanana.

## VIII. IREO ANJELY

Isika dia mino ny fisian'ireo anjely izay nomen'Andriamnanitra anjara asa voatokana ho sahaniny tsirairay avy, misy amin'izy ireny no voatokana ny hampita ny hafatra amin'ireo Mpaminany,
Misy amin' izy ireo no voatokana handray an-tsoratra ny asan'ny zanak'olombelona,
Misy amin'izy ireo no voatokana haka ny fofonain'ireo zava-manan'aina,
Misy amin'izy ireo no nomena andraikitra hanampy ireo mpino izay mizotra amin'ny làlana mahitsy,
Misy amin'izy ireo no nomena andraikitra manampy ireo mpino ao anatin'ny ady.
Misy amin'izy ireo no nomena andraikitra hanasazy ireo izay manota sy ireo izay mania, ary ankoatr'izany ireo andraikitra lehibe hafa, dia ny misahana ny fandaminana ny fihariana.
Tsy manafoana ny fahatokanan'ireo asa rehetra sy ny fahatokanan'ny mahatompo Azy, ireo andraikitra samy hafa izay sahan'ireo anjely ireo, fa kosa vao maika manamafy an'izany, satria mizotra amin'ny alàlan'Andriamanitra sy amin'ny alàlan'ny heriny izany.
Eto dia mazava tsara fa ny resaka mikasika ny fanelanelanana ataon'ireo mpaminany sy ireo olona tsy manao fahotana, ary ireo anjely dia endriky ny fahatokanan'Andriamanitra avokoa, satria tsy tanteraka ireo raha tsy avy amin'ny alàlany : ***« ....Tsy misy mpanelanelana raha tsy amin'ny alalany.... »*** (Sourat Younouss : 03)
Mbola homenay fanazavana bebe kokoa mikasika ny fanelanelana ianareo amin'ny lesona mikasika ny faminaniana.

## IX. NY FANOMPOANA DIA AN'ANDRIAMANITRA IRERY IHANY

Isika dia mino fa an'Andriamanitra irery ihany ny fanompoana (Araka ny efa nohazavaintsika tamin'ny resaka mikasika ny fahatokanan'ny fanompoana), ka izay manompo zavatra hafa ankoatrany dia mpampitambatra an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa izy, ary mifantoka amin'io zavatra io avokoa ny antsoin'ireo mpaminany rehetra : ***« Manompoa an'Andriamanitra ianareo, fa tsy manana andriamanitra hafa ankoatrany ianareo »,*** io tenin'ny boky masina koroany io dia naverimberin'ireo mpaminany rehetra matetika ao anatin'ny koroany masina.

Io tarigetra goavan'ny finoana islamo io dia miverimberina matetika ao ambavantsika isan'andro rehefa miteny hoe : ***« Ianao irery ihany no tompoinay, ary Ianao irery ihany koa no angatahanay famonjena »*** (Sourat Al-Fatihat : 05) ao anatin'ny fanompoam-pivavahana izay ataontsika

Mazava ho azy izany fa ny fanelanelanan'ireo mpaminany, sy ireo anjely dia inoan-tsika fa avy amin'ny alàlan'Andriamanitra, ireo didy izay voalaza ao amin'ny koroany masina ireo dia tsy fanompoana azy ireo akory.Toa ny hoe ny fitadiavana fanelanelanana amin'ireo mpaminany dia tsy tafiditra ho anisan'ny fanompoana, na koa hoe manafoana ny fahatokanan'ny asa, na ny fahatokanan'ny fanompoana ; satria izany dia fitadiavana fanelanelanana amin'Andriamanitra Ilay avo indrindra mba hamaha ny olana misy amin'ilay mitady fanelanelanana, mbola ho avy eto ny fanazavana an'izany amin'ny lesona momban'ny faminaniana.

## X. FIAFENAN'NY TENAN'ILAY MASINA

Isika dia mino fa ny tenan'Ilay Masina (Andriamanitra) dia tsy hitan'ny rehetra mihitsy na dia eo aza ireo taratra ahafantarana ny fisiany eo amin'izao tontolo izao, Tsy misy na iza na iza afaka hamisavisa sy hisaintsaina ny endriky ny tenany, satria izy io dia

mitoetra mandrakizay tsy misy fiafarany fa tsy sahala amin'ireo zavatra misy, voafetra ihany ny olombelona ary voasakana ihany koa ka tsy afaka mahafehy an'Andriamanitra, fa Izy no Mahafehy ny zava-drehetra : « ***….Moa tsy Izy va no Mahafehy ny zavatra rehetra? »*** (Sourat Foussilat : 54), ***« ary Andriamanitra nefa manara-maso azy ireo aoriany. »*** (Sourat Al-Bourouj : 20)

Voarakitra ao amin'ny tenin'ny Mpaminany manao hoe : ***« Tsy manompo Anao amin'ny tena fanompoana marina izahay, ary tsy mahafantatra Anao amin'ny fahafantarana marina ihany koa »***

Ka eto dia tokony tsy ho tafalatsaka ao anaty fahadisoana isika ka hijanona amin'ny fianarana sy fahalalana rehetra momba an'Andriamanitra, ary koa mijanona amin'ny fitanisana ireo fiderana izay tsy takatra na tsy mazava, satria voafetra ihany ny fahazoantsika ny fahalalana ankapobeny momba an'Ilay Avo indrindra, izany no sakana ho amin'ny fahafantarana an'Andriamanitra, tsy hinoantsika no sady tsy ekentsika izany ; satria ny koroany masina sy ireo boky masina rehetra dia nampidinina mba hisokafan'ny varavaran'ny fahafantarana an'Andriamanitra. Fanazavana bebe kokoa amin'izany dia izao afaka miankina amin'ny ohatra maromaro mikasika an'izany isika, toa ny hoe : tsy mahalala ny tena marina momban'ny fanahy isika, kanefa dia mahafantatra tsara ny momba azy, hitantsika ny taratrany, ary manaiky ny fisiany ihany koa isika.

Niteny ny Imam Mohammad zanak'i Ali Al-Baqir (as) manao hoe : ***« Raha toa ka avahanareo tsara ao antsainareo izy amin'ny tena dikany lalina, dia zavaboahary namboarina mitovy aminareo, ka hankeo aminareo »***

Nohazavain'ny Imam Ali (as) tsara ihany koa ny làlana ahafantarana an'Andriamanitra amin'ny teny mahafinaritra sy mazava tokoa manao hoe : ***« Tsy takatry ny fisainana ny famerana ny endriny, ary tsy hahasarona ny tokony hahafantarana Azy izany »***

## XI. TSY MISY SAKANTSAKANA, ARY TSY MISY FAMPITOVIANA

Isika dia mino fa ny filatsahana ao anatin'ny lavaky ny fampitoviana (an'Andriamanitra) amin'ny zavatra hafa dia fahadisoana ary koa fampitambarana Azy amin'ny zavatra hafa, ary torak'izany ihany koa ny tsy fahafahana mahafantatra an'Andrimanitra sy ireo toetrany dia fahadisoana ihany koa ; izany hoe, tsy afaka hilaza fa ny làlana mankany amin'ny fahafantarana an'Andriamanitra izany dia mikatona, toa izany ihany koa tsy afaka mihevitra isika fa misy zava-boahary mitovy amin'Ilay Avo indrindra, ka ny iray amin'ireo làlana anankiroa ireo dia fahadisoana ary ilay iray hafa koa dia fahadisoana mihoatra an'ilay anankiray, fa ny tena marina dia afaka mahafantatra Azy tsara amin'ny alàlan'ny taratrany eo amin'ny zavatra rehetra misy eto amin'izao tontolo izao isika.

## FIZARANA FAHAROA

## NY FAMINANIANA

## I. FILOZOFIAN'NY FANDEFASANA IREO MPAMINANY (AS)

Mino isika fa Andriamanitra Ilay Avo indrindra dia nandefa ireo mpaminany sy ireo iraka mba ho tari-dalana ho an'ny olombelona sy hahatonga azy ho eo amin'ny fahafenoana tanteraka izay tadiavina, ary koa mba ho sambatra mandrakizay ; tsy ho tanteraka mihitsy ny

tanjona nohariana ny olombelona raha toa ka tsy nalefan'Andriamanitra ireo irany, ary raha tsy izany dia rendrika tany amin'ny fahaverezana ny zanak'olombelona, ***« Ho Iraka, ho mpilaza vaovao mahafaly sy mpampitandrina, mba tsy hananan'ny olona porofo fialan-tsiny eo anatrehan'Andriamanitra, aorian'ny ahatongavan'ireny Iraka ireny. Fa Tsitoha sy be fahendrena Andriamanitra »*** (Sourat An-Nissa : 165)

Isika dia mino fa ny dimy amin'ireo olona nalefa ireo dia ***« Mpaminany lehibe »*** (Oulol-Azm), izany hoe, izy ireo dia nitondra ireo làlana vaovao na koa ny boky masina vaovao, ny voalohany tamin'izy ireo dia ny mpaminany Nouh (as), avy eo dia i Ibrahim (as), Moussa (as), Issa (as), ary ny mamarana azy dia i Mohammad (saw) : ***« Raha nandray ny faneken'izy ireo avy amin'ireo Mpaminany Izahay, toy izany koa ny avy aminao, tamin'i Noa, Abrahama, Mosesy sy Jesoa zanak'i Maria; dia noraisinay tamin'izy ireo tamin'ny fomba hentitra tokoa izany fanekena izany, »*** (Sourat Al-Ahzab : 07), ***« Miareta àry ianao, tahaka ny niaretan'ireo Iraka nanampiniavana (ireo mpaminany lehibe),…. »*** (Sourat Al-Ahqaf : 35).

Isika dia mino fa i Mohammad (saw) no fitombo-kasen'ireo mpaminany, ary faran'ireo iraka ihany koa, ny lalàna izay noentiny dia mitodika amin'ny olona rehetra sy ireo izay tavela eto amin'izao tontolo izao, izany hoe ny fahalalana sy ireo didy ary ireo fampianarana Islamika ireo dia feno ireo izay ilain'ny zanak'olombelona, na io ara-panahy na io mivaingana mifanaraka amin'ny fotoana izay iainany, ka izay fanambarana faminaniana na filazana iraka vaovao dia fanambarana (fiantsoana) diso avokoa ary tokony ho lavina : ***« Tsy Rain'ny iray amin'ireo lehilahy ao aminareo velively i Mohammad, fa irak'Andriamanitra, ary farany amin'ireo Mpaminany izy. Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra. »*** (Sourat Al-Ahzab : 40)

## II. NY FOMBA FIAINANA MIARAKA AMIN'IREO MANAM-PINOANA HAFA.

Noho ny fiheverantsika fa ny finoana Islam no tena finoan'ilay Andriamanitra Tokana marina amin'izao vaninandro izao dia, tsy maintsy inoan-tsika ny fiainana ampankatoavana miaraka amin'ny fanarahana ireo finoana masina hafa, na izy ireo miaina ao amin'ny tanàna Islamika na ivelan'izany, afa-tsy amin'ireo izay nandrangaranga ny fanevan'ny fiadiana amin'ny finoana Islamo sy ireo mpino silamo : ***« Tsy misakana anareo hanao ny tsara Andriamanitra, sy hanao ny marina amin'izay tsy niady taminareo noho ny finoana, sady tsy nandroaka anareo tamin'ny fonenanareo. Fa Tia izay manao ny rariny Andriamanitra. »*** (Sourat Al-Moumtahanah: 08)
Isika koa dia mino fa azo atao ny fanehoana ny tena endrika marina ny finoana Islamo, sy ny fampianarana azy amin'ny olona rehetra, avy amin'ny alàlan'ny fikarohana eken'ny saina, ary ny miady hevitra mikasika azy... Ka noho izany, mino isika fa ny finoana Islamo dia tokony tsy manao an-tery ny olona amin'ny asany : ***« Tsy misy fanerena ny amin'ny fivavahana! Fa efa miavaka tsara amin'ny fahaverezana ny fahitsiana…. »*** (Sourat Al-Baqarah : 256)
Isika dia mino fa ny fifikiran'ireo olona mpino silamo amin'ny fampianarana ny finoana no lalana hafa ahafantarana ny finoana Islamo, araka ny voalazan'ny Imam As-Swadiq (as) manao hoe : ***« Meteza ianareo ho fiantsoana ny olona (amin'ny finoana) ankoatran'ny fiteninareo (lelanareo) »*** ka tsy ilaina izany fanerena sy fanaovana didy jadona ary fanaovana an-tery izany.

## III. NY TSY MAHAVOAPENTIN'NY OTA IREO MPAMINANY (AS)

Mino isika fa ny Mpaminany rehetra dia tsy manao fahotana velively mandritra ny androm-piainan'izy ireo, lavitra ny fahadisoana sy ny fitaka ary ny fahotana voajanahary izy ireo, satria raha manao fahadisoana sy fahotana ireo Mpaminany dia tsy maintsy hiala aminy ny fahatokisana azy noho izy mpaminany, ary amin'izay fotoana izay dia tsy hatoky azy ihany koa ny olona amin'ny fanelanelanany azy ireo amin'Andriamanitra, satria heverin'izy ireo fa fitaratra sy mpitarika azy ireo amin'ny asa ataon'izy ireo izy, ary koa eo amin'ny fomba fitondran-tenan'izy ireo

Ka noho izany dia mino isika fa ireo andininy masina maro voalaza ao amin'ny koroany izay manambara fa misy ny mpaminany vitsivitsy izay nanao fahadisoana, dia avy amin'ny famelana fotsiny ny adidiny, (izany hoe nisafidy ny asa kely iray izy toa izay asa tsara roa, kanefa tokony ho ilay asa tsara roa ireo no hataony) na koa hoe ***« ny asa tsara ataon'ireo mpanompo mafatrapo dia asa ratsy amin'ireo olona akaiky an'Andriamanitra »*** satria ny andrasana amin'ny olona rehetra dia ny fanaovany ny asa izay mifanaraka aminy

## IV. IREO MPAMINANY (AS) IREO DIA MPANOMPON'ANDRIAMANITRA

Isika dia mino fa anisan'ny rehareha lehiben'ireo Mpaminany ny maha mpanompo mpankato an'Andriamanitra azy ireo, ka izany no mahatonga antsika hamerimberina matetika ao anatin'ny fanompoam-pivavahana isanandro ny fijoroana vavolombelona fa i Mohammad (saw) dia mpanompon'Andriamanitra sy irany : ***« Mijoro vavolombelona aho fa i Mohammad dia tena Mpanompony sy Irany »***

Isika dia tena mino tokoa fa tsy hisy sahy hilazan-tena ho Andriamanitra ny iray amin'ireo Mpaminany ireo, na koa hiantso ny

olona hanompo azy : ***«Tsy mbola nisy olombelona nomen'Andriamanitra ny rakitsoratra sy ny fahendrena, ary ny faminaniana ka mahasahy miteny amin'ny olona hoe: "Manompoa ahy ianareo, fa aza manompo an'Andriamanitra"... »*** (Sourat Aal Imran: 79)
Ary na i Al-Massih Issa (as) koa aza dia tsy mba niantso ny olona hanompo azy izany, fa nihevitra ny tenany ho mpanompon'Andriamanitra sy Irany Izy : ***« Sanatriavina mihitsy! Raha ilay Mesia no handà ny ho mpanompon'Andriamanitra, na ireo Anjely akaiky (an'Andriamanitra)... »*** (Sourat An-Nissa : 173)
Fa ny mikasika ny maha telo an'Andriamanitra (Trinité) ao amin'ny finoana kristianina ***« finoana an'Andriamanitra ho telo »*** dia, tsy nisy akory izany tamin'ny taonjato voalohany, manamarina an'zany ny tantara kristianina rehetra, fa taty aoriana taty vao nipoitra io hevitra io.

## V. NY FAHAGAGANA SY NY FAHAFANTARANA NY ZAVA-MIAFINA

Tsy manakana ny maha mpanompo an'ireo mpaminany ny fahafantarany ireo zavatra efa lasa sy izay hiseho amin'ny ho avy, fa izany dia amin'ny alàlan'Andriamanitra : ***« Fa Izy no mahafantatra ny zava-miafina, tsy asehony na amin'iza na amin'iza izany, afa-tsy amin'izay ankasitrahany ho Iraka…. »*** (Sourat Al-Djiny : 26.27)
Isika dia mahalala fa anisan'ireo fahagagan'ny Issa (as) ny mampahafantatra amin'ny olona ny zavatra izay miafina : ***« …Hampahafantatra anareo izay ho haninareo, sy izay hangoninareo any an-tokantranonareo ihany koa aho…. »*** (Sourat Aal Imran : 49)
Ary torak'izany koa ny Irak'Andriamanitra Mohammad (saw) izay namosaka zavatra be dia be amin'ireo zava-miafina amin'ny alàlan'ny teny avy amin'Andriamanitra : ***« Izany dia anisan'ireo tantara miafina ambaranay anao…. »*** (Sourat Youssouf : 102)

Izany rehetra izany dia tsy hanakana an'ireo Mpaminany hahalala ny zava-miafina avy amin'ny fanambarana sy amin'ny alàlan'Andriamanitra ; fa ny andininy ao amin'ny koroany masina izay milaza ny tsy fahafantaran'ilay Irak'Andriamanitra (saw) ny zavatra miafina manao hoe : ***« …..na koa mahalala ny zava-miafina, ary tsy milaza aminareo ihany koa aho fa hoe Anjely….. »*** (Sourat Al-An'am : 50) ny tiany hambara amin'izany dia ny fahalalana manokana amin'ny maha olombelona azy, fa tsy ilay avy amin'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra, satria ny tenin'ny koroany ihany no manazava ny dikan'ny teniny sasany.
Isika dia mino fa ny fahagagana izay nivoaka avy tamin'ireo Mpaminany dia avy amin'ny alàlan'Andriamanitra avokoa, ary ny finoana an'izany dia tsy fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa, na koa mifanohitra amin'ny toerana misy ny maha mpanompo ireo Mpaminany, fa ilay Massih (as) dia namelona ny maty, nampahiratra ny jamba, ary nanasitrana ny boka tamin'ny alàlan'Andriamanitra ***« ….Hampahiratra ny jamba aho, ary hanasitrana ny boka, hamelona ny maty amin'ny herin'Andriamanitra aho….. »*** (Sourat Aal Imran : 49)

## VI. NY ANJARATOERAN'NY FANELANELANAN'IREO MPAMINANY (AS)

Mino isika fa ireo Mpaminany indrindra fa ny mpaminany Mohammad dia manana ny anjaran-toerana amin'ny fanelanelanana, izany hoe manao fanelanelanana ho an'ireo mpanota sasantsasany eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo ary izany dia avy amin'ny alàlan'Andriamanitra : ***« …Tsy misy mpanelanelana raha tsy amin'ny alalany… »*** (Sourat Younouss : 03), ***« …Koa zovy no hanao fanelanelanana eo Aminy, raha tsy alalana avy Aminy?..... »*** (Sourat Al-Baqarah : 255)
Raha toa ka misy anefa ny tenin'ny koroany masina manohitra an'izany fanelanelanana izany toa ny hoe : ***« ….mialoha ny***

***hahatongavan'ilay andro tsy azo hanaovana fifanakalozana, na raharaham-pihavanana, na fanelanelanana intsony….. »*** (Sourat Al-Baqarah : 254) dia ireo fanelanelanana manokana izay tsy avy amin'ny alàlan'Andriamanita izany, na koa fanelanelanana avy amin'ireo tsy mendrika hanao izany fanelanelanana izany ; satria ireo andininy ao amin'ny koroany ihany araka ny efa nolazaintsika teny aloha no mifanazava.

Mino isika fa ny resaka mikasika ny fanelanelanana dia làlana tena goavana eo amin'ny fitaizany ny maha-olona, ary famerenana ireo mpanota hizotra amin'ny làlana mahitsy, ary fampirisihina azy amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, ary koa famelomana indray ny fanantenana ao ampony ; ny resaka mikasika ny fanelanelanana dia tsy zava-poana, fa izy io dia mameno an'ireo izay mendrika azy, izany hoe ny fahotana izay vitany dia tsy tokony hihoatra ny fetra izay manapaka tanteraka ny fifandraisan'ilay nanao fahotana sy ny mpanelanelana ; ny fanelanelanana dia heverina ho zavatra iray izay mampitandrina an'ilay mpanao fahotana mba handrodana ireo tetezana rehetra aoriany, ka tsy hamela an'ilay làlan'ny fiverenana mba tsy ho very tanteraka indray ilay tombontsoan'ny fanelanelanana.

## VII. NY FANGATAHAM-PANELANELANANA (TAWASSOUL)

Mino isika fa ny resaka mikasika ny fangataham-panelanelanana (tawassoul) dia sahala amin'ny fanelanelanana (Shafa'a) ihany, fa amin'ireo izay misy olana ara-batana na ara-panahy, ka mila mpanelanelana amin'ireo olon-tian'Andriamanitra izy mba hangataka Amin'Andriamanitra hamaha ny olana misy aminy, ary izany dia amin'ny alàlan'Andriamanitra, izany hoe mitodika amin'Andriamanitra Ilay be voninahitra izy ireo ka ireo sakaizan'Andriamanitra ireo no ataony ho mpanelanelana azy Aminy : ***« …Rehefa nanao ny tsy rariny tamin'ny tenany izy ireo ka***

***tonga nanatona anao, ary nibebaka tamin'Andriamanitra, ka raha nangataka famelankeloka ho azy ireo ilay Iraka, dia ho hitan'izy ireo fa Mpamela heloka sy Mpamindra-fo tokoa Andriamanitra. »*** (Sourat An-Nissa : 64)

Ao anatin'ny tantaran'i Youssouf (as) isika dia mahita fa ireo rahalahiny dia naka ny Rain'izy ireo ho mpanelanelana ka niteny hoe : ***« …Ry Dada ô! Mangataha ho anay, ho famelana ny fahotanay, fa tena diso tokoa izahay".*** (Sourat Youssouf : 97) Tsy nisalasala ity lahiantitra ity dia tsy iza fa i Yaqoub (as) Rain'izy ireo amin'ny fanatanterahana izany fangatahan'izy ireo izany ka niteny hoe : « ***…Hangataka ho anareo ny famelan-keloky ny Tompoko aho… »*** (Sourat Youssouf : 98), izany no porofo fa ny fangataham-panelanelanana dia efa nisy hatrany aloha tany.

Kanefa tsy azo atao ny hihoatra ny fetrany eken'ny saina ary tsy tokony ho very ao anatin'izany finoana izany isika, izany hoe manao an'ireo olon-tian'Andriamanitra ireo ho mahaleo-tena tanteraka ka vokatr'izany dia mihevitra azy ireo ho mahasolo an'Andriamanitra, mitondra mankany amin'ny fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa sy ny tsy finoana izany.

Ny fangataham-panelanelanana (Tawassoul) dia tsy tokony hisy endrika fanompoana an'ireo olon-tian'Andriamanitra, satria tsy finoana izany ary koa fampitambarana an'Andriamanitra amin-javatra hafa ihany koa, satria tsy afaka manao na inona na inona ho an'ny tenany na soa na ratsy izy ireo raha tsy amin'ny alàlana avy amin'Andriamanitra : ***« Ka lazao hoe: "Tsy manana ho an'ny tenako na soa na ratsy aho, afa-tsy izay sitrak'Andriamanitra…. »*** (Sourat Al-A'araf : 188)

Tokony ho jerena akaiky ireo karazana sampana na antokom-pinoana ao amin'ny finoana Islamo, amin'izay mba tsy hihoam-pefy loatra mankany amin'ny fahaverezana amin'io resaka fangataham-panelanelanana io, ary mila fanitsiana sy taridalana izy ireo amin'izany.

## VIII. TOKANA NY ANTSON'IREO MPAMINANY

Isika dia mino fa ireo mpaminanin'Andriamanitra rehetra ireo dia tanjona tokana ihany no banjinin'izy ireo, dia ny fahasambaran'ny zanak'olombelona izany, amin'ny alàlan'ny finoana an'Andriamanitra sy ny andro farany, ireo fampianarana sy fitaizana ara-pinoana marina, ary koa fampiakarana avo ny fomba fitondran-tena eo anivon'ny fiaraha-monin'ny zanak'olombelona ; ka noho izany dia manaja ireo Mpaminany rehetra isika, izany no nitaizan'ny koroany masina antsika : ***« …. "Tsy manavaka na iza na iza amin'ireo Irany izahay"…. »*** (Sourat Al-Baqara : 285)

Feno tsikelikely ireo finoana masina, ary lasa lalindalina manaraka ny toetr'andro ihany koa ny fampianarana ara-pinoana, ary sahala amin'izany koa ireo karazan'olona maro samy hafa mba handray an'izany fampianarana izany, mandrapahatonga ilay finoana tena feno amin'ireo finoana rehetra no sady farany dia ny finoana Islamo izany : ***« …. Fa ankehitriny, dia nataoko ho lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny finoana Islamo…. »*** (Sourat Al-Maïdah : 03)

## IX. NY FANAMBARAN'IREO MPAMINANY TANY ALOHA (AS)

Mino isika fa betsaka amin'ireo Mpaminany taloha ireo no nanambara ny fahatongavan'ireo Mpaminany izay ho tonga aoriany, i Moussa (as) sy Issa (as) izao dia nanambara ny fahatongavan'ilay Mpaminanin'ny Islamo (saw) ka nataon'izy ireo ho vaovao mahafaly izany, ary na ireo bokin'izy ireo hatramin'izao fotoana izao dia mitahiry an'izany teny izany : ***« Ireo olona izay manaraka ilay Iraka, ilay Mpaminany tsy nianatra (tamin'olona) izay hitan'izy ireo voasoratra tao amin'ny Taoraty sy ny Evanjely…..dia izy ireny no tafita. »*** (Sourat Al-A'arafa : 157)

Izany no anambaran'ny tantara fa misy andian-jiosy izay miverimberina matetika mankany Madinah talohan'ny fivoahan'ny

finoana Islamo mba ho fiandrasana azy (saw) ; Satria ny bokin'izy ireo dia miresaka mikasika ny fahatongavan'ny finoana vaovao avy ao amin'io tany masina io, betsaka tamin'izy ireo no nino ampahibe-maso an'io finoana io rehefa nanda an'izany ny sasany amin'izy ireo noho ny fahitany fa hampidi-doza amin'ny tombontsoan'izy ireo manokana izany.

## X. IREO MPAMINANY (AS) SY NY FANATSARANA NY RAHARAHAM-PIAINANA

Mino isika fa ireo finoana masina rehetra izay nidina tamin'ireo Mpaminany ireo, indrindra indrindra fa ny finoana Islamo dia tsy noho ny fanatsarana ny fiainan'olon-tokana fotsiny no nahatongavany, ary tsy natokana ho an'ny resaka ara-panahy sy ny fomba fitondran-tena fotsiny ihany koa, fa ho fanatsarana ny zavatra rehetra eo amin'ny fiaraha-monina no tanjona aminy, betsaka ireo olona izay mianatra ny fahalalana ilaina eo amin'ny fiainana andavanandro avy amin'ireo Mpaminany ireo, ireo zavatra izay nomarihin'ny koroany masina ao anatin'ireo andininy sasantsasany,
Mino ihany koa isika fa anisan'ny tanjona goavana napetrak'ireo Mpaminany ireo ny fananganana fiaraha-monina tsy miangatra, eo amin'ny fiaraha-monin'ny zanak'olombelona : ***« Nandefa ireo Irakay, niaraka tamin'ireo porofo mazava tokoa Izahay, ary nampidina ny Boky sy ny fandanjana niaraka tamin'izy ireo, mba hampijoroan'ny olona ny fahamarinana…. »*** (Sourat al-Hadid : 25)

## XI. FANOHERANA NY FANAVAKAVAHANA

Mino isika fa ireo Mpaminany ireo, indrindra indrindra fa ilay farany tamin'izy ireo (saw) dia nanohitra ireo karazana fanavakavahana rehetra sy ny resaka ara-poko, fa tamin'ny fijery tokana avokoa no nijereny an'ireo vahoaka sy foko rehetra ireo ary koa ny fiteny na ny

fiavian'izy ireo. Ny koroany dia mitodika amin'ireo karazan'olona rehetra amin'ny teniny manao hoe : ***« Ry olombelona! Noharianay avy amin'ny lahy sy vavy ianareo, ary nataonay ho vahoaka sy foko, mba hifankahalalanareo. Fa ny mendrika indrindra aminareo eo anatrehan'Andriamanitra, dia izay vontompinoana indrindra…. »*** (Sourat Al-Houjrat : 13)

Voalaza araka ny teny malaza izay nolazain'ny Mpaminany (saw) tao Minah tamin'ny fotoanan'ny hadj rehefa nivory teo aminy ny olona rehetra manao hoe : ***« ô ry olona ! Moa ve tsy iray ihany ny Tomponareo? Iray koa ny Rainareo ? Fa angaha moa tsy hoe tsy misy maha ambony ny Arabo amin'ireo olona hafa (ankoatran'ny Arabo), ary ny olona hafa fiaviana tsy ambonin'ireo Arabo ? Ary ny mainty tsy ambonin'ny mena, na ny mena tsy ambonin'ny mainty, afa tsy amin'ny alàlan'ny fatahorana an'Andriamanitra ? Moa ve tsy efa nolazaiko izany ? Dia namaly izy ireo hoe : Eny. Dia niteny Izy (saw) manao hoe : koa aoka ary izay nanatrika teto hilaza amin'izay tsy tonga »***

## XII. NY FINOANA ISLAMO SY NY MAHA-OLONA

Mino isika fa ny fototry ny finoana an'Andrimanitra sy ny maha tokana Azy, ary ireo fampianaran'ireo Mpaminany dia efa misy ara-boajanahary ao anatin'ny tenan'ny zanak'olombelona, nampisotroin'ireo Mpaminany ny ranon'ny tenin'Andriamanitra izy, ary nohalaviriny ny tsilon'ny fampitambarana an'Andriamanitra amin-javatra hafa sy ny fahaverezana : ***« …Tsy misy fanovana amin'ny fahariana nataon'Andriamanitra. Izany no finoana mahitsy, saingy tsy fantatry ny ankamaroan'ny olona. »*** (Sourat Ar-Roum : 30)

Ka izany no antony ahitana ny finoana miaraka mandrakariva amin'ny zanak'olombelona nandritra izay fotoana rehetra izay, fa ny fisainan'ireo tsy manam-pinoana kosa dia tsy ao anatin'izany – araka ny fiheveren'ireo mpanao tantara – jereo ihany koa fa ireo vahoaka izay iharan'ny teriterin'ireo haino aman-jery dia lasa miala amin'ny finoany, nefa dia malaky miverina aminy ihany izany miaraka amin'ny fahazoany ny fahafahana. Eto dia tsy azontsika lavina ny fahambanian'ny foto-piheverana izay nananan'ny vahoaka

maro tany aloha tany, ary mitondra mankany amin'ny fifangarohana ara-poto-kevim-pinoana, izay mitarika ireo vahoaka ireo amin'ny finoanoam-poana, ka ireo Mpaminany dia nanana anjara andraikitra lehibe mihitsy tamin'ny fanesorana izany finoanoam-poana izany, teo anatrehan'ny finoana marina sy ny maha olombelona.

# FIZARANA FAHATELO

## NY KOROANY SY IREO BOKY MASINA REHETRA

### I. Ny filozofian'ny fidinan'ireo boky masina

Mino isika fa Andriamanitra dia nampidina boky masina maromaro mba hitari-dalana ny zanak'olombelona, ary anisan'izany ny takelaka nosoratan'i Ibrahim (as) sy Nouh (as), ny tawrat (Thorah), ny Injil (Evanjely), ary ny koroany masina, izay Izy no tena feno amin'izy rehetra ireo ; Raha toa ka tsy nidina ireo boky ireo dia nanao fahadisona avokoa ny zanak'olombelona amin'ny làlana tokony hizorany amin'ny fahafantarana an'Andriamanitra, sy amin'ny fanompoana Azy, ary dia nanalavitra an'ireo fototry ny fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fomba fitondran-tena mendrika ny olona, ny fomba fitaizana, ary ireo lalàna ifehezana ny fiaraha-monina izay tena ilainy tokoa.

Famindra-po ho an'ny fo tokoa ny fidinan'ireo boky masina ireo, ary nampitsiry tao anatin'ny olombelona ny fakan'ny fitiavam-bavaka, ny fitondran-tena mendrika, ny fahafantarana an'Andriamanitra, ary ny fahalalana sy ny fahendrena: ***« Ireo Irak'Andriamanitra dia nino izay nampidinina taminy avy tamin'ny Tompo Zanahariny, tahaka izany koa ireo olona mpino, ny rehetra dia samy nino an'Andriamanitra avokoa, ireo Anjeliny, ireo Bokiny…. »*** (Sourat Al-Baqarah: 185)

Kanefa anisan'ny zavatra mampalahelo dia nisy fanovana nataon'ireo olona izay nivily làlana sy ireo bado tamin'ny ankamaroan'ireo boky masina ireo, nampidiran'izy ireo hevitra ratsy ao anatiny, fa ny Koroany masina kosa anefa dia tsy mbola nisy nanova noho ny antony izay mbola ho lazaintsika eto, ka dia mbola mijanona toy ny masoandro mibaliaka manazava ny fo amin'ny fotoana rehetra izy : ***«…. Indro tonga aminareo avy amin'Andriamanitra ny hazavana sy ny Boky mazava. Amin'ny alalan' izy io ( Kor'any ) no itarihan'Andriamanintra ireo izay mitady ny hafaliany mankany amin'ny làlan'ny fiadanana….. »*** (Sourat Al-Maïdah : 15.16)

## II. Ny Koroany masina no fahagagan'ny Mpaminany (saw) lehibe indrindra

Isika dia mino fa ny koroany masina no tena goavana indrindra amin'ireo fahagagana nataon'ny Mpaminany Mohammad (saw), tsy hoe akory avy amin'ireo haiteniny sy ireo teny izay mafonja tokoa, na ny fomba fanambarany zavatra sy ny hatsaran'ireo teny ao aminy ihany, fa ny fananany fahagagana hafa amin'ny resaka samy hafa araka ny karazany, izay voalaza ao anatin'ireo bokin'ny finoana sy ny haim-pitenenana ny fanazavana mikasika an'izany.

Ka noho izany dia mino isika fa tsy misy olona afaka ny hahavita mitovy aminy na dia toko (sourat) iray aza, ary efa nampitandrina an'ireo izay manana fisalasalana aminy sy mitady hiverin-dalana ny Koroany masina, izay fampitandremana tsy vitan'olona tokoa ny hiatrika an'izany : ***« Dia lazao hoe: "Fa na mitambatra aza ny olombelona sy ny djiny, mba hamorona mitovy amin'ity Kor'any ity, dia tsy hahavita velively mitovy amin'izany izy ireo, eny, fa na dia hifanohana aza". »*** (Sourat Al-Israai : 88)

***« Fa raha misalasala ny amin'izay nampidininay tamin'ny Mpanomponay kosa ianareo, dia mba mamorona antokontsoratra mitovy aminy ary antsoy aty ireo vavolombelonareo (ireo sampy) izay tompoinareo ankoatra***

***an'Andriamanitra, raha tena mpilaza ny marina tokoa ianareo. »*** ***(***Sourat Al-Baqarah : 23)

Mino isika fa ny Koroany dia tsy nisy naharesy azy mihitsy hatramin'izay, fa tafakatra avo hatrany ny fahagagana misy eo aminy, ary vao maika mitombo sy mazava hatrany ihany koa ny halehibeazany.

Imam As-Swadiq (as) dia efa nilaza tamin'ny teniny manao hoe : ***« Tsy nataon'Andriamanitra ILay Avo indrindra ho an'ny fotoana iray sy ho an'ny vahoaka iray ihany izy ; Fa izy io dia an'ny fotoana vaovao rehetra ary koa amin'ny vahoaka izay mifandimby hatramin'ny andro farany »***

## III. Ny tsy fahafahana manova ny Koroany

Isika dia mino fa ny Koroany masina izay misy eo ampelan-tanan'ireo mpino silamo amin'izao fotoana izao, dia mbola io ihany ilay Koroany izay nidina tamin'ny fotoanan'ny Mpaminany Mohammad (saw), tsy nisy zavatra nampiana na novana.

Hatramin'ny fotoana voalohany nidinan'ny tenin'Andriamanitra dia tena nitandrina azy tokoa ireo izay nanoratra an'izany, ary tamin'izany dia nasaina namaky ireo andininy be dia be izay nidina andro aman'alina ireo mpino silamo, ary toy izany ihany koa eo amin'ny fanompoam-pivavahan'izy ireo, noho izany dia zary mahalany tsianjery azy ny ankamaroan'ireo olona mpino silamo ; Azo lazaina fa tsara vintana tokoa ireo izay mahalany tsianjery sy mpamaky ny koroany masina eo amin'ny fahazoany toerana manokana sy ambony eo anivon'ny fiaraha-monina Islamika ; izany rehetra izany dia anisan'ny fitaovana matanjaka miaro ny Koroany amin'ny fanovana sy fanampiana mety hatao aminy , fanampin'izany, Andriamanitra Ilay Avo indrindra dia efa nampanantena ny fiarovana mandrakizay ny Koroany Masina ka tsy hisy afaka ny hametra-tanana ka handika vilana na hanova azy tanteraka izany : ***« Izahay tokoa no nampidina ny Kor'any, ary Izahay no Mpiaro azy. »*** (Sourat Az-Zoumar : 09)

Ireo manampahaizana lehibe rehetra amin'ny finoana Islamo Shy'at na Sounnat dia samy manaiky fa tsy mbola nisy fanovana mihitsy nahazo ny Koroany, vitsy amin'ireo vondrona roa ireo no milaza fa efa nisy fanovana tao aminy noho ny finoan'izy ireo ny teny voatatitra sasany izay lazain'ireo manampahaizan'izy ireo fa napetrak'olona izy io, izay manohitra tanteraka ihany koa anefa an'io hevitra io, na ny tiany hambara dia ny fandikana vilana ara-kevitra, izany hoe fandikana diso ny votoatin'ilay andinin'ny Koroany masina, na koa mihevitra izy ireo fa tratran'ny fisafotofotoana ireo olona izay milaza fa nisy fanovana teo amin'ny fanazavana ny votoatin'ny andinin'ny Koroany Masina sy ny tenin'ny Koroany , koa tokony ho dinihina tsara izany.
Ny tompon'io foto-pisainana izay mifono fankahalana io dia nalain'izy ireo tamin'ny finoana fa ny koroany dia nisy fanovana izay nataon'ny sasantsasany avy tamin'ireo Shy'at sy ny Sounnat, izany zavatra izany dia toherin'ireo manampahaizana lehibe avy amin'ireo Shy'at sy Sounnat, ka mifanatrika amin'ireo olona tsy mahalala izy ireo, ary asian'izy ireo teboka fanontaniana eo alohan'ny fahamarinan'ireo boky masina lehibe indrindra ireo, ary vonona ny hanolo-tena ho an'ireo fahavalo sy ireo mpankahala an'io finoana io izy ireo.
Ireo izay mpanaraka ny fizotrin'ny tantaran'ny fanangonana ny Koroany hatramin'ny vaninandron'ny Mpaminany (saw), sy ny fitandremana mafy tazomin'ireo mpino silamo amin'ny fanoratana ny Koroany sy ny fanaovana tsianjery azy, ary ny famakiana azy, dia nahita marina fa ny tena tombony amin'izany dia ny tsy fahafahan'olona na oviana na oviana hanenjana ny tanany ka handika vilana ny Koroany Masina, na hanova izany.
Sahala amin'izany koa dia tsy misy Koroany hafa eo ampelatanan'ireo Shy'at ankoatran'io izay ampelan-tanan'ireo mpino Isilamo rehetra ireo io, tsy sarotra ny fahafahana manamarina sy manam-porofo an'izany zavatra izany ; satria mameno ny tranon-tsika sy ireo fitoeram-bokin-tsika ny koroany, eny fa na dia ireo tranombakoka be dia be mikasika ny fandikana ny Koroany sy fitahirizana an'ireo izay efa voadika tanana hatramin'ny taonjato

maro efa ela be aza, ka ireo dikan-tsoratra rehetra ireo dia mitovy avokoa fa tsy misy mifanohitra amin'ny hafa izany, sarotra aloha ny fakana izany porofo izany taloha, fa ankehitriny kosa dia efa mora ny fanaovana an'izany, afaka manao izany avokoa ireo izay mitady hanamarina sy hanaraka akaiky ny mikasika an'io zavatra io, ary ho hitany ihany koa ireo lainga rehetra sy famoronana izay voalaza mikasika izany : ***« …Koa lazao amin'ireo mpanompoko, ireo izay mihaino ny teny, ka manaraka izay tsara indrindra amin'izany,…»*** (Sourat Az-Zoumar : 17-18)
Efa malalaka izao ny fampianarana ny fahalalana mikasika ny Koroany eran'ny anjery manontolo amin'izao fotoana izao, ary miompana amin'ny fikarohana goavana mikasika ny tsy fahafahana mandika vilana na tsy fahafahana manova azy.

## IV. Ny Koroany sy ny filana ara-panahy ary ny filana ara-batan'ny olombelona

Mino isika fa ny Koroany masina dia efa nampiseho ireo fototra izay tena ilain'ny zanak'olombelona hampirindrana ny fiainany ara-panahy na ara-batana, na dia nametraka fototra iaingana aza ireo manampahefana izay tompon'andraikitra voalohany amin'ny raharaham-pitondrana, ireo biraom-pirenena, ny fifandraisana ara-piaraha-monina, ireo fototra ara-pivelomana, ny ady, ny fandriampahalemana, ny ara-pitsarana, sy ireo zavatra hafa, ka ny fampiharana izany no mahafeno fahasambarana ny fiainan'ny olombelona : ***« …Koa nampidininay taminao ny Boky, ho fanazavana ny zavatra rehetra, ho tari-dàlana, sy fahasoavana, ary filazana tsara ho an'ireo mpankato »*** (Sourat An-Nahl : 89)
Ka noho izany dia mino isika fa ny finoana Islamo dia tsy misaraka na oviana na oviana amin'ny fitondrana, sy ny raharaham-politika, ary miantso ny olona hifikitra sy hanaraka ireo zavatra izay napetrak'izy ireo momba ny tenan'izy ireo mba ho famelomana ireo voninahitry ny finoana Islamo, ary ny fananganana ny fiaraha-monina Islamika dia tokony hizotra mifanaraka amin'ny fahamarinana sy ny tsy fiangarana, ary ilaina mifanaraka amin'ny

zon'ireo fahavalo sy ireo namana : ***« Ary ianareo mpino! Aoka ianareo hijoro amin'ny fahamarinana, ary ho vavolombelon'Andriamanitra, na dia zavatra manohitra ny tenanareo, na koa manohitra ny Ray sy Reny sy ireo havana akaiky aza izany…. »*** (Sourat An-Nissai : 135)
***« …Ary aza atao manosika anareo amin'ny fanaovana tsy rariny ny fankahalanareo ny vahoaka iray.Manaova ny rariny ianareo, fa izany no akaiky kokoa ny fitiavam-bavaka… »***

## V. Ny famakiana sy ny fandinihana ary ny asa

Mino isika fa ny famakiana ny Koroany Masina dia anisan'ny fanompoana mendrika tokoa, izay tsy ambanin'ireo fanompoana sasany ireo, satria io famakiana io no manampy amin'ny fandinihana sy famakafakana ny Koroany, ary ny fieritreretana no loharaon'ny asa soa rehetra.
Niteny Andriamanitra tamin'ny Mpaminany (saw) manao hoe : ***« Mitsangàna ianao mandritra ny alina, afa-tsy amin'ny ampahany kely ihany; ny antsasany, na alatsaho kely noho izany; na ampitomboy kely. Ary vakio miadana sady mazava ny Kor'any. »*** (Sourat Al-Mouzammil : 02.04)
Ary nitodika tany amin'ny vahoaka ihany koa Ilay avo indrindra amin'ny teniny manao hoe : ***« …Vakio àry izay vitanareo amin'ny Kor'any… »*** (Sourat Al-Mouzammil : 20)
Kanefa – araka ny efa notanisaintsika – tokony ho lalana mitondra mankany amin'ny fieritreretana sy ny fandinihana ny dikan'ny votoatin'ny koroany izany famakiana izany, ary io fandinihana io dia tokony ho fiatombohana amin'ny fampiharana ny Koroany : ***« Tsy mandinika ny Kor'any va izy ireo? Sa misy hidiny ny fon'izy ireo? »*** (Sourat Mohammad : 24)
***« Nataonay ho mora dinihina tokoa ny Kor'any. Mba misy mieritreritra va? »*** (Sourat Al-Qamar : 17)
***« Ary indro ny boky feno fitahiana izay nampidininay, koa arahonareo izany… »*** (Sourat Al-An'aam : 155)

Ka ireo izay manao tsirambina amin'ny famakiana sy ny fanaovana tsianjery ary ny fandinihina sy ny fampiharana ny Koroany dia tena maty antoka tokoa, satria anisan'ireo asa fototra izany, ary mifandray amin'ireo fototra roa lehibe ireo mihitsy.

## VI. Ireo fikarohana mivilana

Mino isika fa misy ireo ezaka nataon'ny olona izay nampiasa ireo silamo ho amin'ny fandinihana ny andinin'ny Koroany sy ny fampiharana izany, ka tamin'ireo vanim-potoana anankiroa ireo dia ny vanim-potoanan'ireo Oumawyah sy ny Abassyah, no nisian'ireo ezaka maro ireo izay nataon'ireo vahoaka ireo, niezaka tokoa tamin'ny fandinihana ny kor'any izy ireo amin'ny maha hatrizay azy sy ny maha vao haingana azy, ka dia nizara vondron'olona roa lehibe izy ireo, ary nanaraka ny iray amin'izy roa ireo vahoaka, betsaka ny rà nandriaka tamin'ny fanatanterahana izany asa izany, ka noho izany, ny fikarohana sahala amin'ireto dia tsy ho tody amin'ny tena dikany mazava tsara. Raha ohatra ka ny tenin'Andriamanitra no tiana ho resahana na ny momba ny litera ao amin'izany na mikasika ny takelaka nanoratana azy dia lazaina fa vao haingana izy, fa raha ny momba ny fahalalan'Andriamanitra Ilay avo indrindra, dia efa hatrizay izany tahaka ny fisiaNY, saingy ireo mpitondra ratsy fanahy sy ireo mpanao tsindry hazo lena dia nampiasa ireo mpino silamo tamin'izany lohahevitra izany nandritra ny taona maro. Ary  amin'izao fotoana izao dia mbola misy karazan'olona miezaka mitarika ny silamo tsy handinika ireo andininy ao amin'ny koroany sy ny fampiharana azy.

## . VII. Fifehezana an'ireo fandikana ny Koroany Masina

Mino isika fa tsy maintsy raisina amin'ny tena dikany mazava tsara araka ny fahalalana ara-literatiora ny fehezanteny ao amin'ny Koroany Masina, raha tsy hoe misy fifandraisany ara-tsaina, na araka ny tatitra eo amin'ny tena dikan'ilay andininy miafina, na io mibaribary izay mitarika mankany amin'ny dikany hafa (Kanefa tsy maintsy atao ny manalavitra an'ireo fampitoviana mampisalasala, sy

ny tsy handikana ny dikan-tenin'ny Koroany Masina amin'ny fahafantarana avy any anaty sy ny vinavina ankapobeny)
Ohatra mitovy amin'izany dia izao: Raha ohatra ka tena matoky marina isika fa ny tena dikan'ilay andininy manao hoe: ***"Fa izay jamba teto an-tany, dia ho jamba koa any ankoatra, ary vao mainka ho diso làlana."*** (Sourat Al-Israai: 72", dia tsy ireo olona tena jamba tsy mahiratra araka ny voalazan'ilay andininy amin'ny fandikana ara-bakiteny, satria betsaka ireo olona tsara fanahy no tsy mahiratra, fa ny tiana ho lazaina amin'izany dia ireo jamba ny fony sy ny ao anatiny; ka ny fampitoviana ara-keviny eto no manosika antsika amin'ny fandikana sahala amin'izany.
Ohatra hafa ihany koa dia ny fanoharana izay ataon'ny Koroany Masina mikasika ireo fahavalon'ny finoana Islamo izay ohariny amin'ny moana sy marenina ary koa jamba:
***"....Marenina, moana, jamba ka tsy mandefa fisainana izy ireny."*** (Sourat Al-baqarah: 171) Mazava ho azy izany fa ny endrika izay nomen'ny Koroany Masina an'ireo vondron'olona ireo dia endrika anatiny fotsiny ihany (Izany fandikana izany dia niankina tamin'ny fampitoviana feno tokoa)
Ary rehefa miteny Andriamanitra Ilay Avo indrindra manao hoe: ***"....kanefa misokatra malalaka ireo tànany anankiroa ..."*** (Sourat Al-Maïdah: 64), na ny teniny izay milaza hoe: ***"ary mamboara sambofiara eo anatrehanay ..."*** (Sourat Houd: 38) tsy midika izany akory fa hoe Andriamanitra dia manana rantsambatana toy ny tanana sy ny maso, satria ny vatana izay fitambaran-javatra dia tsy maintsy voafetran'ny fotoana sy ny toerana foana, ary misy fitodihana, ka tsy maintsy ho foana izany, ary Andriamanitra ILay Avo sy be Voninahitra dia lehibe goavana mihoatra an'izany endrika izany, fa ny tiana ho lazaina amin'ny teny hoe ***"tànana"***dia ny fahefana feno ananany izay mampiondrika ny eo anatrehany ireo zavatra rehetra , ary amin'ny teny hoe "maso" dia ny fahalalany an'ireo zavatra rehetra.
Ka noho izany dia tsy manaiky velively na inona na inona an'ireo fandikana hafahafa rehetra isika – na io mifandray amin'ireo endrika izay omena an'Andriamanitra na zavatra hafa ankoatra izany- ary

koa tsy manaiky ireo fampitoviana sy fampianarana amin-kabadoana rehetra, kanefa dia ny fiankinana amin'izany fomba fampitoviana izany no arahina eo amin'ireo olona misaina rehetra. Ny Koroany koa aza dia manaraka an'izany fomba izany ihany koa araka ny teniny manao hoe: ***"Ary tsy nandefa Mpaminany Izahay raha tsy tamin'ny fitenin'ny vahoakany mba hanazava amin' izy ireo...."*** (Sourat Ibrahim: 4) ka ny fampitoviana ny fandikana eto dia mazava tsara fa tsy maintsy mifanaraka amin'izay voalaza eo.

## VIII. Ny mahazava-doza ny fandikana ny Koroany ara-kevitra

Mino isika fa ny fandikana ny Koroany ara-kevitra dia anisan'ny iray amin'ireo loza mitatao amin'ny Koroany Masina, ka na ireo fanambarana (hadith) dia nihevitra azy io ho tena anisan'ireo fahotana lehibe, sy hahatonga an'ireo olona manana an'izany fomba izany hanalavitra an'Andriamanitra Ilay Avo indrindra, satria Andriamanitra mihitsy no efa niteny tamin'ny fanambarana masina nolazainy hoe: ***Tsy anisan'ireo izay mino Ahy ireo olona izay mandika ny teniko amin'ny heviny irery fotsiny"***, mazava tsara izany teny izany satria ny olona tena mpino marina dia tsy handika ny tenin'Andriamanitra amin'izay itiavany azy sy izay iriny.
Mbola voalaza ihany koa izany ao amin'ireo teny Masina (Hadis sharif) izay nolazain'ny Mpaminany (saw), voarakitra ao amin'ireo loharanom-pahalalana malaza toy ny At-Tirmidhiy, An-Nissai, Abu Dawoud manao hoe: ***" Izay olona milaza zavatra momban'ny koroany amin'ny heviny fotsiny ihany na tsy tamin'ny fahalalana dia efa nametraka seza fitoerana ho azy sahady ao amin'ny afobe"*** Ny tiana hambara amin'ny hoe fandikana ara-keviny, dia ny fandikana ny tenin'ny Koroany Masina araka ny fanirian'ny tenany, na ny vondrona izay misy azy, tsy naka izany fandikana izany avy tamin'ireo mpandika ny tenin'ny Koroany na ireo izay nijoro vavolombelona nanatrika an'izany, ary raha ny tena marina dia tsy mpanaraka ny Koroany masina io olona io, fa ny

zavatra tadiaviny dia ny Koroany no ilainy hanaraka azy, ary tsy nanao izany izy raha toa ka feno finoana marina ny Koroany ny fony. Tsy isalasalana tokoa fa ho very tanteraka ny voninahitry ny Koroany Masina raha toa ka, avela hisokatra ny fandikana ara-kevitra (araka izay itiavana azy) izany boky masina izany, satria samy handika araka izay iriany daholo ny olon-drehetra, ka ho zary hanaraka izay finoana diso rehetra izao ny Koroany.

Noho izany, ny fandikana ara-kevitra (faniriana manokana), izany hoe ny fandikana ny Koroany Masina mifanohitra amin'ny hainteny sy ny voambolana arabo na ny fahaizana mazava tsara an'ilay teny, ary ny fanarahana azy araka izay fiheverana diso sy ny fanirian'olona na vondron'olona vitsivitsy, dia mitondra mankany amin'ny fanovana sy fandikana vilana ny dikan'ny tenin'ny Koroany Masina

Ny fandikana ny Koroany Masina ara-kevitra dia misy olana isan-karazany ary betsaka tokoa, anisan'izany ny fanarahana arak'asa ireo andinin'ny koroany, ny fahadiovan'ny fikarohana mikasika ny fanelanelanana sahala amin'ny mahatokana an'Andriamanitra, na ireo Imam, na ny zavatra hafa izay lazain'ireo andininy, ka tsy mifanohitra amin'ny heviny ary hapetrany izay tsy mifanaraka amin'ny eritreritriny, kanefa izany mety afaka handika an'ireo andininy hafa.

Famitinana: Ny fiziriziriana amin'ireo fandikana ny andinin'ny Koroany Masina, ny tsy firaharahiana ireo tombatombana ara-tsaina sy araka ny lovan-tsofina izay azo iankinana dia noheverina fa ho anisan'ny fandikana vilana ny Koroany Masina, toy izany koa ny fandikana ara-kevitra (fanirian'ny tena) dia karazany hafa amin'ny fandikana vilana, ka izy roa ireo dia mitondra mankany amin'ny fanalavirana ny fampianaran'ny Koroany Masina izay avo dia avo tokoa, ary koa ny lanjan'io boky Masina io, ka tokony handinika tsara.

## IX. Fomba amam-panao izay avy amin'ny bokin'Andriamanitra

Mino isika fa tsy azon'ny olona iray atao ny miteny hoe: ***"Ampy antsika ny bokin'Andriamanitra"*** ka tsy te-hahafantatra ireo teny masina sy fomba amam-panaon'ny Mpaminany izay tena mandika marina ny Koroany masina izy, manambara ny teny mamafa sy ny voafafa, ny teny izay milaza zavatra voatokana sy ireo izay milaza teny ankapobeny, sy manazava ireo fototry ny finoana sy ireo rantsany, satria ireo andinin'ny koroany ireo dia noheverina fa efa fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw), ary ny tantarany no vavolombelon'ireo mpino, ary nataony ho anisan'ireo loharano fototra amin'ny fahafantarana mazava ny finoana sy ho fanatsoahana ireo fitsipi-dalana izany teny sy fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw) izany : ***"....Raiso izay omen'ilay Iraka ho anareo, fa avelao kosa izay andraràny anareo...."*** (Sourat Al-Hashr: 7)

***"Tsy anjaran'ny mpino lahy, na ny mpino vavy ny misafidy amin'ny fanatanterahany zavatra iray, rehefa voatapak'Andriamanitra sy ny Irany izany. Ary izay tsy Mankato an'Andriamanitra sy ny Irany, dia tena very làlana tokoa."*** (Sourat Al-Ahzaab: 36)

Koa ireo izay tsy miraharaha ireo fomba amam-panaon'ny Mpaminany dia efa manohitra ny Koroany, saingy araka ny mahazatra, ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw) dia tokony alaina avy amin'ireo fototra izay azo iankinana, manana ny maha izy azy, fa tsy azo atao ny mandray izay teny rehetra voalaza fa hoe avy amin'ny Mpaminany (saw), niteny ny Imam Ali (as) tamin'ny toriteny iray izay nataony : ***"Efa nisy ireo izay nandainga tamin'ny Mpaminany (saw), ka nitsangana izy no sady niteny nanao hoe: Izay olona milaza zavatra lainga fa hoe avy amiko izany dia efa nametraka ny toerany sahady any amin'ny afobe"***

Misy teny mifanakaikikaiky amin'ny dikan'izany voalaza ao amin'ny Al-Boukharyi 1 pejy 38

## X. Ireo fomba amam-panaon'ireo Imam Ahl Bayt (as)

Mino isika fa ireo teny masina (hadis) izay voatatitra avy amin'ireo Imam Ahl Bayt (as) ireo dia tsy maintsy ankatoavina sahala amin'ireo teny izay voatatitra avy amin'ny Mpaminany (saw) satria Voalohany: Manazava ny dikan'ireo teny masina mifanesisesy voatatitra izay efa diso fantatra loatra nampitain'ireo boky goavana milaza ireo teny (hadis) masina malaza misy eo ampelatanan'ireo Sounnat sy ireo Shy'at ireo, ka ao amin'ny Swahih At-Tirmidhy dia milaza toy izao ny Mpaminany (saw) manao hoe***: "Ry olona! Efa nametraka zavatra eo aminareo aho, koa raha mifikitra amin'izany ianareo dia tsy ho very, ny bokin'Andriamanitra sy ireo fianakaviako"***

Faharoa: Notaterin'ireo Imam Ahl Bayt (as) avokoa ireo tenin'ny Mpaminany (saw), ary nohazavain'izy ireo tsara fa ireo zavatra izay tenenin'izy ireo dia avy amin'ireo Raiben'izy ireo izay azony avy amin'ny Mpaminany (saw)

Mazava ho azy ary fa efa fantatry ny Mpaminany (saw) sahady ny ho avin'ireo vahoakany sy ireo olana izay tsy maintsy hosedrain'izy ireo eny an-dalana, ka noho izany dia nohazavainy ny làlana eo alohany mba hamahana ireo olana izay hiseho aty aoriany, ka nomeny alàlana fa azo atao ny manaraka ny boky masina Koroany sy ireo Imam avy amin'ny fianakaviany (as). Moa ve mety ny finiavana ny tsy hahalala ny fanambarana (hadis) masina sahala amin'izany, izay tena azo iankinana sy mazava tokoa, ary azo atao ve ny mandalo fotsiny amin'izao?!!

Isika dia mino fa io resaka iray io raha toa ka dinihina akaiky tsara amin'ny fandinihana lalina dia tsy hisedra an'ireo olana sasany izay misy ao aminy velively ireo mpino Isilamo, izay olana hiezahan'izy ireo tokoa ny hitambatra mba hamaha an'izany amin'ny alàlan'ny finoana sy ny dikan'ny Koroany Masina ary ireo fahalalana ny lalàna

# FIZARANA FAHA EFATRA

## NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY

## SY NY FIAINANA AORIAN'NY FAHAFATESANA

### I. Tsy mazava mihitsy ny fiainana tsy misy fiverenana

Isika dia mino fa ny olombelona dia tsy maintsy hatsangana indray aorian'ny fahafatesany mba ho tsaraina, amin'izay samy hahazo ny valin'asany avokoa ny olona rehetra, ka ireo izay nanao asa tsara dia ny Paradisa no hitoerany, fa ireo izay nanao ratsy kosa dia ny afobe no hipetrahany: ***« Andriamanitra! Tsy misy andriamanitra afa-tsy Izy! Fa tsy maintsy mbola havoriny ianareo amin'ny andro farany, ary tsy isalasalana ny amin'izany…. »*** (Sourat An-Nissa-i : 87) ***« - Fa ho an'izay nihoa-pefy kosa, ka nisafidy ny fiainana an-tany, dia ny helo no ho fialofany. Fa ho an'izay natahotra ny hiseho eo anatrehan'ny Tompony, ka niaro ny tenany tamin'ny sitrapo, dia ny Paradisa no ho fialofany. »*** (Sourat An-Nazy'at: 37.41)

Mino isika fa ity fiainana an-tany ity dia tetezana hizoran'ny zanak'olombelona hiampitany mankany amin'ny toerana hisy azy mandrakizay, na koa azo lazaina amin'ny dikany hafa hoe sekoly na tsena fivarotana na tanimboly ho an'ny tontolo any an-koatra.

Nilaza ny Imam Ali (as) mikasika an'ity fiainana an-tany ity hoe : ***« Ny eto ambonin'ny tany dia trano mahatoky ho an'ireo izay mahatoky azy…ary tranon'ny harena ho an'ireo izay maka vatsy aminy, tranon'ny anatra ho an'ireo izay maka fananarana avy aminy, fiankohofan'ireo izay tian'Andriamanitra, ary toeram-***

***panompoan'ireo anjelin'Andriamanitra, ary fidinan'ireo hafatr'Andriamanitra, famarotan'ireo sakaizan'Andriamanitra »***

## II. Mazava ny porofon'ny fiverenana

Isika dia mino fa mazava tsara ireo porofo mikasika ny fiverenana, ary izany dia izao :

Voalohany : Tsy eken'ny saina raha ny fiainana eto ambonin'ny tany no ho tanjona amin'ny fiafaran'ny fahariana ny zanak'olombelona, handany ireo andro maro izay tena feno fahasahiranana, ka avy eo hiala aminy amin'izao fotsiny ary ho vita ho azy ny zavatra rehetra : ***« Noheverinareo va, fa Noharianay tsy nisy tanjona ianareo, ary tsy averina aty Aminay? »*** (Sourat Al-Mou-ominoun : 115)

Io andinin'ny koroany io dia manambara fa ny fiainana eto ambonin'ny tany dia ho lasa foana, raha tsy misy ny fiverenana

Faharoa : Ilaina ny fahamarinan'Andriamanitra eo amin'ny fanavahana ireo mpanao tsara sy ny mpanao ratsy mba samy hanomezana azy ireo ny valin'asany rehetra izay mendrika azy : ***« Mihevitra va ireo mpanao asa ratsy, fa hataonay mitovy amin'izay mino sy manao asa soa izy ireo, amin'ny fahavelomany sy ny fahafatesany? Tena ratsy tokoa ny fitsaran'izy ireo! »*** (Sourat al-Jathyat : 21)

Fahatelo : Ny famindra-pon'Andriamanitra dia tokony tsy ho tapaka amin'ny maha Tompo azy, ary koa amin'ny fahasoavana aorian'ny fahafatesana, ka hitohy izany fahalavorarian'ny zanak'olombelona amin'ireo izay mendrika azy : ***« .....Izy dia nitonon-tena ho Mpamindra-fo. Hanangona anareo amin'ny andro fitsanganana tokoa Izy, tsy misy isalasalana ny amin'izany,… »*** (Sourat Al-An'Aam : 12) .

Miteny an'ireo olona izay misalasala ny fiverenana amin'ny andro farany ny koroany masina manao hoe : ***« Moa reraky ny fahariana voalohany va Izahay? Nefa feno fisalasalana izy ireo mikasika ny fahariana vaovao. »*** (Sourat Qaf : 15) ary koa : ***« Nanao fanoharana iray Taminay izy, saingy hadinony ny nahariana azy; hoy izy: "Iza no hanome aina indray ireo taolana rehefa***

***lasa vovoka? Lazao hoe: "Ilay Nahary azy ireo tamin'ny voalohany, no hanome azy ireo aina indray. Fantany avokoa ny zavaboahary rehetra »*** (Sourat Yassin : 78 – 79)
Fanampian'izany dia tsy sarotra mihoatra ny fahariana ny lanitra sy ny tany ny fahariana ny olombelona, ka Ilay Mahefa amin'ny fampisiana izao tontolo lehibe izao sy ireo zava-mahagaga ary mahatalanjona ao aminy ao dia Mahefa ihany koa amin'ny famelomana indray ireo maty : ***« Tsy hitan'izy ireo va, fa Andriamanitra no Nahary ny lanitra sy ny tany, izay tsy mbola sasatra tamin'ny fahariana izany, ary afaka mamerina indray ny aina amin'ireo maty? Izany mihitsy. Mahefa ny zavatra rehetra tokoa Izy. »*** (Sourat Al-Ahqaaf : 33).

## III. Fiverenana ara-batana

Mino isika fa ny vatana miaraka amin'ny fanahy no hatsangana miaraka indray amin'ny andro farany, mba hahazoan'izy roa ireo fiainana vaovao indray, satria amin'ny alàlan'ny vatana sy ny fanahy no anatanterahana ny asa atao ety ambonin'ny tany, ka tokony samy homena ny anjarany avy izy roa ireo, na koa samy ho saziana arak'izany ihany koa.
Ireo andininy rehetra ao amin'ny koroany izay miresaka ny andro fiverenana dia manambara ny fiverenana ara-batana, satria namaly an'ireo izay gaga sy manohitra ary mifampanontany ny fomba fiverenan'ireo taolana izay efa rava sy potika ho velona indray izy ka niteny hoe : ***« Lazao hoe: "Ilay Nahary azy ireo tamin'ny voalohany, no hanome azy ireo aina indray… »*** (Sourat Yassin 79) sy : ***« Mihevitra va ny olombelona, fa tsy hatambatray ny taolany? Izany mihitsy! Afaka mamerina ireo lohan-drantsan-tànany amin'ny toerany Izahay. »*** (Sourat Al-Qyamat : 03.04)
Io andininy io sy izay mitovy aminy dia manaporofo mazava tsara ny amin'ny fiverenana ara-batana, sahala amin'ireo andininy izay miresaka mikasika ny fitsanganana avy ao amin'ny fasana, ary dia mampiseho mazava tsara ny mikasika ny fiverenana ara-batana

(Toy ny ao amin'ny andininy faha : 51, 52 Sourat Yassin ; Sourat Al-Qamar : 07 ; ary Al-Ma'arij : 43)
Ary manazava an'izany koa ny ankamaroan'ireo andininy izay milaza manokana ny fiverenana ao amin'ny koroany masina, fa vatana sy fanahy ny fiverenana

## IV. Ny tontolo aorian'ny fahafatesana.

Mino isika fa ny fiafenan'ny tontolo izay aorian'ny fahafatesana sy ny fitsanganana aorian'ny fahafatesana, ary ny Paradisa sy ny afobe no tena halaintsika sary an-tsaina betsaka amin'ireo zavatra maro izay eto amin'ity tontolontsika izay voafetra ity, ary tsy haintsika ny momba izany tontolo izany : ***«Tsy misy ny mahafantatra izay nomanina ho azy ireo, ho fifalian'ny maso »*** (Sourat AS-Sajdah : 17)
Voalaza koa ao amin'ny tenin'ny Mpaminany manao hoe ***: « Niteny Andriamanitra : Nanomana zavatra tsy mbola hitan'ny maso sy tsy mbola ren'ny sofina ary tsy mbola tsapan'ny fon'ny zanak'olombelona Aho ho an'ireo mpanompoko sy ireo mpanao asa tsara »***
Isika eto ambonin'ity tany ity dia sahala amin'ny zazakely iray ao anatin'ny kibon'ny reniny, izay tsy mba mahalala an'izany hoe masoandro, sy ny volana, ny rivotra, ny voninkazo, ary ny fanonjan'ny ranomasina izany, eny fa na dia manan-tsaina sy matsilo aza izy ; ka ity tontolo ity eo anoloan'ny tontolon'ny fitsanganana amin'ny maty dia sahala amin'ny tontolon'ny zazakely eo anoloan'ny tontolon'ny ety ambonin'ny tany, koa diniho tsara

## V. Ny fiverenana sy ireo asa

Mino isika fa ireo rakitsoratra izay mitahiry ireo asantsika dia hatolotra antsika indray amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, ka ireo olona tsara dia omena azy amin'ny tanany havanana ny bokiny, fa ireo olona ratsy kosa dia amin'ny haviany, amin'izay fotoana izay dia ho ravoravo ireo nanao asa tsara, ary ho kivy ireo

mpanao ratsy : ***« Fa ilay nomena ny Bokiny amin'ny tanany ankavanana kosa, dia hiteny hoe: "Jereo! Vakionareo ny bokiko. Azoko antoka fa ho hitako ao ny tatitra momba ahy".Hiaina amin'ny fiainana mahafapo izy, any amin'ny zaridaina ambony, izay misy voankazo azo takarina amin'ny tànana. "Mihinàna sy misotroa amim-pahafinaretana ianareo, noho izay efa nataonareo taloha" Fa izay hanolorana ny bokiny amin'ny tànany ankavia kosa, dia hiteny hoe: "Indrisy mantsy! Naleoko tsy natolotra ahy ny bokiko. »*** (Sourat : 19,25)
Kanefa dia tsy mba mazava amintsika mihitsy hoe nanao ahoana ny nanoratana an'ity boky izay tsy misy na iza na iza afaka ny hanohitra azy ity, ary tsy misy mahalala izay tena bika aman'endriny. Efa nambarantsika tany aloha tany fa ny momban'ny fiverenana dia zavatra iray manokana izay tsy hisy afaka ny hahazo sy hahafantatra azy ny olombelona ety ambonin'ny tany, afa-tsy ny hoe tsy misy afaka ny handa izany amin'ny fisian'ny fiverenana.

## VI. Ny vavolombelona amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny maty

Mino isika fa Andriamanitra no vavolombelon'ireo asa nataontsika rehetra, ary torak'izany koa, mbola misy vavolombelona hafa any dia ireo tanantsika sy ny tongontsika, ireo hoditrantsika, ary ny tany izay nipetrahantsika teo amboniny: ***« Amin'izany andro izany, dia hidinay ny vavan'izy ireo, fa ny tànan'izy ireo kosa no hiteny Aminay, ary ny tongotr'izy ireo dia hijoro vavolombelona amin'izay nataony. »*** (Sourat Yassin : 65)
***« Hiteny amin'ny hodiny izy ireo hoe: "Ahoana ianareo no mijoro vavolombelona manohitra anay?", dia hamaly ny hoditra hoe: "Andriamanitra no nampiteny anay, Izy Ilay mampiteny ny zavatra rehetra…. »*** (Sourat Foussilat : 21
***« Amin'izany andro izany, dia hanambara ny vaovaony izy, araka izay nambaran'ny Tomponao azy. »*** (Sourat Az-Zalzalat : 04,05)

## VII. Ilay làlana mahitsy sy ny Mizanan'ireo asa

Isika dia mino ny fisian'ny làlana mahitsy sy ny mizana amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny maty, io làlana io no tetezana izay mandalo eo ambonin'ny afobe mba hiampitan'ny olona rehetra, Eny, ny làlana mankany amin'ny Paradisa dia mandalo eo ambonin'ny Afobe : ***« Tsy misy aminareo, ka tsy handalo ny afobe, lalàna tsy azo hialana izany amin'ny Tomponao. Avy eo, dia havotanay ireo tia-vavaka, fa avelanay handohalika ao kosa, ireo mpanao ny tsy rariny. »*** (Sourat Maryam : 71,72)

Ny famakivakiana an'io làlana andalovana io dia tena mampidi-doza tokoa, manana fifandraisana amin'ny asan'ny zanak'olombelona izy, ary efa nilaza an'izany ireo teny masina manao hoe : ***« Misy amin'izy ireo ny mandalo eo sahala amin'ny fitsoriahan'ny Bouraq, ary misy ny mandalo eo sahala amin'ny fandehanan'ny soavaly, misy ny mandady rehefa mandalo eo, misy ny toy ny mandeha antongotra mandalo eo, ary misy ny mihantona, mandalo eo, ka mety haka kely avy aminy ny afobe na hamela kely avy aminy »***

Fa ny mizana kosa dia arak'izany anarany izany, izy no entina handanjana ireo asan'ny zanak'olombelona, eny, amin'izany fotoana izany dia ho lanjaina avokoa ireo asantsika mba hahaizana azy sy hitsarana antsika tsirairay avy arak'izany : ***« Hapetrakay ny mizana marina, amin'ny andro fitsanganana, tsy hisy olona ho tratran'ny fitongilanana na kely aza, eny fa na dia toy ny voatsinampy, dia ho asehonay, ampy ho Mpitsara tokoa Izahay. »*** (Sourat Al-An'bya : 47)

***« Ka ho an'izay mavesa-danja ny asa vitany, dia hanana fiainan-tsambatra izy, fa izay maivan-danja kosa ny asa vitany, dia lavaka mangitsokitsoka no fialofany. »*** (Sourat Al-Qari'ah : 06,09)

Mazava ho azy, fa isika dia mino fa ny fahatafitan'ny olona iray amin'izany andro izany dia miankina amin'ny asany,

tsy ny nofinofiny na ny fanantenany no hanafaka azy amin'ny Afobe, Tsy misy tombontsoa antenainao izany eny rehetra eny ankoatran'ny lalan'ny fitiavam-bavaka (ombam-pitandremana) sy fahatahorana (ombam-pankatoavana) : ***« Takalonaina ho an'izay nataony ny fanahy tsirairay »*** (Sourat Al-Moudathir : 38)
Izay notanisaintsika teo izay no fanazavana fohifohy mikasika ilay làlana sy ilay mizana, fa ny tena marina dia sarotra amintsika ny hahay ny votoatiny ary koa miafina amintsika izany, satria io tontolon'ny andro farany io dia tena mivelatra tokoa noho ity tontolo ambonin'ny tany ity, ka anisan'ny olana sy tena sarotra mihitsy ny fahafantarana na fahaizana amin'ny tena dikany mazava ny zavatra izay kobonin'izany tontolo izany.

## VIII. Ny fanelanelanana amin'ny andro farany

Mino isika fa ireo Mpaminany rehetra sy ireo Imam (Mpitarika ara-pinoana) izay tsy voapentin'ny ota, ary ireo sakaizan'Andriamanitra rehetra ireo dia manao fanelanelanana avokoa araka ny alalana avy amin'Andriamanitra ho an'reo mpanao fahotana sasantsasany mba hahazoan'izy ireo ny famelana avy amin'Andriamanitra, fa izany alàlana izany dia voatokana ho an'ireo izay tsy nanapaka mihitsy ny fofotry ny fifandraisany tamin'Andriamanitra na tamin'ireo sakaizan'Andriamanitra ireo, ka noho izany dia tsy tena feno tanteraka izany fanelanelanana izany fa misy karazany lalàna mamatotra azy miankina amin'izay nataontsika sy ny finiavantsika : ***« …tsy manelanelana izy ireo raha tsy amin'izay Ankasitrahany…. »*** (Sourat Al-An'bya : 28)
Ny fanelanelanana – araka ny efa nambarantsika teny amboalohany – dia fomba fitaizana, fomba iray izay hanakanana ny zanak'olombelona tsy ho rendrika ao anatin'ny fahotana tanteraka, ary koa tsy hanapaka ireo fifandraisany sy ireo tetezana mampifandray azy amin'ireo sakaizan'Andriamanitra, ka manentana azy hamela ny fanaovana fahotana ary mba hiverenany amin'Andriamanitra indray.

Tsy isalasalana ary fa ny toerana misy ny « fanelanelanana goavana » indrindra dia an'Ilay irak'Andriamanitra (saw), ary manaraka avy aoriany amin'izay ireo Mpaminany sasany sy ireo Imam izay tsy voapentin'ny ota, ireo manam-pahaizana sy ireo maty maritiora ary ireo mpino ihany koa aza, eny fa na hatramin'ny koroany masina, ireo asa soa rehetra dia manao fanelanelanana avokoa.
Voalaza araka ny tenin'ny Imam As-Swadiq (as) : ***« Tsy misy na dia iray aza amin'ireo olona efa lasa tany aloha sy ireo izay avy tato aoriana ka tsy mitady ny fanelanelanana avy amin'i Mohammad (saw) amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny maty »***
Misy koa ny tenin'ny Mpaminany (saw) milaza hoe : ***« Miisa dimy ny mpanelanelana : ny koroany, ny famindra-po, ny fitokisana, ary ny Mpaminaninareo sy ireo fianakavian'ny Mpaminaninareo »***
Araka ireo tenin'ny Imam As-Swadiq (as) dia nilaza izy manao hoe : ***« Hampiakarin'Andriamanitra amin'ny andro farany ny manampahaizana iray sy mpanompo iray ho eo aminy, koa rehefa tonga eo anatrehan'Andriamanitra ILay Be voninahitra izy roa ireo dia misy miteny amin'ilay mpanompo hoe mandehanà any amin'ny Paradisa ianao, ary misy miteny amin'ilay manampahaizana hoe, mijanonà eo ianao mba hanelanelana ny olona amin'ny fampianarana tsara izay nataonao tamin'izy ireo »***
Ao amin'io teny masina (hadis) io dia voatondro mazava tsara ny fahatsorana sy ny filozofian'ny fanelanelanana

## IX. Ny tontolon'ny « Barzakh »

Isika dia mino ny fisian'ny tontolo iray fahatelo izay eo anelanelan'ny tontolo ambonin'ny tany, sy ny andro farany, izay antsoina hoe « Barzakh », mandeha mankany ny fanahin'ireo zanak'olombelona rehefa maty izy ireo mandrapaha-tongavan'ny andro fitsarana : ***« … aorian'izy ireo ny tontolon'ny « Barzakh », hatramin'ny andro***

***izay hananganana azy ireo amin'ny… »*** (Sourat Al-Mou'minouna : 100)

Ny tena marina dia tsy manana fahalalana betsaka mikasika an'io tontolo io isika, afa - tsy hoe, ny fanahin'ireo olona tsara dia hipetraka eny amin'ny toerana ambony indrindra, ary hahazo fahasoavana be dia be tokoa : ***« Aza heverinareo ho isan'ireo maty mihitsy ireo izay novonoina tamin'ny làlan'Andriamanitra. Raha ny marina, dia velona eo anatrehan'ny Tompo Zanahariny izy ireny, ary mahazo anjaram-pivelomana. »*** (Sourat Aal Imran : 169)

Ary ireo fanahin'ireo mpanao tsindry hazolena sy mpihao-pefy ary izay miaraka amin'izy ireo dia ho saziana araka ny nolazain'Andriamanitra raha niteny momba an'i Faraona sy ireo mpanaradia azy Izy manao hoe : ***« ny afo mandoro azy ireo marain-tsy hariva. Ary amin'ny andro hiavian'ilay Ora (dia holazaina hoe): "Ampidiro ao amin'ny fanasaziana mafy indrindra ireo olon'i Faraona" »***.(Sourat Ghafir (Al-Mou-min): 46)

Mbola misy karazana andiany fahatelo koa any, izay eo anelanelan'izy roa ireo, tsy voan'ireo zavatra izay misy amin'izy roa ireo izy, izany hoe ao anatin'ny fisalasalana lalina amin'izay hiafarany foana izy ao anatin'ny tontolon'ny « Barzakh » io mandrapahatongan'ny andro hananganana azy amin'ny maty : ***« Ary amin'ny andro hahatongavan'ilay Ora, dia hianiana ireo mpanao ratsy, fa ora iray ihany no nijanonan'izy ireo. Toy izany no nampivily làlana azy ireo, fa ireo izay nomena ny fahalalana sy ny finoana kosa, dia hiteny hoe: "Hatramin'ny andro fitsanganana amin'ny maty no nijanonanareo tao, araka ny voarakitra ao amin'ny Bokin'Andriamanitra. Indro ny andro fitsanganana amin'ny maty, saingy tsy fantatrareo izany" »***.(Sourat Ar-Roum : 55, 56)

Misy tenin'ny Maminany (saw) manao hoe : ***« Ny fasana dia anisan'ny efitra iray amin'ireo efitry ny Paradisa, na koa ho lavaka iray amin'ireo lavaky ny Afobe »***

## X. Ny valisoa tsy hita maso sy ny azo tsapain-tanana

Mino isika fa ny valisoa amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty dia mizara roa, azo tsapain-tanana sy tsy hita maso, satria ny fitsanganana amin'ny maty dia miharihary azo tsapain-tanana sy tsy hita maso ihany koa.

Izao no zavatra voalazan'ny koroany masina sy ireo fanambarana (hadis) mikasika ny Paradisa: ***« …zaridaina (Paradisa) izay ikorianan'ny renirano eo ambaniny, …. »*** (At-Tawbah : 89) ary ny fihinana sy alokaloka maharitra mandrakizay ***: « …tsy ho lany ny voankazony, ary misy hatrany ny alokalony…. »*** (Sourat Ar-Ra'ad : 35), Ireo andefimandry kanto sy voadio (Sourat Aal Imran : 15) ary ireo fahasoavana izay mitovy amin'izany, ka ny fahatsapana ny afo ao amin'ny « Jahannam » Afobe sy ny saziny mangirifiry, ny tiana ho lazaina amn'izany dia ny fahalavirana ara-materialy amin'ireo valisoa amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty.

Ny tena zava-dehibe amin'izany anefa dia ilay valisoa tsy hita maso izay hita mivaingana ao anatin'ny fahazavan'ny fahalalana an'Andriamanitra, ny fanakaikezana ara-panahy amin'ilay Mpahary, sy ny fanalehibeazana ny fahatsarany, sy ny Voninahiny izay Avo indrindra, ka hanome fahafinaretana izay tsy misy toa azy ary tsy ho vita ho tanisaina amin'ny lela izany na ho velabelarina.

Efa notanisan'ireo andinin'ny koroany masina ny sasantsasany amin'ireo fahasoavana mivaingana izay ananan'ny Paradisa, ka toy izao no lazainy : ***« … Ary lehibe ny fifalian'Andriamanitra, »*** ka arahin'ny fehezan-teny manao hoe : ***« …izany dia fahombiazana lehibe indrindra »*** (Sourat At-Tawbah : 72) izany tokoa. Mazava ho azy fa tsy misy zavatra mahafinaritra indrindra mihoatra an'izany ho tsapan'ireo olombelona dia ny hoe efa faly aminy Ilay Tompo.

Ka misy tenin'ny Imam Ali ibn Al-Hassan (as) manao toy izao : ***« Niteny Andriamanitra Ilay Avo indrindra : Ny hafaliako aminareo, sy ny fitiavako anareo dia lehibe indrindra noho izay efa eo aminareo… »***

Marina tokoa izany, ahoana ny hatsaran'ny teny izay milaza amin'ny olombelona manao hoe : ***« Ry fanahy feno fahatoniana! Miverena***

***amim-pifaliana sy amim-pankasitrahana amin'ny Tomponao ianao, Koa mandrosoa ho isan'ireo mpanompoko, ary mandrosoa ao amin'ny Paradisako. »*** (Sourat Al-Fajr : 27, 30)

# FIZARANA FAHADIMY

## NY IMAMAT

### I. Ny fitohizan'ny Imamat

Mino isika fa araka ny fahendren'Andriamanitra dia takiana ny fandefasana ireo Mpaminany mba hitari-dalana ny zanak'olombelona, ary takiana ihany koa ny fisian'ireo Imam (Mpitarika ara-pinoana) aorian'ny Mpaminany amin'ny fotoana rehetra, mba ho fiarovana ireo fitsipi-dalana sy ireo finoana mba tsy ho tratry ny fanovana, sy ho famaliana ireo filan'ny 'ny olona amin'ny andro rehetra, ary fiantsoana azy ireo hankany amin'Andriamanitra, sy hifikirana amin'ny finoana, fa raha tsy misy an'izany dia ho zary foana ny tanjona (ary izany no fahafenoan'ny fahasambarana) nahariana ny zavaboahary, raha ohatra ka very tsy manaraka ny làlan'ny fahitsiana ny olona, ary ho very ihany koa ireo fitsipi-dalana nentin'ireo Mpaminany, ka ho lasa tsy hitan'ny olombelona izay arahany. Noho izany dia inoantsika ny fisian'ireo Imam (Mpitarika ara-pinoana) izay tsy voapentin'ny ota aorian'ny Mpaminany (saw) amin'ny fotoana rehetra : ***« Fa ianareo mpino! Matahora an'Andriamanitra ianareo, ary miaraha amin'ireo olo-marina. »*** (Sourat At-Tawbah : 119)

Io andininy io dia tsy voatokana ho an'ny fotoana iray fotsiny, ka ny fiantsona amin'ny fiarahana amin'ireo olona marina dia porofo ny fisian'ireo Imam (Mpitarika ara-pinoana) izay tsy voapentin'ny ota

(tokony arahana) amin'ny fotoana rehetra, araky ny voalazan'ireo mpandinika ny tenin'ny koroany masina amin'ny Shy'at sy ny Sounnat.

## II. Ny tena marina amin'ny Imamat

Mino isika fa ny Imamat dia tsy hoe toeram-boninahitra ivelany amin'ny resaka fitondrana sy fahefana fotsiny akory, fa izy io dia toeram-boninahitra tsy azo tsapain-tanana sy ara-panahy ambony; Ny Imam no iorenan'ny fitarihana ny olombelona amin'ny raharaha ara-pinoan'izy ireo sy ny ara-piainany ihany koa, anisan'izany ny fitsanganany eo amin'ny raharaha ara-pitondrana sy fitantanana, fiarovana ireo fitsipi-dalàna ara-pinoana (sharia) amin'ny mety filalaovana izany na fanovana, sy mba hahatanteraka ihany koa ny tanjona izay nandefasana an'ny Mpaminany (saw)
Ka io toeram-boninahitra ambony io dia efa nomen'Andriamanitra an'ilay sakaizany Ibrahim (as) rehefa avy nahazo ny toeran'ny faminaniana sy ny iraka izy, ary rehefa afaka tamin'ireo fitsapana be dia be izay natao azy, nangataka tamin'Andriamanitra mba hanome an'izany ny sasany amin'ireo taranany izy, fa ny sasany kosa dia tsy mahazo an'izany fangatahana izany satria io toeram-boninahitra io dia tsy ho azon'ireo izay mpanao ny tsy rariny amin'izy ireo : ***« Ary tsarovinareo, raha nahazo fitsapana tamin'ny Tompo Zanahariny i Abrahama (Ibrahim) tamin'ny alalan'ireo teny, ka dia tanterany tokoa izany. Niteny taminy Izy: "Lazaiko ary hamafisiko, fa nanapa-kevitra ny hanendry anao ho mpitarika (Imam) ny olombelona Aho". Dia hoy izy nanontany: "Ary izany va hahakasika ireo taranako?", namaly azy Andriamanitra: "Tsy ho voakasiky ny fanekeko ireo mpanao ny tsy rariny". »*** (Sourat Al-Baqarah : 124)
Mazava ho azy fa tsy tokony ho raisina sahala amin'ny fitondrana na fanjakana tsotra hitantsika ireny ny toky izay nomen'ny Tompo, Raha tsy fakafakaina sy dinihina araky ny fomba izay nolazaintsika tery amboalohany ny mikasika ny Imamat dia tsy hazava mihitsy io andininy izay notanisaintsika io.

Mino isika fa ireo Mpaminany lehibe (oulol-azm) amin'ireo Mpaminany ireo dia voatendry ho Imam (mpitarika ara-pinoana) ary lehibe tsy hita maso ary koa miharihary, ety ivelany ary koa ao anatiny eo amin'ny olombelona, indrindra fa ny mpaminany Mohammad (saw) satria efa nomena an'io toeram-boninahitra (Imam) avy amin'Andriamanitra io izy hatramin'ny fiandohan'ny faminaniany, ary tsy nataony ambanin-javatra mihitsy ny hasarobidin'ny fampielezana ny fampianarana avy amin'Andriamanitra, ary mpiatrika (Imam) azy ireo ihany koa izy tamin'izany.
Mino ihany koa isika fa ny sori-dalan'ny Imamat izay avy aorianan'ny Mpaminany (saw) dia mitohy amin'ireo taranany izay tsy voapentin'ny ota.

Mazava izany araky ny fahitantsika azy amin'ireo zavatra izay efa notanisaintsika ireo ny momban'ny dikan'ny Imamat, ny fahatongavana amin'izany toeram-boninahitra izany dia miankina amin'ireo fepetra hentitra tokoa, anisan'izany ny fahatahorana an'Andriamanitra (taqwah) (izay tonga amin'ny ambaratongan'ny tsy fanaovana fahotana), ao ihany koa ny fahalalana sy ny fahafehezana an'ireo fahalalana rehetra, ny fahalalana ara-pinoana, ny fahafantarana ny olona sy izay ilainy amin'ny fotoana sy ny toerana rehetra, ka mandinika an'izany.

## III. Tsy voapentin'ny ota sy ny fahadisoana ireo Imam

Mino isika fa ny Imam dia sahala amin'ny Mpaminany, ka tsy maintsy tsy voapentin'ny ota sy ny fahadisoana rehetra izy ireo, satria izy – raha araky ny voalazan'ny andininy izay efa notanisaina teny aloha – dia tsy misy afaka manao an'izany ankoatran'ireo izay tsy manao fahotana, mba hipetrahan'ny fahatokisana feno aminy, ka ireo fototry ny finoana sy ireo rantsany dia avy aminy no hakana izany. Noho izany indrindra dia tena mino isika fa ny tenin'ireo Imam dia porofo ara-dalàna, toy ny asa izay nataony sy ireo zavatra noekeny "Taqrir" (Ny tiana ho lazaina amin'ny "taqrir" dia ny

fanekeny ireo zavatra nandalo teo anatrehany ary nangina izy manoloana izany).

## IV. Ny Imam no mpiaro ireo fitsipi-dalana ara-pinoana (sharia)

Mino isika fa tsy nitondra lalàna vaovao avy aminy velively ny Imam, fa mizaka ny andraikitra amin'ny fiarovana ny fitsipi-dalana Islamika izy, ary koa miaro an'izany, mizotra mankany amin'ny fampianarany azy ireo, ary mampiely an'izany, sy mitarika ny olona mankany amin'ny boky masina sy ireo fomba amam-panao.

## V. Ny Imam no mahay indrindra ny finoana noho ny olona hafa

Mino isika fa tsy maintsy manana fahaizana sy fahalalana feno amin'ny fotom-pinoana rehetra amin'ny finoana Islamo sy ireo rantsam-pinoana ary ny lalana mifehy sy ny dikan'ny koroany masina ny Imam, ary izany fahalalana avy amin'Andriamanitra izany dia nalaina avy tamin'ny Mpaminany (saw), amin'izay afaka hametrahan'ny vahoaka fitokisana feno izy, ary azo ianteherana amin'ny fahazoana ny tena marina amin'ny finoana Islamo.

## VI. Ny fanambarana masina manendry ny Imam

Mino isika fa ny Imam (izay nandimby an'ilay iraka) dia tsy maintsy efa voaambara, izany hoe efa voatendrin'ny Mpaminany (saw) mazava tsara ary izy no misafidy an'izany, ary efa voaambara avokoa ireo Imam sy izay hanolo azy avy aoriana. Amin'ny dikany faharoa : ny Imam dia voafidin'Andriamanitra sahala amin'ny Mpaminany (saw) (amin'ny alàlan'ny Mpaminany "saw'), araka ny voalazan'ny andininy izay manambara ny maha Imam an'i Ibrahim (as) manao hoe : ***« nanendry anao ho mpitarika ny olombelona aho »***

Izany rehetra izany dia araka ny fetran'ny fahatahorana an'Andriamanitra, izay tonga amin'ny tsy fanaovana fahotana sy fahadisoana mihitsy, ary ekena fa ny fahalalany dia tonga amin'ny ambaratonga mahavoafehy ny fitsipi-dalana rehetra sy ireo fampianarana masina avy amin'Andriamanitra tsy misy fahadisoana, ka tsy misy afaka mamaritra izany afa-tsy Andriamanitra sy ny Mpaminaniny, koa tsy maintsy ny Mpaminany (saw) ihany no tokony hanendry ireo olona izay mahafeno ny toetra tsy voapentin'ny ota.
Ka noho izany dia mino isika fa ny Imamat sy ireo Imam izay tsy voapentin'ny ota dia tsy voatendry velively tamin'ny safidim-bahoaka.

## VII. Ny fanendren'ny Mpaminany (saw) an'ireo Imam

Mino isika fa ny Mpaminany no nanendry an'ireo Imam aoriany amin'ilay « hadis Ath-thaqalayn » izay malaza.
Ao anatin'ny boky « Swahih Mouslim » dia milaza toy izao : ***« Indray andro ny Mpaminany (saw) dia nijanona ary nitory teny tamin'ny toerana iray anelanelan'ny Makkat sy Madinah antsoina hoe Khoum, niteny izy hoe :…Izaho dia olombelona ihany, efa ho tonga ny iraky ny tompoko, ka hamaly izany aho. Hametraka eo aminareo zavatra manandanja anankiroa aho : ny voalohany dia ny bokin'Andriamanitra izay misy ny tari-dalana sy ny hazavana…..ary koa ireo fianakaviako, koa mampahatsiahy anareo amin'ireo fianakaviako ireo aho, mampahatsiahy anareo amin'ireo fianakaviako ireo aho, mampahatsiahy anareo amin'ireo fianakaviako ireo aho »*** (Swahih Mouslim 4 : 1873)
Misy dikany sahala amin'izany koa ao amin'ny « Sawhih At-Tirmidhiy 5 : 662 » izay tena maneho mazava tsara ny fanendrena an'ireo Imam izay aoriany amin'ireo taranany (as)
Sahala amin'izany koa no efa voalaza ao amin'ny « sounan ad-Darimyi 3 : 432 » sy « Khaswa-is an-Nissa-i : 20 » ary ao amin'ny « Mosnad Ahmad : 5 : 182 » sy amin'ny ankamaroan'ireo boky Islamika malaza. Ka ny "hadis ath-thaqalain" dia tsy tokony

hananan'ny tsirairay fisalasalana na dia ho rohitina amin'ny sangany aza izy, satria tafiditra anisan'ireo "hadith motawatir" malaza sy be mpitatitra izany fanambarana izany, ka tsy tokony hisy mpino silamo hanohitra izany na koa handà, ary ny tombontsoa azo amin'ireo tatitra ireo dia ny famerimberenan'ny Mpaminany (saw) matetika izany sy tamin'ny toerana maromaro.
Ny tena marina dia tsy ny taranaky ny Mpaminany (saw) rehetra no nahazo izany fanendrena sy toerana akaikin'ny koroany masina izany, fa tsy maintsy ireo Imam izay tsy voapentin'ny ota amin'ny taranany no voatondro manokana amin'izany (misy koa anefa ny teny izay voarakitra sy voalaza sasantsasany izay sokajiana ho marefo sy isalasalana ny fahamarinany, ary tsy azo iankinana, toy ny teny hoe, ny « fomba amam-panaoko (sounaty) » izay asolo ny teny hoe « ireo fianakaviako (Ahlou-baity) »
Ary misy fanambarana « hadis » malaza ihany koa izay azontsika iankinana voalaza ao amin'ireo boky malaza sahala amin'ny Swahih boukharyi sy Mouslim, At-Tirmidhyi, Abyi Dawoud, Masnad ibn Hanbal sy ny sisa, nilaza toy izao ny Mpaminany (saw) hoe : ***« Tsy hijanona hijoro hatrany ny finoana mandrapahatongan'ny andron'ny farany, ka hisy mpitarika mifandimby (khalifa) roa ambin'ny folo eo aminareo izay avy amin'ny foko Qoraysh avokoa »***
Mino isika fa tsy misy fanazavana (tafsir) azo ekena momba izany tatitra izany afa-tsy izay voalaza araka ny foto-pinoantsika Shia al Imamiya momba ireo Imam roa ambin'ny folo.

## VIII. Ny fanendren'ny Mpaminany an'i Ali (as)

Mino isika fa matetika ny Mpaminany (saw) no nanendry an'i Ali (as) ho mpandimby azy aoriany (araka ny baikon'Andriamanitra) ; ka tao Ghadir Khoum (toerana iray akaiky ny Jouhfah), nanao lahateny tao ny Mpaminany (saw) rehefa avy niverina nahavita nanatanteraka ilay fivahinianana masina farany nataony teo anatrehan'ireo olona marobe tamin'ireo mpanaradia azy, niteny an'ilay fehezan-teny malaza izy ***«Ô ry olona! Moa ve tsy lohalaharana kokoa ho***

***anareo noho ny tenanareo aho? Niteny izy ireo hoe : Eny mazava loatra! dia niteny izy hoe : Na iza na iza nandray ahy ho tomponandraikitra mpitarika azy, dia indro i Ali ho tomponandraikitra mpitarika azy»***

Noho isika tsy te-hanalava ny fanehoana sy ny fanazavana ireo porofo izay manambara ny mikasika io finoana io dia aleo hataontsika ho ampy antsika ny teny hoe : ***« Io teny masina io dia tsy tokony handalovana fotsiny amin'izao ihany, na hadikantsika hoe anisan'ny varavaran'ny fifikirana sy fitiavana ireo taranaky ny Mpaminany fotsiny, noho izy nohamafisin'ny mpaminany (saw) mafy »***

Moa ve tsy mifanaraka amin'ny voalazan'i Ibn Kathir amin'ny bokiny antsoina hoe « Al-Kàmil » izay milaza fa ny Mpaminany (saw) dia namory ireo havany akaiky tamin'ny fiandohan'ny fiantsoana amin'ny finoana izay nataony rehefa nidina taminy ny andininy manao hoe : ***« Ampitandremo (ampandreneso) ireo fianakavianao akaiky indrindra »***, ka nambarany azy ireo ny finoana Islamo, dia niteny izy hoe : Iza aminareo no hanampy ahy amin'ity raharaha ity, ka ho rahalahiko sy ho mpandimby ahy ? Tsy nisy namaly azy tamin'izany afa-tsy i Ali (as), ka niteny toy izao izy hoe : ***« Izaho ry Mpaminanin'Andriamanitra no ho mpanampy anao amin'izany »***
Niteny ny Mpaminany (saw) no sady nanonondro azy nanao hoe : ***« Ity no rahalahiko sady mpitana ny hafatro ary ho mpandimby ahy eo aminareo »*** (Al-Kàmil 2 : 63 izay nosoratan'i Ibn Kathir).
Moa ve tsy izany no tian'ny Mpaminany (saw) hamafisina tamin'ny ora farany tamin'ny andro niainany, rehefa niteny izy araka ny voarakitra ao amin'ny Swahih al-Boukharyi manao hoe :
***« Omenareo zavatra hanoratako aho izay tsy hahavery anareo velively aoriako »*** Kanefa nanohitra an'izany ny sasany no sady niteny resaka izay manambany ny voninahitry ny Mpaminany (saw) ka nosakanan'izy ireo ny fanatanterahana an'io zavatra io (Swahih Al-Boukharyi 5 : 11 « Ny aretin'ny Mpaminany », sy Swahih Mouslim 3 : 1259)

## IX. Ny fanamafisan'ireo Imam izay ho tonga aoriany

Mino isika fa ireo Imam roa ambin'ny folo rehetra ireo dia tsy maintsy nisy fanendrena avy tamin'ny Imam izay teo alohany avokoa, ny voalohany tamin'izy ireo dia i Ali zanak'i Abou Talib (as), nanaraka azy avy tato aoriana ny zanany Al-Imam Al-Hassan Al-Moujtabah (as), sy ny zanany iray hafa dia i Al-houssein ibn Ali ilay lehiben'ireo martiora (as), avy eo ny zanany Ali ibn Al-Houssein (as), ny zanany Mohammad ibn Ali Al-Bàqir (as) nanaraka azy tao i Ja'afar ibn Mohammad As-Swàdiq (as), avy eo ny zanany Moussa ibn Ja'afar (as), nanaraka azy ny zanany Ali ibn Moussa Ar-Ridha (as), avy eo ny zanany Mohammad ibn Ali (as) At-Taqi (as), nanaraka azy ny zanany Ali ibn Mohammad An-Naqi (as), avy eo ny zanany Al-Hassan ibn Ali Al-Askaryi (as), ary ny mamarana azy ireo dia i Mohammad ibn Al-Hassan Al-Mahdi (aj), izay inoan-tsika fa mbola velona hatramin'izao, ny fiadanana avy amin'Andriamanitra anie ho amin'izy rehetra ireo.

Ny finoana an'i Al-Mahdi (aj) izay hameno indray izao tontolo izao ny fahamarinana rehefa avy heniky ny tsindry hazo lena sy ny faharatsiana dia tsy isika ihany no mino an'izany fa ny mpino isilamo rehetra dia mino an'izany avokoa, betsaka mihitsy ireo manam-pahaizana Sounnit no efa nanoratra boky mikasika ireo tatitra be mpilaza (moutawatir) momba an'i Al-Mahdi (aj), ary nohamafisin'ny "Rabitatoul-alamoul-Islamiya" ny fiparitahan'izany hafatra izany taona maro lasa izay, fa ny fisehoan'ny Imam dia anisan'ireo zavatra eken'ny rehetra, ary betsaka ireo boky malaza manana maha izy azy mitondra ireo tatitra maro avy amin'ny Mpaminany momban'i Al Mahdi (aj) (Rabitaoul-Alam al-Islamyi tamin'ny 24 Shawal 1396 h). Ny tiana hambara dia betsaka ireo manam-pahaizana Sounnit izay mino fa ny Imam Al Mahdi(aj) dia ho teraka amin'ny andro farany, fa isika kosa dia mino fa izy no Imam faharoa ambin'ny folo ary velona izy ka mbola hiseho rehefa omen'Andriamanitra alàlana amin'izany, hanolorany ny andraikitra hametraka indray ny fahamarinana sy hanafoana ny faharatsiana.

## X. Ali (as) no mendrika indrindra amin'ireo mpanaradia (swahaba)

Mino isika fa i Ali (as) no mendrika indrindra amin'ireo mpanaradia, ary ny toeram-boninahitra misy azy amin'ny finoana Islamo dia manarakaraka ny Mpaminany (saw), ary ny fametrahana an'i Ali (as) amin'ny toerana diso tafahoatra « ghoulouw » dia noraisina ho voarara (haram). Mino isika fa ireo izay miteny sy manambara ny maha andriamanitra an'i Ali (as) na manakaikikaiky an'izany dia anisan'ireo tsy mpino an'Andriamanitra « kàfir », ary efa niala tao anatin'ny fitambaram-ben'ireo olona mpino silamo, koa afaka madiodio amin'ireo olona ireo sy ny finoan'izy ireo isika ; anisan'ny zavatra mampalahelo anefa amin'izany dia misy ireo voafitaka amin'ny fifangaroan-javatra eo amin'io vondrona io sy ny Shy'at (mpanaradia an'ireo Imam roa ambin'ny folo), nefa ireo manam-pahaizana shy'at Al Imamiya dia mametraka io vondrona io tsy anisan'ny olona silamo.

## XI. Ireo mpanaradia (swahaba) manoloanan'ny fijery ara-tsaina sy ny tantara

Mino isika fa misy amin'ireo mpanaradian'ny Mpaminany (saw) ireo no manana voninahitra ambony izay voalaza mazava ao anatin'ny koroany, ary betsaka ihany koa ireo teny voarakitra no mitanisa an'izany, kanefa izany tsy midika akory hoe izy rehetra ireo dia samy tsy manana kilema sy tsy nivily lalana avokoa, ary tsy midika ihany koa fa ny asan'izy ireo rehetra dia marina tsy misy kianina daholo, satria betsaka ny tenin'ny koroany no niresaka ny mikasika azy ireo (toy ny ao amin'ny Sourat Al-Bara-at, Sourast An-Nour, Sourat Al-Mounafiqyina) izay manambara ny fiatsarambelatsihy izay nataon'ny sasany tamin'ireo mpanaradian'ny Mpaminany (saw) ireo, ny koroany masina dia niteny mafy (nanozona) azy ireo tokoa na dia

anisan'ireo mpanaradia fanta-daza aza izy ireo. Nisy ihany koa tamin'ireo mpanaradia ireo no namelona ny afon'ny ady teo amin'ny silamo samy silamo taorian'ny fahalasanan'ny Mpaminany (Saw), ary nanohitra ny fanekem-pankatoavana (By'at) tamin'ny mpitondra (mpandimby ny Mpaminany "saw"), nandripaka olona silamo aman'arivony maro ihany koa ny sasany tamin'izy ireo, ka moa ve azontsika atao ihany ny milaza an'ireo olona ireo fa tsy manana fahadisoana ka holazaintsika fa hoe olona tsara (mendrika) ?!!
Amin'ny fiteny hafa koa manao hoe : Ahoana no ahafahantsika mampihavana ny vondron'olona roa amin'ny korontana izay nisy teo amin'izy ireo (ohatra tamin'ny adin'ny Jamal sy Swiffyin), ary izany fifanoherana izany dia tsy azontsika ekena velively, fa ireo izay milaza araky ny heviny fa io raharaha io, sy izay miteny hoe ao anatin'ny fahamarinana amin'ny iray amin'ireo vondron'olona roa ireo ka ny iray faharoa ao anatin'ny fahadisoana, kanefa izy nanao an'izany noho ny fahitany fotsiny dia tsy anisan'ny ekena koa izany.
Fa ahoana no ahafahan'ny olona iray manohitra ny fanekem-pankatoavana (by'at) ny mpitondra mpandimby ny irak'Andriamanitra (saw) amin'ny ezaka fikarohana manokana izay ataony, ka miroso mankany amin'ny famelomana ny afon'ny ady, ary mandriaka amin'izany ireo ràn'ny tsy manan-tsiny? Koa noho izany, raha mety ny manome fialan-tsiny ho an'ireo izay nampandriaka ny rà amin'ny ezaka fikarohana manokana (ijtihad) nataony, dia mety avokoa izany ny manome fialan-tsiny amin'ny asa rehetra natao noho ny fikarohana manokana (Ijtihad).

Isika dia miteny mazava tsara manao hoe : mino isika fa ny olombelona "na mpanaradian'ny Mpaminany izy" dia voafatotry ny asany, ary manamarina an'izany ny tenin'ny koroany manao hoe :
***«Fa ny mendrika indrindra aminareo eo anatrehan'Andriamanitra, dia izay vontompinoana indrindra. »*** (Sourat al-49 Houjrat : 13). Ka noho izany dia tokony ho ferantsika arakaraky ny asany ny toerana misy an'ireo mpanaradia, mba hahatongavan-tsika amin'ny fijery eken'ny saina mikasika azy ireo, ka ireo mpanaradian'ny Mpaminany nadio fo tamin'izany vanim-

potoana izany, ary mbola nanohy ny sori-dalana mendrika nizorany amin'ny fiarovana ny Islamo, sy ny fanatanterahana ny toky nomena miaraka amin'ny koroany taorian'ny fahalasan'ny Mpaminany (saw), dia hajain-tsika izy ireo ary raisintska ho anisan'ireo olona mendrika.
Izay rehetra mpiatsaravelatsihy tamin'ny fotoanan'ny Mpaminany (saw) ka nanao zavatra nankarary ny fo'ny Mpaminany (saw), na koa nanova ny làlan-kizorany ka nampisy olana teo amin'ny finoana Islamo taorian'Ilay irak'Andriamanitra, dia tsy tokony hanana karazana fitiavana aminy isika, niteny Ilay Avo indrindra manao hoe : ***« Tsy hahita olona amin'ireo mino an'Andriamanitra, sy ny andro farany ianao, ka haka ho namana ireo izay manohitra an'Andriamanitra sy ny Irany, na dia ny Rainy, na ny zanany, na ny rahalahiny aza izany, na ny olona ao amin'ny fokony. Napetrany ao am-pon'izy ireo ny finoana…. »*** (Sourat Al-Moujadalat : 22)
Mazava ho azy fa isika dia mihevitra fa ireo izay nanohitra an'ny Mpaminany (saw) tamin'ny fahavelony sy taorian'ny fahafatesany dia tsy mendrika ny fiderana sy ny fankasitrahana izany.
Kanefa eto dia tokony tsy ho hadinontsika fa betsaka tamin'ireo mpanaradian'ny Mpaminany (saw) no niezaka nanao izay vitany tamin'ny fampielezana ny finoana Islamo, efa nankasitrahan'Andriamanitra Ilay Avo indrindra izy ireo, nampidina fiderana mendrika azy ireo sy ny mpanaradia azy taty aoriana ihany koa Izy, dia ireo izay nizotra tamin'ny làlan'ireo mpanaradia mahafatra-po indrindra ireo, ary mendrika an'izany koa ireo izay nanaraka ny làlana mahitsy nizoran'ireo mandra-pahatongan'ny andro farany : ***« Ireo (mpino) voalohany tamin'ireo mpifindra-monina sy ireo nanohana ny Mpaminany, ary ireo izay nanaraka azy ireo tamin'ny fitondrantena tsara, dia nankasitrahan'Andriamanitra, ary izy ireo ihany koa dia nankasitraka Azy….. »*** (Sourat At-Tawbah : 100)
Izany no famintinana ny finoantsika an'ireo mpanaradian'ny Mpaminany (saw)

## XII. Ny fahalalana ananan'ireo Imam (as) dia avy amin'ny Mpaminany (saw)

Mino isika fa ny tenin'ireo Imam (as) sy ny asa nataon'izy ireo ary ny zavatra tsy nolavin'izy ireo (taqrir) dia azo atao porofo sy azo iankianana, izany dia noho ny baiko avy amin'ny Mpaminany (saw) amin'ny fifikirana amin'ny koroany masina sy ireo fianakaviany, izany koa dia avy amin'ny fiheveran-tsika fa ireo Imam avy amin'ny ahloul Bayt (as) dia tsy voapentin'ny ota (ma'asoum). Manaraka izany dia anisan'ny fototra hakantsika fitsipi-dalana aorian'ny koroany masina sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw) ny teny sy ny asa nataon'ireo Imam avy amin'ny Ahloul Bayt (as) ary koa ireo zavatra izay tsy nolavin'izy ireo (taqrir).

Raha jerentsika lalindalina ny mikasika ny zavatra noentin'ireo Imam (as) ireo dia hita fa nalain'izy ireo avy tamin'ny Rain'izy ireo izany, ary koa avy amin'ny Mpaminany (saw), koa mazava amintsika ary izao fa ny zavatra izay nolazain'izy ireo dia mazava ho azy fa tsy maintsy zavatra izay nolazain'ny Mpaminany (saw), ary mahalala tsara isika fa ny teny lazain'ny olona atokisana fa hoe nolazain'ny Mpaminany (saw) dia eken'ireo manam-pahaizana silamo rehetra.

Niteny ny Imam Mohammad ibn Ali Al-Bàqir (as) tamin'y Jàbir manao hoe: ***« Oh ry Jàbir! Raha miteny zavatra aminareo izahay ka nolazainay fa avy tamin'ny hevitray manokana izany teny izany dia ho anisan'ireo olona very izahay*, *fa izahay dia mitatitra aminareo ny teny izay notehirizina avy tamin'ny Mpaminany (saw) »***

Amin'ny teny masina (hadis) izay nolazain'ny Imam Ja'afar ibn Mohammad As-Swàdiq (as) hafa isika dia mahita toy izao ***: « Indray andro dia nisy lehilahy nanontany azy ka namaly izy hoe : Moa ve hitanao fa sahala amin'izao sy izao no voalazan'ny teny teo ? Niteny ilay lehilahy hoe tsia ; Ny teny izay namaliako anao teo ireo dia avy tamin'ny Mpaminany avokoa fa tsy avy taminay, »***

Ny tena zava-dehibe dia izao, manana loharano izay tena azo iankinana eo amin'ireo teny masina izay taterina ireo isika, tahaka ny

Al-Kàfi, At-Tahdhib, Al-Istibswar, man la yahdourouho al faqihi sns..Ka izany akory tsy midika fa eken-tsika daholo ireo teny izay voalazan'ireo loharano rehetra ireo, fa amin'ireo teny taterina ireo dia misy boky iray izay ahitana ny fahalalana sy milaza ny momba ireo mpitondra ny tatitra, koa tsy raisina ilay teny izay notateriny raha tsy efa hita ao anatin'ireo olona voatanisa fa azo itokiana izy. Ka isika dia tsy miankina amin'ireo tatitra izay tsy mahafeno ny fepetra na dia hitantsika amin'ireo boky voalaza teo aloha ireo aza. Ary mety misy ihany koa fanambarana izay azo ekena ireo mpitatitra nitondra izany, nefa ireo manam-pahaizantsika sy ireo lehibe mpahay lalàna tsy mandray sy mandà izany, satria hitan'izy ireo fa misy zavatra tsy mety ao anatiny amin'ny endrika hafa, ary izany tatitra izany dia tsy mifandray amin'ireo tatitra (fanambarana) avy amintsika izay azo iankinana (fa mifanohitra amin'izany).
Eto izany dia mazava tsara fa ireo izay miezaka ny hahafantatra ireo finoantsika amin'ny fiankianana amin'ireo teny (tatitra) izay voalaza sy ireo mpitatitra an'ireo teny ireo izay voarakitra amin'ny boky sasany fotsiny ihany fa tsy nanamarina ny fototr'izany dia ao anatin'ny fahadisoana izy.

Amin'ny dikany hafa : Amin'ny (sampam-pinoana) mazhab hafa malaza amin'ny finoana islamo dia misy antsoina hoe « Swihah », ka ny mpanoratra izany boky izany dia tsy misalasala amin'ny fahamarinan'ny tatitra rehetra voarakitra ao anatiny, ary ny sasany dia mametraka izany ho boky farany marina (swahih), saingy ireo boky azo ekena eo amintsika dia tsy sahala amin'izany endrika izany, fa izy ireo dia boky nosoratan'ireo olona azo itokisana fotsiny, ary miankina amin'ny fahamarinan'ireo mpitatitra ny hadis (teny masina) izay voarakitra ao amin'ireo boky ireo amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ireo boky mirakitra ny fahalalana momba ireo olona mpitatitra hadis mba hahafahana mikaroka ny momba ireo olona ireo.
Io fanamarihana io dia ahafahana mamaly ireo fanontaniana maro izay apetraky ny olona hanaratsiana ny finoantsika, sahala

amin'izany koa raha toa ka manao tsirambina amin'izany isika dia ho tafiditra ao anatin'ny fisalasalana maro mikasika ny finoantsika

Ka amin'ny ankapobeny, ireo tenin'ireo Imam roa ambin'ny folo ireo dia raisintsika manana toerana ambony aorian'ny koroany masina sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw), fa tsy maintsy voamarina tsara sy amin'ny fototra azo iankinana fa avy amin'ireo Imam ireo tokoa ny loharano nipoiran'io teny masina (hadis) io.

# FIZARANA FAHAENINA

## IREO LOHAHEVITRA SAMY HAFA

IREO LOHAHEVITRA SAMY HAFA

Ho fanampin'ireo fikarohana izay efa lasa tany aloha tany, izay manazava ireo fototra ny finoantsika tamin'ny fikarohana fototra amin'ny finoana Islamo dia, mbola misy zavatra hafa manokana ihany koa ifantohan'ny finoantsika, ho resahintsika izany amin'ity fizarana manaraka ity.

### I. Ny hatsarana sy ny faharatsiana araky ny fisainana

Mino isika fa ny sain'ny zanak'olombelona dia mahalala betsaka ny tsara sy ny ratsy amin'ny zavatra rehetra misy, izany dia avy amin'ny hery mivaingan'ny fahatsarana sy ny faharatsiana izay napetrak'Andriamanitra Ilay Avo indrindra amin'ny olombelona ; ny olombelona dia afaka namaha ireo olana izay nisy teo aminy amin'ny alàlan'ny fisainany, na dia talohan'ny nahatongavan'ireo fitsipi-dalana avy amin'Andriamanitra aza izany, sahala amin'ny fahatsaran'ny rariny sy ny fanaovana asa soa amin'ny hafa, ary ny

faharatsian'ny tsindry hazo lena, sy ny asa ratsy, ireo hatsarana rehetra izay misy amin'ny fomba fitondran-tena mendrika sahala amin'ny fahamarinana, ny fitokisana, ny herim-po, fahalalan-tànana, sy izay rehetra mitovy amin'izany, ary koa ny faharatsian'ny lainga, ny fitaka, ny fahihirana sy izay sahala amin'izany; fa ny sain'ny olombelona kosa anefa dia tsy afaka hahafantatra ny tsara sy ny ratsy rehetra misy, satria ny fahalalan'ny zanak'olombelona dia voafetra ihany manoloana ny zavatra rehetra, ka noho izany indrindra no nandefasan'Andriamanitra ireo Mpaminany sy nampidinany ireo boky masina mba hameno izany banga izany amin'ny alàlan'ny fanamafisana ireo fahafantarana ara-tsaina voalohany, ary faharoa amin'ny fanazavana ireo tsefatsefakin'ny haizina izay mandrakotra ny saina tsy ho tody amin'izany.

Noho izany dia lavintsika ny fahafahan'ny saina mahaleo-tena mampiseho tanteraka ny fahamarinana, koa raha izany dia tsy afaka mahafantatra ny maha-maripototra ny fisin'Andriamanitra isika sy ny fahafantarana Azy ary ireo fitsipi-dalana sy ireo antso izay nataon'ireo mpaminany ireo, mazava ho azy ary fa ny fampianarana ireo lalànan'Andriamanitra dia tsy ekena fotsiny amin'izao ihany raha tsy efa nohamafisina tamin'ny alàlan'ny saina ny fototry ny mahatokana an'Andriamanitra, sy ny fototry ny faminaniana, ka tsy ampy ny fanamafisana an'ireo zavatra roa ireo amin'ny porofo araky ny lalàna fotsiny.

## II. Ny fahamarinan'Andriamanitra (Tsy miangatra Izy)

Noho izany dia mino isika fa marina tsy miangatra Andriamanitra, ary miteny isika fa hoe : Tena tsy ho eken'ny saina mihitsy fa Andriamanitra dia manao tsindry hazo lena amin'ny mpanompony, na koa hoe nanasazy na namela ny fahadisoan'ny olona iray Izy tamin'ny zavatra nataony ka tsy misy antony ny nanaovany an'izany, ary tsy eken'ny saina hoe, Andriamanitra tsy hanatanteraka ny toky nomeny, na koa hoe nanome ny faminaniana tamin'ireo olona tsy mendrika sy mpanao ratsy ary mpandainga (izany hoe nanendry ho mpaminany azy ireo).

Ary tsy eken'ny saina koa izany hoe hamela ireo mpanompony amin'izao fotsiny Izy, (Izany hoe ilay nahary azy ireo tsy hanome fahasambarana ho azy), na mametraka azy ireo tsy hisy mpanolo-tsaina sy mpitarika, satria ratsy avokoa izany fihetsika sy asa rehetra izany, ka tsy Andriamanitra velively no hanao izany asa ratsy izany.

## III. Ny fahafahan'ny zanak'olombelona

Arak'ireo porofo tany aloha tany ireo dia mino ihany koa isika fa noharian'Andriamanitra hanana fahafahana ny zanak'olombelona, afaka manao izay tiany atao araka izay itiavany azy sy amin'ny safidi-pony, satria raha terena amin'izay ataony ny zanak'olombelona, dia ho lasa tsindry hazo lena ireo asa izay atao aminy amin'ireo ratsy izay vitany, ka tsy misy dikany koa ny fanirahana azy hanao ny soa, ka izany rehetra izany dia tsy ho ataon'Andriamanitra velively.
Famitinana an'izany rehetra izany dia : Ny finoana amin'ny fahafahan'ny saina mametraka ny fahatsarana sy ny faharatsiana, ary ny fahafahana malalaka ara-kevitra izay ananan'ny zanakolombelona amin'ny famerana an'ireo zava-misy rehetra dia noheverina ho andry sy fototra eo amin'ny finoana sy ny lalàna, ary ny finoana ny faminanian'ireo mpaminany sy ireo boky masina rehetra ; raha tsy hoe (araka ny voalazantsika) fa ny fahalalana ananan'ny zanak'olombelona dia voafetra ihany, ka tsy mety raha amin'ny alàlany fotsiny no hijerena ny zavatra rehetra izay mety hitondra ny fahasambarana sy ny fahafenoana tanteraka, ka izany no itadiavana an'ireo mpaminany sy ireo boky masina.

## IV. Ny porofo ara-tsaina dia fototra amin'ny fitsipi-dalana ara-pinoana

Raha dinihantsika izao ireo zavatra izay nolazaintsika rehetra ireo, dia mino isika fa ny porofo ara-tsaina dia anisan'ny iray amin'ireo loharano fototra eo amin'ny finoana, ka ny tiana ho tenenina amin'ny

porofo ara-tsaina eto dia, ny fahafantaran'ny saina an'ireo zava-misy mazava tsara, amin'ny tena fahamarinana ka omeny arak'izany ny heviny momba an'ilay zavatra, ohatra, raha toa ka tsy nahazo porofo mazava tamin'ny boky masina sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany isika mikasika ny tsy fahazoana manao tsindry hazo lena, ny fitaka, ny lainga, ny famonoana olona, ny fangalarana, ny fanitsakitsahana ny zon'ny hafa, dia tsy maintsy ho nataontsika voarara tsy azo atao izany araka ireo porofo ara-tsaina, ary araky ny fahalalana tsy isalasalana ananantsika fa Andriamanitra dia Manam-pahaizana sy Hendry, ka efa nataony voarara amintsika ireny zavatra ireny, ary tsy ankasitrahany ny fanaovantsika izany, koa izany rehetra izany dia porofon'Andriamanitra eo amintsika.

Ireo andinin'ny koroany masina dia feno ireo teny fanambarana izay mampiseho ny maha-zavadehibe ny saina sy ireo porofo ara-tsaina, fa noho ny fiantsona mankany amin'ny fanarahana ny làlan'ny tawhid (ny maha tokana an'Andriamanitra) dia miantso ireo olona manan-tsaina ny koroany, mba handinika ireo andininy amin'ny tenin'Andriamanitra mikasika ny tany sy eny amin'ny lanitra. ***« Tena marina, fa teo amin'ny fahariana ny lanitra sy ny tany manontolo, ary ny fifandimbiasan'ny alina sy ny andro, dia porofo famantarana maro ho an'ireo matsilo saina. »*** (Sourat Aal Imran : 190)

(Amin'ny lafiny faharoa), heverina ho anisan'ny tanjona amin'ny fanaporofoana avy amin'ireo andininy amin'ny tenin'Andriamanitra ireo ny fanampiny ny fahalalana ho an'ny zanak'olombelona : ***« …. Koa jereo ny fomba hanehoanay ireo porofo famantarana, mba handinihan'izy ireo izany? »*** (Sourat Al-An'am : 65)

(Ary amin'ny lafiny fahatelo), miantso ny rehetra amin'ny fanavahana ny tsara sy ny ratsy ary ny fampiasana ny herin'ny fisainana Izy : ***« ….Lazao hoe: "Moa va mitovy ny jamba sy ny mahita? Tsy mba mandinika va ianareo?" »*** (Sourat Al-An'am : 50)

Ary farany dia : ***« Ny zava-manan'aina mandeha amin'ny tany ratsy indrindra eo anatrehan'Andriamanitra, dia ny moana-marenina tsy misaina. »*** (Sourat Al-An-fal : 22), ary fanampin'izany

andininy izany dia betsaka ireo andininy hafa miresaka mikasika an'io.
Koa ahoana, manoloana izany fanamafisana rehetra izany, no tsy hiraharahiana ny anjara toeran'ny saina, sy tsy hametrahana ny mahazava-dehibe azy araka ny tokony ilaina.

## V. Fiverenana amin'ny fahamarinan'Andriamanitra

Nambarantsika tany aloha tany fa ny finoana ny fahamarinan'Andriamanitra (Tsy fiangarany) dia toy izao, Andriamanitra dia tsy hanao tsindry hazo lena amin'ireo mpanompony na oviana na oviana, satria ny tsindry hazo lena dia ratsy, ka Andriamanitra dia tsy manao an'izany : ***« Fa tsy manao ny tsy rariny na amin'iza na amin'iza ny Tomponao. »*** (Sourat Al-Kahaf : 49)
Koa raha misy olona voan'ny sazin'Andriamanitra eto ambonin'ny tany na any an-koatra dia avy aminy ihany no nahatonga izany : ***« …Tsy Andriamanitra akory no nanao ratsy azy ireo, fa izy ireo ihany no nanao ratsy tamin'ny tenany. »*** (Sourat At-Tawbah : 70)
Izany zavatra izany dia mipetraka amin'ny zavaboahary rehetra mihitsy eran'izao tontolo izao, fa tsy amin'ny olombelona fotsiny : ***« ….Ary tsy Andriamanitra velively no hanao ny tsy rariny ho an'izao tontolo izao. »*** (Sourat Aal Imran : 109)
Koa araka izany, ireo andininy rehetra ireo dia fanamafisana ny fomba fitsaran'ny saina, sy ho fitarihana azy.

**Fandavana ny fisian'ny fampanaovana zavatra tsy zaka**

Mino isika araka ireo zavatra efa noresahana tany aloha ireo fa Andriamanitra Ilay Avo indrindra dia tsy mampanao zavatra izay tsy ho zakan'ny olombelona : ***« Andriamanitra dia tsy manery na iza na iza hanao mihoatra ny zakany….. »*** (Sourat Al-Baqarah : 108)

## VI. Ny filozofian'ireo trangan-javatra mampalahelo

Noho ireo porofo eo ambony ireo dia mino isika fa ny zava-mitranga mampahonena sy mampalahelo izay misy eto ambonin'ny tany (toy ny horohorontany, ny valanaretina, ireo loza ara-boajanahary) indraindray dia anisan'ny sazy omen'Andriamanitra, toy ny nahazo ny vahoakan'i Lota (as) : ***« Ary, nony tonga ny didinay, dia noravanay ambony sy ambany ny tanàna, ary narotsakay toy ny orana, teo aminy ireo vongatanimanga mifanesisesy maro, »*** (Sourat Houd : 82)

Toy izany koa ny nahazo ny vahoakan'ny Saba-i izay tena nihao-pefy tokoa : ***« Nefa dia nitodi-damosina izy ireo. Ka navarinay tamin'izy ireo ny ranon'ny toho-drano,… »*** (Sourat Saba' : 16)

Izy ireny anefa dia misy famohazana sy fanairana ny zanak'olombelona mba hitodi-doha hiverina amin'ny làlana marina : ***« Nipoitra teto an-tany sy tany an-dranomasina ny fanimbana, noho izay nataon'ny tànan'ny olona ihany, nampanandramany ny ampahany tamin'izay nataony izy ireo, mba hiverenan'izy ireo. »*** (Sourat Ar-Roum: 41)

Ny karazan-javatra miseho sahala amin'izany dia anisan'ny famindram-pon'Andriamanitra raha ny tena marina.

Fa ny karazan'ny loza sasany izay mahazo ny zanak'olombelona dia avy amin'ny hadalan'ny olombelona ihany, noho ny habadoany. ***« …Andriamanitra dia tsy manova velively ny toetra ny vahoaka iray, raha tsy izy ireo no miezaka manova izay ao aminy…. »*** (Sourat Ar-Ra'ad : 11)

***« Fa izay fahasoavana tonga aminao, dia avy amin'Andriamanitra, ary izay faharatsiana mianjady aminao kosa, dia avy amin'ny tenanao ihany…. »*** (Sourat An-Nissa-i : 79)

## VII. Izao tontolo misy izao no rafitra tsara indrindra

Mino isika fa izao tontolo nohariana izao dia endriky ny rafitra mendrika indrindra, midika izany fa ny rafitra izay misy amin'izao tontolo izao no rafitra mendrika indrindra, io no mampilamina an'izao tontolo izao, ka ny faharian'ny zavatra rehetra ao dia efa voakajikajy

avokoa, ka tsy hahita zavatra mifanohitra amin'ny fahamarinana sy ny rariny ary ny tsara ianao, koa raha mahita zavatra ratsy eo amin'ny fiaraha-monin'ny zanak'olombelona ianao dia avy aminy avokoa izany.
Koa haverina eto ary fa : Mino isika fa ny fahamarinan'Andriamanitra (ny tsy fiangarany) dia andry fototra amin'ny fomba fijery Islamika ny fahariana, ka raha tsy eo izy dia mihozongozona ny fototry ny maha tokana an'Andriamanitra (tawhid) sy ny faminaniana ary ny fiverenana amin'ny andro farany, koa diniho tsara.
Niteny ny Imam As-Swadiq (as) manao hoe : ***« Ny tena fototry ny finoana dia ny maha tokana an'Andriamanitra (tawhid) sy ny fahamarinana…Ny amin'ny maha tokana an'Andriamanitra dia ny tsy fanaovanao ho mety amin'ny Tomponao izay zavatra nataony mety aminao, ary ny amin'ny fahamarinana dia ny tsy fahazoanao zavatra iray izay mety hanomezana tsiny anao amin'izany »***

## VIII. Ireo loharanom-pahalalàna efatra

Ny loharanom-pahalalàna (araka ny nambarantsika mikasika an'izany) dia efatra
Voalohany : Ny bokin'Andriamanitra « Koroany Masina » izay fototr'ireo fahalalana, sy ireo fitsipi-dalàna Islamika.
Faharoa : Ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw) sy ireo Imam izay tsy voapentin'ny ota (as)
Fahatelo : Ny hevitra itambaran'ireo Manam-pahaizana (Idjma'a) sy ireo mpahay fitsipi-dalàna (foqaha) izay mikaroka ny hevitr'ireo olona tsy voapentin'ny ota.
Fahaefatra : Ny porofon'ny ara-tsaina, ny tiana ho lazaina amin'izany dia ny porofo ara-tsaina izay marina tsy isalasalana, Fa ny porofo ara-tsaina izay avy tamin'ny alàlan'ny fiheverana fotsiny, toy ny fampitoviana (Qiyass), sy ny fiheverana ny zavatra iray ho tsara dia tsy azo raisina amin'ireo fahalalana ara-pitsipi-dalana (Fiqh). Ka raha misy manam-pahaizana amin'ny fitsipi-dalàna mahita amin'ny fomba fijeriny fa tsara ny zavatra iray nefa tsy misy fitsipi-dalàna

mikasika izany ao amin'ny boky masina koroany sy amin'ireo fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw), dia tsy azo heverina ho didin'Andriamanitra izany, sahala amin'izany koa tsy azontsika atao ny miankina amin'ny fandanjalanjana ara-kevitra sy ny mitovitovy amin'izany amin'ny famoahana ny lalàna ara-pinoana. Fa amin'ireny zavatra izay efa fantatra mazava tsara ireny, sahala amin'ny faharatsian'ny tsindry hazo lena, ny lainga, ny halatra, ny fitaka, dia azo iankinana ny fitsaran'ny saina amin'izany, eo amin'ny famoahana ny lalàna ara-pinoana izay mifanaraka amin'ilay teny hoe « Izay zavatra tsarain'ny saina dia tsarain'ny lalàna ara-pinoana »
Ny tena marina dia, manana an'ireo teny voarakitra sy voatatitra toy ny tenin'ny Mpaminany (saw) sy ireo Imam tsy voapentin'ny ota isika mikasika ireo lalàna izay ilain'ny olona eo amin'ny sehatry ny fanompoana,ny pôlitika, ny toe-karena, ny fiaraha-monina, ary tsy ahitana filana na kely aza amin'ny fiverenana amin'ny porofo ara-piheverana izany. Mino ihany koa isika fa ireo raharaha izay miseho rehetra ireo dia misy fototra ary misandrahaka tokoa ao amin'ny boky masina sy amin'ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw) ary ireo Imam izay tsy voapentin'ny ota, ka tsy misy tokony ilantsika fikarohana ny lalàna mikasika azy ireo amin'ny fitodihana mankany amin'ireo porofo ara-piheverana, fa ampy tsara koa anefa ny fiverenana amin'ny vondron'ireo lalàna rehetra.

## IX. Misokatra hatrany ny varavaran'ny fiezahana (Ijtihad)

Mino isika fa ny varavaran'ny fiezahana amin'ny fikarohana amin'ireo lohahevitra rehetra mikasika ny lalàna dia misokatra, ka manan-jo amin'ny famoahana lalàna ara-pinoana avy amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ireo loharano efatra notanisaintsika teo aloha ireo manampahaizana lehibe momban'ny lalàna, ka mametraka izany ho afaka ampiasain'ireo tsy manana fahafahana manao ny tsoa-kevitra, eny fa na dia tsy mitovy aza ny hevitr'izy ireo sy ireo manam-pahaizana momban'ny lalàna tany aloha. Mino ihany koa isika fa ireo izay tsy manan-kevitra amin'ny

fitsipi-dalàna ara-pinoana dia tsy maintsy miverina amin'ireo manam-pahaizana mahay indrindra mikasika ny lalàna izay mbola velona, momba ny zavatra mitranga amin'izany fotoana sy toerana izany, ary koa manaraka azy ireo. Noho izany dia mazava tsara ny tsy maintsy hiverenan'ireo izay tsy manana fahalalana manokana momba ny fitsipi-dalàna amin'ireo izay tena mahay io fahalalana io, ary izany indrindra no antony nanomezantsika azy ireo anarambositra hoe « Marja'a », ary amin'ny voalohany dia tsy azontsika atao ny manaraka manam-pahaizana ara-pitsipi-dalàna efa maty, fa tsy maintsy manam-pahaizana ara-pitsipi-dalàna mbola velona no arahan'ny olona, amin'izay mba misy fihetsiketsehana sy feno ary mitohy hatrany ilay lalàna.

## X. Tsy misy fahabangana ara-pitsipi-dalàna amin'ny finoana Islamo

Mino isika fa tsy misy fahabangana ara-pitsipi-dalàna amin'ny finoana Islamo, izany hoe ny finoana Islamo dia efa nanazava ireo fitsipi-dalàna rehetra izay ilain'ny zanak'olombelona hatramin'ny andro farany, indraindray izy io amin'ny endrika manokana, ary indraindray amin'ny endrika rehetra ankapobeny. Ka noho izany dia tsy azon'ireo manam-pahaizana momban'ny lalàna atao ny mamoaka lalàna amin'izao fotsiny, fa izany no ahitantsika azy ireo miezaka mamoaka ireo lalàna avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo loharano efatra ireo, ary mametraka izany ho ampiasain'ny olona.

Ka ahoana no hahafeno ny finoana raha toa ka tsy ahitana ireo fitsipi-dalana ara-pinoana feno mahasahana ny vanin'andro sy ny vanim-potoana rehetra, ary Andriamanitra Ilay Avo indrindra dia efa niteny ao anatin'ny Sourat Al-Maîdah, izay toko farany nidina tamin'ny Mpaminany (saw), na anisan'ireo faraparany, manao hoe ***« ….Fa ankehitriny, dia nataoko ho lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny finoana Islamo…. »*** *(Sourat Al-Maidah, Andininy 03)*

Nilaza ny Mpaminany (saw) tamin'ny teniny izay malaza tokoa tamin'ny fivahinianana masina farany izay nataony manao hoe : « Ry olona! mianiana amin'Andriamanitra aho fa tsy misy zavatra hampanakaiky anareo amin'ny paradisa ka hampanalavitra anareo amin'ny afobe raha tsy efa nandidiako anareo avokoa, ary tsy misy zavatra hampanakaiky anareo amin'ny afobe ka hampanalavitra anareo amin'ny paradisa raha tsy efa nandrarako anareo »
Voalaza ihany koa amin'ny teny masina izay malaza tokoa nambaran'ny Imam As-Swadiq (as) manao hoe : ***« Tsy mba nisy zavatra navelan'i Ali (as) izany fa nosoratany avokoa na dia zavatra tsipotipotiny aza »,***
Ka raha sahala amin'izany dia tsy misy tokony ilana intsony ireo porofo ara-piheverena toy ny fampitovitoviana (qiyass) sy ny fanatsarana ara-kevitra.

## XI. Ny fanafenana ny finoana (Taqyat) sy ny filozofiany

Mino isika fa ny olombelona dia nomena alàlana amin'ny fanafenana ny finoany manoloana an'ireo mpanavakavaka ara-pinoana ratsy fo ireo, izay tsy mba mahazo ny teny eken'ny saina, raha toa ka ny fanehoany izany finoany izany mety hampidi-doza azy eo amin'ny fiainany, na zavatra hafa mitovy amin'izany, ary voamarina fa tsy misy tombontsoa handrandraina amin'ny fampisehoana izany. Izany fihetsika izany no antsoina hoe « Taqyat » izay notsoahana tamin'ny andininy anankiroa avy ao amin'ny koroany masina, sy avy amin'ny porofo ara-tsaina.

Nilaza tamin'ilay mpino avy amin'ny fianakavian'i Faraona Andriamanitra Ilay avo indrindra hoe : ***« Fa hoy ny lehilahy mpino iray isan'ny fianakavian'i Faraona, izay nanafina ny finoany: "Hamono olona va ianareo, satria izy miteny hoe: Andriamanitra no Tompoko? Nefa dia tonga teo aminareo niaraka tamin'ireo porofo mazava izy, avy any amin'ny Tomponareo….. »*** (Sourat Al-Mou'min : 28)

Ka ny teny hoe ***« Manafina ny finoany »*** dia manazava tsara ny mikasika izany hoe « taqyat » izany, ka moa ve mety tamin'ireo fianakavian'i Faraona ny hampibaribary ny finoany ka hametraka ny fiainany amin'ny loza nefa tsy misy zavatra ho azony akory ?
Sahala amin'izany ihany koa dia efa nandidy ny sasany amin'ireo mpino mpanao ezaka masina tamin'ny fiandohan'ny finoana Islamo ny Koroany mba hanafina ny finoany manolona ny faneren'ireo mpanompo sampy (moushrik), ka niteny toy izao izy : ***« Aoka ireo mpino tsy handray ireo tsy mpino ho sakaiza hitokisany ankoatr'ireo mpino namany. Fa izay manao izany, dia tsy hahazo na inona na inona avy amin'Andriamanitra, raha tsy hoe, misy atahoranareo azy ireny…. »*** (Sourat Aal Imran : 28)
Ka araka izany ny « Taqyiat » dia fanafenana ny finoana raha toa ka miatrika loza ny tenan'ny olona iray sy ny fananany ary ny voninahiny manoloana ireo fahavalo mpanavakavaka ratsy fo, ary tsy afaka manatanteraka zavatra mihitsy izy manoloana izany, ka amin'iny zavatra sahala amin'izany dia tsy azon'ny olona atao ny mametraka ny tenany amin'ny fahapotehana, na handanilany foana ireo hery ananany, fa tokony ho tandrovany izany mandrapahatonga ilay fotoana tsy maintsy ilana azy, ka izany no nahatonga an'ny Imam As-Swadiq (as) niteny manao hoe : ***« Ny fanafenana ny finoana dia fiarovana an'ireo mpino »***
Ka ny teny hoe fiarovana eto dia fehezanteny tsotra manazava fa ny "Taqyat" dia fomba iray hiarovan-tena manoloana ny fahavalo.
Ary ny mikasika an'i Ammar ibn Yassir dia efa fantatsika ny fanafenany ny finoany (Taqiyat) manoloana ireo mpanompo sampy (Moushrik) ireo, ary namafisin'ny Mpaminany (saw) izany zavatra izany.
Ny fiafenan'ireo tafika eny amin'ny sahan'ady, sy ny fanafenana ny tsiambaratelon'ny tafika manoloana ny fahavalony sy izay mitovitovy amin'izany dia azo lazaina ho « Taqyat » amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ihany koa.
Ka ny « Taqyat » amin'ny akapobeny dia midika hoe : Ny tsy fanamborahana zavatra iray raha toa ka mahatonga loza, na haratsiana izany, ary fantatra fa tsy ahazoana tombontsoa akory. Ka

izany fitsarana ara-tsaina sy araky ny fitsipi-dalàna ara-pinoana izany dia tsy ny Shy'at irery ihany no mampiasa azy fa ny mpino silamo rehetra maneran-tany, ary indrindra ireo manan-tsaina amin'izy ireo rehefa sendra ny sarotra.

Fa tena mahagaga tokoa ny fiheveran'ny sasany fa ny « Taqyiat » dia natokana ho an'ny Shy'at sy ny mpanaradian'ireo Ahl Bayt irery ihany, ka iezahan'ny sasany ho fomba iray hanenjehana azy ireo izany, nefa ireo resaka "Taqiyat" io dia tsy misy isalasalana na zavatra tsy mazava, ary izy io dia nalaina avy amin'ny bokin'Andriamanitra (koroany) sy ireo teny ary ireo fomba amampanaon'ny Mpaminany "saw" (Sounnat), ary koa lalana nizoran'ireo mpanaradian'ny Mpaminany, sy fomba nataon'ireo olona manantsaina teto amin'izao tontolo izao.

## XII. Ny toerana tsy azo anaovana ny « Taqyat »

Mino isika fa ny fototra voalohany ao ambadiky ny fijery ratsy amin'ny finoan'ireo Shy'at dia ny tsy fiijerena akory an'izay voalaza ao anatin'izany finoana izany amin'ny fomba feno sy ampy, na koa avy amin'ny fahafantarana an'izany tamin'ny alàlan'ireo tambazotran'ireo fahavalony, ka mino isika fa ireo fanazavana izay efa natao teo aloha dia hampazava tsara an'izany rehetra izany ka hanala ireo zavatra manjavozavo.
Tsy maintsy hamafisina eto ary fa ny « Taqyat » dia tsy azo atao amin'ny tranga sasany izay mitera-doza amin'ny fototry ny finoana sy ny koroany masina, na koa ireo rafitra Islamika, fa ny tokony hataon'ny olona silamo amin'ny tranga toy izany dia manazava tsara ny finoany, na dia ho atao noho izany aza izy. Mino ihany koa isika fa ny fitsanganan'ny Imam Houssein (as) tamin'ny Ashoura (fahafolon'ny volana mouharram) dia ho fanatanterahana an'izany tanjona izany ; Satria ireo mpitondra tao amin'ny taranak'i Oumayah ireo dia nametraka ny fototry ny finoana Islamo ho eo amin'ny toerana mampidi-doza, ka nitolona ny Imam Houssein (as) mba

hanaisotra ny sarona sy hitsangana manoloana an'izany loza mitatao izany.

## XIII. Ireo fanompoana Islamika

Mino isika ary mitazona mandrakariva ny fanatanterahana ireo fanompoana rehetra izay nohamafisin'ny Koroany masina sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw), toy ireo fanompoam-pivavahana (soalat) in-dimy isan'andro izay heverina fa izy no tena zava-dehibe indrindra eo amin'ny fifandraisan'ny zava-boahary sy Ilay Mpahary, ny fifehezana amin'ny volana Ramadany izay heverina fa anisan'ireo fanamafisana ny finoana ary koa fanadiovana ny tena, fanamafisana ny fahatahorana an'Andriamanitra, ary fiarovana ny tena amin'ny rendrarendra.

Mino isika amin'ny tsy maintsy hanaovana ny « haj » fivahinianana masina any La Meka indray eo amin'ny androm-piainany ho an'ireo izay afaka manao izany, satria ny fivahinianana masina dia fomba iray mahatonga ny mpino ho vontom-pinoana tia vavaka, ary manamafy ireo fototry ny fifankatiavana, sy antony mampatanjaka ireo mpino isilamo, sahala amin'ny efa hitan-tsika teo fa anisan'ny zavatra tsy maintsy ataon'ireo manankatao ny manome « Zakat » fanampiana ho an'ny mahantra, ny fanomezana ny ampahadimin-karena (khoms), ny famporisihana amin'ny fanaovan-tsoa sy ny fanakanana amin'ny fanaovan-dratsy, ny fanaovana ireo ezaka masina sy ny ady masina manoloana ireo fahavalon'ny finoana Islamo sy ireo mpino silamo. Tsy miafina aloha fa tena misy ny tsy fitoviana amin'ny lafiny antsipirihany eo amintsika sy ireo vondrona islamika hafa, sahala amin'ny hitantsika amin'ny tsy fitoviana misy amin'ireo fitsipi-dalana ara-panompoana sy amin'ny zavatra hafa amin'ireo vondrona efatra izay misy ao amin'ny Ahl Sounnat.

## XIV. Ny fampitambarana ny fanompoam-pivavahana (soalat)

Amin'izany dia mino isika fa tsy misy zavatra manakana ny daholo be hampitambatra ny fanompoam-pivavahana (soalat) ny atoandro (dhouhr, sy ny asr) ary amin'ny hariva (Maghrib, sy Ichaa-i), (na dia ny fampisarahana ny soalat aza no lohalaharana), ary mino ihany koa isika fa ny Mpaminany (saw) dia nanome alàlana izany fampitambarana ny soalat izany mba hialana amin'ny zavatra manahirana (indraindray), ao amin'ny Swahih At-Tirmidhyi dia niteny toy izao i Ibn Abass : « Ny Mpaminany (saw) dia nampitambatra ny fanompoam-pivavahana Dhouhr sy Asr, ary ny Magrib sy ny Isha-i tao Madinat, nefa tsy nisy zavatra nampatahotra sy orambe, dia nisy niteny tamin'i ibn Abass manao hoe : ***« fa inona no tiany hambara amin'izany ? Dia namaly izy hoe : tiany mba tsy ho sahirana ireo vahoakany »***

Izany hoe afaka manambatra ny fanompoam-pivavahana ireo vahoaka amin'ny fotoan-tsarotra. Izao isika dia miaina amin'ny fotoana izay mahamafy tokoa ny fatotry ny fiaraha-monina, indrindra moa fa any amin'ny ivon-toeran'ireo orinasa, ka ny fahaterena amin'ireo fotoana dimy fanaovana ireo fanompoam-pivavahana (soalat) ireo dia indraindray mety hitarika ny sasany amin'ny famelana tanteraka ny fanompoam-pivavahana (soalat). Ka ny tombontsoa azo amin'izany fanamaivanana noentin'ny Mpaminany izany dia hanampy tokoa tsy ampisalasalana amin'ny fitandroana sy ny fanatontosana ny fanompoam-pivavahana (soalat), koa mba diniho kely.

## XV. Ny fiankohofana amin'ny tany

Mino isika fa tsy maintsy amin'ny tany na amin'ireo zavatra hafa avy amin'ny tany no hanaovana ny fiankohofana amin'ny fanatanterahana ny fanompoam-pivavahana (soalat),na amin'ireo zava-maniry amin'ny tany, toy ny ravin-kazo, ny fotony, sy ireo zava-maniry rehetra « ankoatran'ireo izay fihinana sy fitafy » ; ka noho

izany dia tsy azontsika atao ny miankohoka amin'ny karipetra (Tapis), ary ny fiankohofana amin'ny tany no tena amporisihina kokoa amin'ireo zavatra hafa rehetra. Mba hanamora ny fanatanterahana izany dia mitahiry bolongan-tany kely maina sy madio izay antsoina hoe « Tourbah » ireo Shy'at, mba hanaovana fiankohofana rehefa manao ny fanompoam-pivavahana (soalat), ary ity tenin'ny Mpaminany (saw) ity no iankinantsika amin'izany hevitra izany : « Natao ho fiankohofana sy madio (Twaharat) ho ahy ny tany » ka ny teny hoe fiankohofana (masjid) eto dia midika hoe ilay toerana fiankohofana ; ary mitatitra an'io teny masina (hadith) io avokoa ny ankamaroan'ireo boky sy ireo « swihah » rehetra.
Misy anefa ny milaza fa ny teny hoe « Fiankohofana (masjid) » amin'io teny masina io dia tsy hoe ny toerana hanaovana ny fiankohofana fa ny toerana izay hanaovana ny fanompoam-pivavahana (soalat), izay mifanaraka amin'ny fanaovana ny fanompoam-pivavahana amin'ny toerana voafetra; kanefa dia mazava tsara fa ny tiana ambara amin'izany dia ny toerana fiankohofana, raha araky ny teny hoe « madio (twahour) » io, izany hoe "ny tany fanaovana Tayamoum", ka ny fotaky ny tany dia madio ary mety hanaovana fiankohofana ihany koa.
Izany ihany koa ny tian'ireo tenin'ny Imam Ahloul-baiyt (as) ambara amin'ireo hadith maro lazainy, izay miresaka io lohahevitra io, ka manamafy fa ny toerana izay hanaovana ny fiankohofana dia tsy maintsy amin'ny tany, na vato, na zavatra sahala amin'izany.

## XVI. Famangiana ny fasan'ireo Mpaminany sy ireo Imam

Mino isika fa anisan'ny zavatra tsara atao tsy isalasalana (moustahab mou'akad) ny famangiana ny fasan'ny Mpaminany (saw) sy ireo Imam avy amin'ny Ahloul Bayt (as), ary toy izany ihany koa ny an'ireo manam-pahaizana lehibe sy ireo maty maritiora tamin'ny làlan'Andriamanitra.
Misy tatitra maro tsy tambo isaina ao anatin'ny bokin'ireo manam-pahaizana Ahlou-sounnat milaza mikasika ny famangiana ny

fasan'ny Mpaminany (saw), ary misy tatitra betsaka voaray momba izany ihany koa amin'ny bokin'ireo Shy'at, izany hoe raha atambatra ireo tatitra ireo dia nahavita namoaka boky iray manokana mikasika io lohahevitra io.
Ireo manam-pahaizana lehibe silamo sy ny taranaky ny vahoaka silamo araka ny vondrona misy azy avy, nandritra izay taona maro izay dia mametraka tokoa ny maha zavadehibe an'io asa iray io, ary mety ho betsaka ihany koa angamba ireo boky izay milaza ny momban'ireo nahazo fahombiazana ka afaka namangy ny toerana nilevenan'ny Mpaminany (saw), ary koa ny fasan'ireo Imam (as) sy ireo olo-malazan'ny finoana Isilamo, satria azo atao ny miteny hoe io zavatra iray io dia anisan'ireo raharaha iray itambaran'ny vahoaka silamo rehetra.
Eto dia tsy tokony ampifangaroana ny famangiana sy ny fanompoana, fa ny fanompoana dia natokana ho an'Andriamanitra Ilay be voninahitra irery ihany. Fa ny famangiana kosa dia fanatanterahana sy fampijanonana maharitra ny maha izy ny olona iray nanana ny toerany teo amin'ny finoana Islamo, ary fangatahana fanelanelanana amin'izy ireo amin'Andriamanitra, Efa voalaza araka ireo tatitra fa ny Mpaminany (saw) dia namangy ireo fasana tao amin'ny Jannat Al-Baqy'a ary niarahaba azy ireo ihany koa.
Ka noho izany dia tsy tokony hisy olona hisalasala amin'ny maha ara-dalana izany fomba amam-panao izany araka ny fitsipi-dalana (fiqh).

## XVII. Ny fanatanterahana ny fahatsiarovana amin'alahelo sy ny filozofian'izany

Mino isika fa ny fananganana an'ireny fahatsiarovana amin'alahelo an'ireny olona maty martioran'ny finoana islamo ireny, indrindra indrindra moa fa ireo martioran'ny Karbala, dia anisan'ny famelombelomana ny fahatsiarovana sy fampijanonana maharitra ny sorona izay natolotr'ireo olona ireo tamin'ny fiarovana ny finoana Islamo. Ka noho izany dia manangana ireo fahatsiarovana ireo isika eran'ny tanàna samy hafa ao anatin'ireo andro maro isan-taona,

indrindra moa fa amin'ny ashourah (fahafolon'ny volana Mouharram) izay ahatsiarovana ny naha maritiora an'ny Imam Houssein (as) Ilay lehiben'ireo tanoran'ny Paradisa, sy zanak'i Fatimah Az-Zahra-i (as) zanaka vavin'Ilay irak'Andriamanitra (saw), tanisan-tsika eo ny tantaram-piainan'ireo olona martiora ireo sy ny herim-pony ary ny ezaka izay nataony, miresaka mikasika ny tanjon'izy ireo isika amin'izany ka mamelona indray ny fanahin'izy ireo izay madio tokoa. Mino ihany koa isika fa ireo taranak'i Oumayah dia nanova zavatra maro tamin'ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw), ary novain'izy ireo ihany koa ireo zavatra tsara mba hanimbana ny hajan'ny finoana Islamo.
Ka tamin'ny taona 61 hijriah no nitolona i Al-Houssein zanak'i Ali (as) nanohitra an'i Yazid ilay olon-dratsy izay tena tsy ao anatin'ny finoana Islamo, indrisy mantsy fa io olona io dia nipetraka teo amin'ny seza fiandrianan'ireo mpitondra Islamo. Na dia maty martiora aza ny Imam (as) sy ireo mpanaradia azy tao amin'ny tanin'ny Karbala, ary natao babo an'ady ireo fianakaviany dia nitondra haingam-panahy vaovao tamin'ireo mpino silamo tamin'izany fotoana izany ny ràn'izy ireo, nampihetsika ny fanahin'ny tolona tao amin'izy ireo , satria dia nifanesisesy ireo hetsika maro izay nanohitra an'ireo taranak'i Oumayah, ary niatrika ireo kapoky ny fanapotehana ireo fototry ny fanaovana tsindry hazo lena sy ny faharatsiana, ary ny hetraketraka izy ireo, hatramin'ny fahatongavan'ilay fotoana izay ivadihan'ny andron'izy ireo ho pejy mainty tokoa. Ary ny zavatra mendrika ho tsaroana, fa ireo tolona rehetra izay niseho taorian'ny Ashourah noentina nanohitra an'ireo taranak'i Oumayah dia nampiakatra avo ilay teny filamatra hoe ***« Ny hafalian'ireo taranak'i Mohammad »***, ary koa ny hoe ***« Ho tolona ho an'i Al-Houssein »***. Nitohy hatrany ny fahambonian'izany filamatra izany hatramin'ny vanim-potoanan'ireo Al-Abassyin (Abasside)
Izany tolona nataon'ny Imam Al-Houssein (as) izany dia lasa filamatra ho an'ireo Shy'at ho entina hanoherana ireo karazana tsindry hazo lena sy ireo faharatsiana rehetra, ary dia mijanona ho tarigetran'izy ireo ny teny hoe ***« indrisy, avy aminay ny***

***fahakanosana »*** , ny teny hoe ***« Ny fiainana dia finoana sy ady masina »*** sy ireo izay nivoaka avy tamin'ny tantaran'ny rà mandriakan'ny Karbala, izay mampiseho amintsika ireo fanoherana an'ireo mpanao tsindry hazo lena, sy ny fijoroana manoloana azy ireo, ho fanafoanana ny haratsian'ireo mpangeja ary ho fanarahana an'ilay lehiben'ireo maty martiora ny Imam Al-Houssein (as) sy ireo mpanaradia azy (mbola nasandratry ny tolona Islamika tao Iran ihany koa izany filamatra izany tamin'ny fanoherana ny tsindry hazo lena sy ny fanambonian-tena tao).
Ho famintinana izay voalazantsika izay dia : Ny fahatsiarovana mandrakariva an'ireo martioran'ny finoana Islamo indrindra indrindra moa fa ireo martioran'ny Karbala dia mamerina sy mamelona indray ny herin'ny fahatsapana, ny fitiava-namana, ny ho faty martiora, ny sorona amin'ny làlan'ny finoana, ary manome antsika lesona goavana izany eo amin'ny fahamboniana sy ny voninahitra, ary ny tsy fiondrehana manoloana ny tsindry hazo lena, ary izany dia anisan'ny maneho ny filôzôfian'ny famelomana ny fahatsiarovana izany tranga izany sy famerenana indray ny fahatsiarovana ny alahelo isan-taona.
Mety maro ny tsy mahalala ny zavatra mandalo ao anatin'izany fotoam-pahatsiarovana izany, ka raisiny ho zavatra mifandray amin'ny tantara fotsiny izany ka efa tototry ny vovoky ny fanadinoana hatramin'izay ela izay, raha tsy hoe mitantara ny mikasika ny nahafatesan'ireo olona ireo tsara isika sy izay napetrany ary koa napetraky ny fomba amam-panao izay tafapaka tokoa tany ampo eo amin'ny tantaran'ny lasan-tsika sy ny anio ary ny ho avintsika.
Tsy miafina amin'ny olona ireo fomba amam-panao fahatsiarovana amin'alahelo ireo efa maty, izay nataon'ny Mpaminany (saw) sy ireo mpino silamo tamin'ny fiandohan'ny finoana Islamo tamin'ny nahafatesan'i Hamzah, ilay lehiben'ireo maty martioran'ny adin'ny Ouhd, izay nolazain'ireo mpanao tantara malaza rehetra, ka famintinana izany teny voatatitra izany dia toy izao : Nandalo teo akaikin'ny tranon'ny iray tamin'ireo mponin'ny Al-Madinah ny Mpaminany (saw) ka naheno feo mitomany sy taraina mafy, koa dia

nanganohano ny masony no sady niteny Izy hoe : ary Hamzah anefa toa tsy misy mpitomany, naheno an'izany i Sa'ad ibn Mou'az dia nandeha haingana nankany amin'i Abdoul-Ash-hal, ka nandidy an'ireo vehivavin'izy ireo mba hankany amin'ny tranon'i Hamzah ilay dadatoan'ny Irak'Andriamanitra (saw) ary hanangana fahatsiarovana sy fiaraha-miory ho azy izy ireo.
Ka noho izany dia tsy natokana ho an'i Hamzah irery ihany ny fanaovana fahatsiarovana amin'alahelo, fa tokony (tsy maintsy) atao izany fomba amam-panao iray izany amin'ireo olona martiora rehetra, ho fahatsiarovana izay nataony ho an'ireo taranaka aty aoriana, ary hisy rà vaovao hikoriana indray ao amin'ireo vahoaka, ka noho izany no nahatonga ahy nanoratra an'ity andalana takelaka ity tao anatin'ny Ashourah, taona 1417 hijryat, satria rendrika ao anatin'ny onja mangotraka ny tontolon'ny Shy'at, misalotra firavaka miloko mainty ireo antitra sy ny tanora lahy sy vavy, ho fiaraha-mihory amin'ny fahatsiarovana an'ny Imam Al-Houssein (as) sy ireo maty maritiora tao Karbala ; ka mitondra fiovana lalina ao anatin'ny fon'izy ireo sy ny fisainan'ny rehetra izany, koa raha iangaviana izy ireo handeha hiatrika ady amin'ireo fahavalon'ny finoana Islamo dia tsy niandry fotoana na segondra iray akory aza fa handray fitaovam-piadiana ka handeha hankany amin'ny sahan'ny ady mba hanao sorona izay zavatra saro-bidy indrindra ananany, sahala amin'ny hoe mikoriana ao anatin'izy ireo ny ràn'ireo olona maty martiora ireo, ary sahala amin'ny mahita an'ny Imam Al-Houssein (as) sy ireo mpanaradia azy izy ireo mihiaka eny amin'ny sahan'ny sorona noho ny finoana Islamo sy amin'ny làlan'Andriamanitra.
Fa ireo tononkalo feno hafanam-po izay vakiana ao anatin'ny fanaovana izany fomba amam-panao goavana izany, dia feno hevi-teny mamelona ny fo izay miantso amin'ny fanoherana ireo mpangeja sy mpanambonintena ary tsy fanekena ny tsindry hazo lena sy fampirisihana ny olona hisafidy ny fahafatesana amim-boninahitra toy izay fahavelomana amim-pahambaniana.
Mino isika fa ireo tononkalo ireo dia heverina ho harena sarobidy tokoa, ka tokony ho tandrovana sy arovana mafy mba hanome

vokatra amin'ny famelomana ny finoana Islamo sy ny finoana ary ny fahatahorana an'Andriamanitra.

## XVIII. Ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra

Mino isika fa ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra dia didy izay napetraka ary fantatra amin'ny fitsipi-dalana ara-pinoana Islamika izany amin'ny hoe "Al-Mout'ah" ka ny fanambadiana izany dia misy karazany roa : Fanambadiana maharitra izay tsy voafetra ny fotoananany, ary fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra ka ifaneken'ny roa tonta ny faharetan'ny fotoana.
Mitovy amin'ny fanambadiana maharitra io fanambadiana io amin'ny lafin-javatra maromaro, ohatra amin'izany ny « mahar » , ny tsy fisian'ireo sakana eo amin'ny vehivavy, ireo fitsipi-dalana izay mikasika ny zanaka, ny fotoana fiandrasana (Iddat) aorian'ny fisarahana, azo lazaina ihany koa hoe : ny fifamatoram-panambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra (Al-Mout'ah) dia mbola anisan'ny fanambadiana noho ny fananany an'ireo zavatra rehetra ireo, eny misy ihany aloha ireo zavatra hafa izay tsy mampitovy ny fifamatoram-panambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra amin'ny fifamatoram-panambadiana tsy manam-petra, ohatra amin'izany, tsy voatery hiantoka ilay vehivavy ralehilahy mandritra ny fifamatoram-panambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra, samy tsy afaka mifandova daholo izy roa ireo, (Kanefa ny zanak'izy roa ireo kosa samy afaka mandova azy roa) Ka na inona na inona zava-misy dia miankina mandrakariva amin'ny Koroany masina isika amin'ny fanomezana alàlana ny fanaovana ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra, amin'ity tenin'Andriamanitra ity hoe : ***« …Raha efa nahavita ny fahafinaretan'ny nofo tamin'izy ireny ianareo, dia atolory azy ny mahary fa voadidy izany… »*** (Sourat An-Nissa-i : 24)
Ary betsaka ireo manampahaizana momba ny hadith fanta-daza sy ireo mpandinika ny dikan'ny koroany masina no manazava fa io andininy iray io dia voatokana ho an'ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra (Al-Mout'ah), ary betsaka koa ireo teny voatatitra ao

amin'ny bokin'ny Tafsir At-Twabarri amin'ny fiafaran'io andininy io (Tafsir At-Twabarri : 05 p 09), ka izy rehetra ireo dia manambara fa io andininy io dia miresaka mikasika ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra, ary nijoro vavolombelona amin'izany ireo mpanaradia (swahaba) lehibe.

Hita ihany koa fa manambara tatitra maro mikasika izany ny tafsir Ad-Daar Al-Manthour (02 p 140) sy ny Sounan Al-Bayhaqiy : 07 : 206)
Ao amin'ny Swahih Al-Boukhariy (07 : 16) sy ao amin'ny Masnad Ahmad (04 p 436), ary ao amin'ny Swahih Mouslim (02 p 1022 ; ao amin'ny lohateny manao hoe : ny Nikah Al-Mout'ah) sy ireo boky loharanom-pahalalana maro hafa izay milaza ireo teny (hadis) manaporofo ny fisian'ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra tamin'ny andron'ny Mpaminany (saw) ary nisy ihany koa ireo teny (hadith) hafa izay nanohitra an'izany.
Misy amin'ireo andiana manam-pahaizana momban'ny fitsipi-dalàna (fiqh) amin'ireo Ahlou-Sounnat no mino fa ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra dia neken'ny lalàna tamin'ny vanim-potoanan'ny Mpaminany (saw), avy eo dia nofafana izany didy izany, ny sasany milaza fa i Oummar (Ilay Khalifa faharoa) no nanafoana izany tamin'ny faraparan'ny taona niainany, ka ny porofo amin'izany dia ny teny izay nolazain'i Oummar manao hoe : ***« Nisy mout'ah anankiroa tamin'ny andron'ny Mpaminany (saw) ka izaho no handidy azy roa ireo ho tsy azo atao, ary mahavoasazy izy roa ireo : ny fakana fahafinaretana amin'ny vehivavy (fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra) sy ny mout'ah al-haj »***
Tsy misy fisalasalana aloha fa misy tsy fitoviana ara-kevitra mikasika an'io didy amin'ny finoana Islamika io, eo anivon'ny Ahl Sounnat, satria ny fipetrany dia sahala amin'ny fipetrak'ireo didy sasany, misy andiany hafa mino fa nofoanana tamin'ny andron'ny Mpaminany (saw) izany, ary ny sasany indray dia mino fa tamin'ny fitondran'i Oummar no nanafoanana io didy io, ary misy vondron'olona vitsivitsy tsy mandray tanteraka amin'io didy io. Ny sahala amin'izany tsy

fitovian-kevitra izany dia tsy maha vahiny intsony eo amin'ireo lohahevitra momban'ny fitsipi-dalana ara-pinoana, fa ireo manampahaizana (foqaha) Shy'at kosa dia miray hevitra amin'ny maha ara-dalàna an'io didy io, ary tsy nisy fanafoanana izy io tamin'ny vanim-potoanan'ny Mpaminany (saw) ary tsy azo atao koa ny manafoana izany aorianan'ny fahafatesany (saw).

Ka amin'ny lafiny rehetra dia mino isika fa ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra dia misy hatrany (Raha toa ka tsy maharatsy ny fampiasana azy) mba hanalavirana ireo fahasahiranana eo amin'ny fiaraha-monina, indrindra indrindra fa amin'ireo tanora izay mbola tsy avelan'ny zava-misy sy ny tsy fananana ny ho entina amin'ny fanambadiana maharitra, na koa ireo mpandeha lavitra noho ny varotra na ny fianarana izay ataony na zavatra hafa izay mahatonga azy hanalavitra ny fianakaviany mandritra ny fotoana vitsivitsy, na noho ny anton-javatra hafa ihany koa ; ka ny fandrarana io fanambadiana iray io dia fanokafana malalaka ny làlana mankany amin'ny fijangajangana sy ireo faharatsiana hafa ihany koa, faritana manokana amin'izao vanim-potoanantsika izao, izay efa mihalehibe ny olona vao miditra amin'ny fanambadiana maharitra noho ny antony samy hafa, ao koa ny fahabetsahan'ireo zavatra izay manaitra ny faniriana ara-nofo, ka raha hidina ny varavaran'ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra dia hisokatra tsy isalasalana ny lalan'ny faharatsiana.

Koa mamerimberina isika ary miteny fa manohitra mafy na inona na inona fanararaotana tsy marina amin'io lalàna ara-islamika io, ka lasa ho fitaovana eo ampelan-tanan'ireo olona andevozin'ny sitrapo sy ny filan-dratsy, ka misintona ireo vehivavy hankany amin'ny fanaovan-dratsy sy ny fitondran-tena tsy mendrika, ka ny fanararaotana tsy mety izay ataon'ny sasany amin'io lalàna io dia tsy tokony ho fialan-tsiny hanakanana izany tanteraka, fa tokony mitsangana isika manoloana izany fanararaotana ratsy izany.

## XIX. Ny tantaran'ny Shi'isma

Mino isika fa ny Shi'isma dia efa nisy sy niseho tamin'ny vanim-potoanan'ny Mpaminany (saw), ary izany dia hita ihany koa tamin'ny tenin'ny Mpaminany (saw), misy porofo mazava izay manamafy izany eto ampelan-tanan-tsika, anisan'izany ny voalaza ao amin'ny dikan'ny andinin'ny koroany masina manao hoe : ***« Fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin'ny zavaboahary. »*** (Sourat Al-Bayinat : 07) betsaka ireo mpandinika ny tenin'ny koroany masina no milaza araka ny tenin'ny Mpaminany (saw) fa ny tian'io andininy iray io ho lazaina dia ny Imam Ali (as) sy ireo Mpanaraka azy.

Anisan'izany koa ity nolazain'ny manam-pahaizana momban'ny Koroany masina antsoina hoe As-Soyoutwyi ity ao anatin'ny boky Ad-Daar Al-Manthour izay tatitra avy amin'i Ibn Asàkir, avy amin'i Jàbir ibn Adbou-llah izay nilaza hoe : ***« Tany amin'ny Mpaminany (saw) izahay ka indro i Ali (as) nanantona ary niteny ny Mpaminany (saw) nanao hoe : Mianiana amin'llay mitana ny fiainako aho, fa ity olona ity sy izay manaraka azy no ho avotra amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, dia nidina ny andinin'ny Koroany masina manao hoe : « Fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin'ny zavaboahary." Niteny toy izao ireo mpanaradian'ny Mpaminany rehefa manatona azy ireo i Ali (as) : Tonga ilay mendrika indrindra amin'ny zavaboahary »*** (Daar Al-Manthour : 06 p 379)

Anisan'ny mitatitra an'io teny io koa fa misy tsy fitoviana kely i Twafyf ibn Abass, Abou Barzah, Ibn Maradawyah, ary Atwyah Al-Aoufyi.

Ka noho izany, ny fiantsoana an'ireo olona izay manaraka an'i Ali (as) hoe « Shy'at » dia efa nisy hatramin'ny vanim-potoanan'ny Mpaminany (saw) ary izy ihany koa dia miteny an'izany, fa tsy tamin'ny vanim-potoanan'ireo mpitondran'ny finoana Islamo (Khalifat), na tamin'ny fotoanan'ireo olona tia azy ireo, na ny ankoatr'izany.

Isika dia manaja ireo vondrona silamo sasany, satria isika dia miaraka amin'izy ireo manao fanompoam-pivavahana amin'ny

laharana iray, miaraka manao fivahinianana masina amin'ny fotoana sy toerana iray, ary mifanampy isika noho ny fanatanterahana ireo tanjon'ny finoana Islamo izay iombonana; mino isika fa ny mpanaraka (Shy'at) Ali (sa) dia misy zavatra manokana mampiavaka azy ireo, ary izy ireo dia nahazo fitandrovana manokana avy amin'ny Mpaminany (saw), ka izany no antony nisafidianantsika azy manoloana ireo vondrona hafa.
Mihorakoraka ireo olona izay manana fankahalana ny Shy'at fa misy fifandraisany amin'ny Abdou-llah ibn Saba-i hono io vondrona iray io, mamorona izy ireo fa hoe manaraka an'io lehilahy Jiosy io hono ny Shy'at, ka mahagaga ihany izany teny izany, satria ny Shy'at dia tsy manana fitiavana ity lehilahy ity na kely aza, ary ireo boky shy'at izay miresaka mikasika ireo lehilahy mpitondra tatitra dia mihevitra an'io lehilahy io ho olona very làlana, misy koa anefa ny teny voatatitra sasany izay milaza fa i Ali (as) dia nanome baiko amin'ny hamonoana azy noho izy niverin-dàlana tamin'ny finoana.
Ary mampametraka baraingo ny fisian'intony olona intony teo amin'ny tantara, ary mino ny sasany amin'ireo mpikaroka fa tsy misy ny olona sahala amin'izany fa angano noforonina fotsiny ihany, koa na izany tsy izany dia mino isika fa io lehilahy io raha ohatra ka tsy angano fotsiny ny fisiany dia olona very izy, ary tsy isalasalana fa diso làlana araka ny voalazan'ireo bokintsika.

## XX. Ny Jeografian'ny vondrona Shy'at

Anisan'ny zava-dehibe tokoa holazantsika eto fa ny tananan'ny Persianina dia tsy ivon-toeran'ireo Shy'at hatrizay, fa ny toerana nonenan'ireo Shy'at dia i Koufah efa hatramin'ny taonjato voalohan'ny finoana Islamo, torak'izany koa i Yemen, i Madinah eny fa na hatrany amin'ny tananan'ny Sham (Syrie), izay foibe anaovan'ireo taranak'i Oumayah ny antson'izy ireo mankany amin'ny fahaverezana, fa ny fisian'ny Shy'at tao Irak no tena betsaka indrindra noho ireo hafa ireo.

Torak'izany koa dia efa nonina tao Egypte ny Shy'at, ary efa nisy olona avy tamin'ireo Shy'at nitondra tao tamin'ny vanim-potoanan'ny Fatimyiat.

Amin'izao fotoana izao dia efa miparitaka manerana izao tontolo izao ny Shy'at, anisan'izany ny ao Saodia, izay any amin'ny faritra antsinanan'ny Arabia saodia iny no ahitana Shy'at betsaka indrindra, misy fifandraisana tsara amin'ireo vondrona hafa amin'ny finoana Islamo izy ireo, na tsy namela azy ireo na dia fotoana kely aza ireo fahavalon'ny finoana Islamo amin'ny fampielezana ny fototry ny fifampifahavalona sy ireo eritreritra ratsy, ary ny fampiretana ny afon'ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny samy Islamo Shy'at sy ireo manaraka ny vondrona Islamo hafa. Ny tanjona amin'izany dia ny fandemena ireo vondrona rehetra ka hamehezana ny momba azy ireo, indrindra moa fa amin'izao vanim-potoan-tsika izao, satria efa lasa hery lehibe ny finoana Islamo eo anatrehan'ireo tantsinana sy ireo tandrefana izay antsoin'ireo vahoaka manerana izao tontolo izao rehefa tratran'ny fahakiviana amin'ny fandrosoana ara-materialy izy ireo, koa dia nisafidy ny fanapariahana an'ireo zavatra mampisarabazana eo amin'ireo vondrona ireo no nataon'ireo fahavalo, mba handravana ny hery izay mitsiry misy eo amin'ireo mpino silamo, ary manamafy ity finoana ity izay lasa mihely manerana izao tontolo izao amin'ny hery rehetra. koa raha mifoha manoloana izao tsy fitovian-kevitra amin'ny vondron'izy ireo izay manjaka no sady loza mitatao izao ireo mpino silamo dia afaka manafoana ny vokatr'izany ka ho fongana ireo takaitra ratsy izay manapotika ireo.

Na dia tsy misy aza ny fanisana ny isan'ireo Shy'at eran'izao tontolo izao, sy ny salan'isan'izy ireo manoloana ireo mpino silamo sasany, dia fantatra fa ny isan'izy ireo (araka ny statistika sasany) dia eo ho eo amin'ny 200 na 300 tapitrisa (million), izany hoe, eo amin'ny ampahaefatry ny isan'ny mpino silamo maneran-tany.

## XXI. lovan'ireo Ahloul Bayt (as)

Betsaka ireo teny masin'ny Mpaminany (saw) « Hadis » izay taterin'ireo mpanaraka ny vondrona Shy'at, avy amin'ny alàlan'ireo Imam amin'ny Ahloul Bayt (as) ireo, toy izany koa dia manana ny lova amin'ny teny masina be dia be sy mavesatra avy tamin'ny Imam Ali (as) sy ireo Imam (as) sasany, ka mbola mipetraka ho loharanom-pahalalana hanovozana fahaizana sy hanatsoahana ireo fitsipi-dalana (fiqh) ho an'ireo Shy'at izany mandraka ankehitriny aorian'ny bokin'Andriamanitra (koroany) sy ireo fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw), ary anisan'izany ihany koa ireo boky efatra efa diso fantatra loatra dia ny : Al-Kàfiy, Man là yahdoroho al-faqyih, At-Tahzhib, ary ny Al-Istibswar. Ary zava-dehibe tokoa ny hamerenantsika an'ity teny ity eto hoe : Ny fisian'ny teny masina (hadis) voarakitra ao anatin'ireo boky ireo, izay efa fanta-daza na koa ireo boky hafa izay anisan'ny ekena dia tsy manaporofo velively akory izany fa ilay teny masina (hadith) dia tafakatra amin'ny fanekena ambony indrindra, fa ny hadis (teny masina) rehetra dia misy mpitatitra izay itohizany ary iankinany ka tsy maintsy ianarana tsirairay ny momba ireo olona izay nitatitra ilay hadis ireo. Ka raha ohatra anisan'ireo olona azo itokisana izy ireo dia azontsika heverina ho marina ilay teny masina (hadis), fa raha tsy izany kosa dia lasa tafiditra anisan'ireo hadis mampisalasala izy na koa hoe marefo ny fahamarinany. Izany no zavatra goavana izay ifanarahan'ireo manana ny fahalalana manokana mikasika izany sy ireo manampahaizana momba ny « hadis » (teny masina) ary koa ireo manam-pahaizana momba ireo olona mpitatitra « hadis » teny masina.

Mazava ho azy noho izany fa ireo teny masina (hadis) izay voaangona sy hita ao amin'ny Shy'at, dia tsy mitovy amin'izay hita ao amin'ny Sounnat; satria ilay fototra eo amin'ireo boky malaza izay voalaza fa hoe marina « Swihah » indrindra fa ny Swahih Al-Boukharyi sy Swahih Mouslim, satria izy ireo no misy ireo teny masina (hadis) izay lazaina fa marina sy azo iankinana araka ny hapetraky ny mpanoratra azy, ka izany no ahafahana miankina amin'izay teny masina (hadis) voalaza ao anatin'izany, mba ho

entin'ireo Ahlou Sounnat mahazo sy manazava ny foto-pinoan'izy ireo, fa ireo manam-pahaizana shy'at momba hadis kosa dia mihazakazaka amin'ny fifehezana sy ny fanangonana ireo hadis izay nolazain'ireo Ahloul-bayt (as), apetrak'izy ireo ny andraikitra amin'ny fikarohana izay hadis marina ankoatra izany amin'ny fiverenana amin'ny fandinihana ireo fahalalana momba ireo mpitatitra ny hadis (ilmou-rrijal) koa anjarantsika ny mandinika.

## XXII. Boky roa lehibe

Anisan'ny loharanom-pahalalana hafa goavana ihany koa izay azo heverina ho anisan'ireo lova lehibe ho an'ireo Shy'at dia ny boky « Nahj Al-Balaghah » izay narafitr'i As-Sharif Ar-Radhi efa ho arivo taona izay, ary nozarainy telo izany : Ny toritenin'ny Imam Ali (as), Ireo taratasy izay nosoratany, ary ireo teny madinidinika izany nolazainy, anisan'ireo boky ambony izy amin'ny ambaratonga, tsara sy mahafinaritra ny teny ao aminy, ary amin'ny fomba mivelatra, ka izay mamaky azy dia tsy maintsy voasarik'ireo teny manan-danja ao aminy na inona na inona finoany na izay vondrona (mazhab) misy azy, tokony ho eny ampelan-tanan'ireo olona ankoatran'ireo mpino silamo izy io mba hahafahan'izy ireo mahita ireo fahalalana avon'ny finoana Islamo mikasika ny mahatokana an'Andrimanitra, ny fiatombohan'izao tontolo izao sy ny fiverenana amin'ny andro farany, ny resaka mikasika ny fitondrana, ny fomba fitondran-tena, ary ny fiaraha-monina.

Anisan'ireo lovasoa goavana ihany koa, ny boky « Swahifat As-Sajadyat » izay mitahiry ireo tonombavaka farany tsara sy amin'ny fiteny mazava sy kanto, amin'ireo teny izay misy zavatra fonosiny ambony sy làlina, izay ohatran'ireo toriteny ao amin'ny « Nahj Al-Balagha » ihany raha ny tena marina fa saingy amin'ny fomba sy làlana hafa fotsiny, mampianatra lesona vaovao ny olona isaky ny fehezan-teny izy, ary mitarika azy amin'ny fomba fanaovana tonombavaka sy fitalahoana amin'Andriamanitra Ilay Avo indrindra. Mampisy fahazavana mamirapiratra ao anatin'ny fanahin'ireo

zanak'olombelona izany tonombavaka izany, ary manolotra fahadiovana manokana ho azy.
Io boky io dia fitambaran'ireo karazana tonombavaky ny Imam faha efatrin'ny Shy'at dia i Ali ibn Al-Houssein ibn Ali ibn Abou Twalib (as), araky ny lohateniny izay mazava tsara, izay fantatra amin'ny anarana hoe As-Sajad, mialokaloka ao anatin'io tonombavaka io isika rehefa mila hiditra lalina ao anatin'ny fitalahoana, sy ny fanetre-tena amin'Andriamanitra Ilay Avo indrindra, amin'ny fanahy izay feno fitiavana sy firaiketana mafy amin'ny hatsarany izay masina, mba hahatonga antsika ho afaka hetaheta aminy sahala amin'ny zava-maniry afaka hetaheta amin'ny oran'ny lohataona.
Ny ankamaroan'ireo teny masina (hadis) amin'ny Shy'at izay efa mahatratra aman'aliny dia saika voaray avy amin'ireto Imam anankiroa ireto, dia ny Imam fahadimy sy fahaenina, izany hoe i Mohammad ibn Ali Al-Bàqir sy i Ja'afar ibn Mohammad As-Swadiq (as), toy izany koa ny Imam faha valo, i Ali ibn Moussa Ar-Ridha (as), izay nanome ampahany betsaka ihany koa tamin'izany, satria ny toe-draharaha nisy tamin'ny vanim-potoana niainan'ireo Imam telo ireo, dia somary nihena ny faneriterena nataon'ireo taranak'i Oumayah sy ireo Abasside, ka afaka nitatitra tsara ireo teny masina (hadis) avy amin'ny Raibeny izy ireo, ny Irak'Andriamanitra (saw) amin'ny sokajim-pahalalana rehetra sy amin'ireo fitsipi-dalana ara-pinoana Islamika, izany no antony nahatonga ny Mazhab shy'at nantsoina hoe mazhab Ja'afaryah, noho ny ankamaroan'ireo teny masina (hadis) amin'ny shy'at voaray avy amin'ny Imam Ja'afar ibn Mohammad As-Swadiq (as), izay niaina tao anatin'ny vanim-potoana nifindran'ny fitondran'ireo Oumayad ho an'ireo Abassyat, ka nihena ny faneriterena ireo shy'at, ary anisan'ny nalaza tamin'izany fotoana izany ny namoahan'ny Imam Ja'afar As-Swadiq (as) mpianatra momban'ny « hadis » , momban'ny fahalalana samy hafa, mikasika ny fitsipi-dalana (fiqh) izay miisa efatra arivo, ka na ilay Imamon'ireo Hanafyiat izay fantatra amin'ny anarana hoe Abou Hanifah dia nilaza toy izao : ***« Tsy mbola nahita olona manampahaizana aho mihoatra an'ny Imam Ja'far ibn Mohammad »***

Niteny mikasika an’izany ihany koa ny Imam Malik ibn Anass manao hoe : « Nanaraka azy foana aho nandritra ny fotoana maro nefa dia amin’ireto toetra telo ireto hatrany no ahitako azy : na izy manao fanompoam-pivavahana (soalat), na manao fifadian-kanina, na mamaky ny koroany masina, tsy miresaka izany mihitsy izy raha tsy efa madio (twaharah)». Betsaka ireo fijoroana vavolombelona avy amin’ireo manampahaizana silamo mikasika an’ireo Imam avy amin’ny Ahloul-bayt (as) ireo, izay tsy ho ary voatanisa eto mihitsy.

## XXIII. Ny anjara andraikitr’ireo Shy’at amin’ny fampivelarana ireo fahalalana Islamika

Mino isika fa ny Shy’at dia nanatanteraka anjara andraikitra mafonja tokoa tamin’ny fanapariahana ireo fahalalana Islamika, sy nampivoatra izany, ary hitan’ny hafa fa izy ireo no loharanon’ny fahalalana islamika, boky maro be azo itokiana sy tena manamafy an’io hevitra io no nosoratan’izy ireo amin’izany, tsy hiteny isika afa-tsy ny hoe : farafaharatsiny, ny fihetsiketsehana nataon’izy ireo dia tsy mandà ny fisehoan’ireo fahalalana ireo, ary mijoro vavolombelona amin’izany ireo boky izay nosoratan’ireo manampahaizana Shy’at amin’ireo fahalalana samy hafa amin’ny finoana Islamo, nahatratra aman’arivony ireo boky momba ny fitsipi-dalàna « fiqh » sy ireo fahalalana fototra « oussoul » ary ny sasany moa dia tsy misy ny toa azy, aman’arivony ireo boky mikasika ny fanazavana ireo andininy ao amin’ny koroany masina « tafsir » ary koa ireo fahalalana momban’ny koroany, aman’arivony ireo boky mikasika ny foto-pinoana (Aqaed) sy ny fahaizana miresaka, ary aman’arivony ireo boky mikasika ny fahalalana hafa ankoatran’izany, ary mbola betsaka amin’ireo boky ireo no voatahiry any amin’ireo tranombokintsika sy any amin’ireo tranomboky malaza eran-tany, ka azo porofoina izany mba hanamarinana tanteraka ny fahamarinan’ireo zavatra nolazainay ireo. Betsaka ihany koa ireo manampahaizana malaza shy’at no nitsangana ka nandray lisitra an’ireo boky ireo, ary nahatratra ho boky miisa 26 lehibe ny fitambaran’izany rehetra izany.

Eto dia afaka milaza isika fa izany ezaka nataon'izy ireo izany dia nandaniana fotoana betsaka tokoa, satria dia hery mafonja no nolaniana nandritra an'izany fotoana izany mba ho famelomana an'ireo lovasoan'ny Shy'at, ary koa mba hanehoana ireo bokin'izy ireo izay efa voalamina sy voatonta, sahala amin'izany dia anjatony maro ireo boky efa voasoratra, ary aman'arivony ireo boky vaovao izay misy ireo fahalalana islamika samy hafa, nandritra izay vanim-potoana izay.

## XXIV. Ny fahamarinana sy ny fitokisana dia anisan'ny andry lehibe anankiroa amin'ny finoana Islamo

Mino isika fa ny fahamarinana, sy ny fitokisana, ary ny fahadiovam-po dia anisan'ireo andry lehibe tokoa amin'ny finoana islamo, niteny Ilay Avo indrindra manao hoe : ***« Ary niteny Andriamanitra hoe: "Indro ilay andro izay hahazoan'ireo olo-marina tombontsoa tamin'ny fahamarinan'izy ireo;… »*** (Sourat Al-Maïdah : 119)
Toy izao no azontsika tsoahana amin'ireo andininy sasany amin'ny koroany, ny zanak'olombelona dia hahazo ny valin'asany amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty noho ny fahamarinany sy ny fahadiovam-pony (amin'ny finoany, amin'ny asany, amin'ny fanekena nataony tamin'Andriamanitra, ary koa amin'ireo raharaha rehetra nataony teo amin'ny fiainany : ***« mba hanomezan'Andriamanitra valisoa ireo olo-marina noho ny fahamarinany,…. »*** (Sourat Al-Ahzaab : 24)
Tany aloha tany dia efa nanambara tamintsika ny koroany masina fa nametraka andraikitra amintsika izy mba hanana ny fahamarinana, ary koa mba hiaraka amin'ireo olona tsy voapentin'ny ota, sy ireo olo-marina : ***« Fa ianareo mpino! Matahora an'Andriamanitra ianareo, ary miaraha amin'ireo olo-marina. »*** (Sourat At-Tawbah : 119)
Tafa-paka eny amin'ny toerana ambony indrindra ny halehibeazan'izany, ka nandidy ny Mpaminaniny Andriamanitra hangataka Aminy Ilay Avo indrindra mba hampiditra sy hamoaka azy amim-pahamarinana amin'ny asa rehetra izay ataony: ***« Ary lazao***

***hoe: “Ry Tompoko! Ampidiro amin’ny fidiran’ny fahamarinana aho, ary avoahay amin’ny fivoahan’ny fahamarinana…. »*** (Sourat Al-Israai : 80)

Noho ny maha zava-dehibe ny fahamarinana dia voaray araka ireo tatitra amin’ny finoana Islamo fa: ***« Tsy nandefa ireo Mpaminany Andriamanitra raha tsy noho ny fahamarinam-piteny sy ho fanatanterahana ireo toky izay napetraka na amin’ny olona tsara izany, na amin’ny olon-dratsy »***

Noho ny haingam-panahy azo tamin’ireo andinin’ny koroany sy ireo teny masina ireo, dia niezaka mafy tokoa izahay mba hitady ny fahamarinana sy ny soritra mazava tamin’ny fikarohana natao tamin’ity boky ity, ary niezaka nanalavitra ireo zavatra izay mifanohitra amin’ny fahamarinana sy ny fitokisana, manantena an’Andriamanitra izahay mba homeny fahombiazana hahazo ny fahatsoram-pony, ka hahatontosa an’io hafatra io, satria Izy no tompon’ny fahombiazana

## XXV. Teny farany

Nohazavainay tamin’ny fomba voafintina ao anatin’ity boky ity ireo foto-pinoan’ny vondrona « Mazhab » Ahl Bayt (as) sy ny Shy’at, amin’ny fototry ny finoana Islamo sy ireo rantsany, ary tsy nisy fanovana izany na fanamboarana. Nambarantsika mazava tsara ihany koa ireo boky azo iankinana amin’ny fanazavana ireo andinin’ny koroany sy ireo teny masina (hadis), ary koa ireo boky nosoratan’ireo manam-pahaizana lehibe teo amin’ny finoana Islamo, fa noho ny tsy fahampian’ny sehatra amin’izany dia tsy afaka nitanisa ireo boky rehetra isika mba hahafahana mamintina sy manafohy, satria ny resaka amin’ny akampobeny no tanjonay tamin’ity boky ity.

Azontsika fintinina amin’ny teboka vitsivitsy (amin’ity farany ity) izany rehetra izany :

*a) **Mino isika fa ity fikarohana ity dia azo heverina ho boky tsara sy voafintina,** mba hanazavana ireo foto-pinoan'ny shy'at amin'ny endrika mazava sy marina, ary afaka mamaky izany ireo vondrona hafa amin'ny finoana Islamo (toy izany ihany koa ireo olona tsy silamo) mba hahafantatra mivantana ireo foto-pinoan'ny Shy'at, satria nanaovana ezaka mafy ny fanoratana azy ity*

*b) **Mino isika fa ity boky ity dia mety hahafeno ireo porofo** avy amin'Andriamanitra ho an'ireo olona izay mitsara amin'ny habadoana ny finoantsika, na ireo izay diso fandraisana amin'ny fakana azy, sy ireo izay faly ny hanohitra azy, na amin'ireo boky izay tsy azo heverina sy tsy ekena ny fahamarinany.*

*c) **Mino isika fa ny fijerena indray an'ireo foto-pinoana ireo dia** hampazava tsara fa ireo tsy fitovian-kevitra misy eo amin'ny mazhab Shy'at amin'ireo vondrona hafa amin'ny finoana Islamo, dia tsy tokony hanakana ny fifanampiana sy ny firaisan-kina eo amin'izy ireo; noho ny fisian'ireo teboka maromaro ifandraisan'ireo vondrona "mazhab" rehetra amin'ny finoana Islamo,*
*ary koa satria izy ireo dia samy miatrika ny fandrahonan'ny fahavalo iray iombonana.*

*d) **Mino isika fa misy olona miezaka ny manalehibe ireo zavatra** izay tsy mampitovy hevitra ireo mazhab misy eo amin'ny finoana Islamo, mba hampirehitra ny afon'ny disadisa eo amin'izy ireo, sy fanatevenana ny hetsik'ireo silamo feno fireharehana izay miely tokoa amin'izao fotoanantsika izao mba hanaparitahana an'io finoana io, sy ho fanemorana lavitra an'izao tontolo izao, ary ho famenoana ny banga avy amin'ny firodanan'ny komonisma, sy ho fanampiana ireo olana ara-kapitalista materialista; ka anjaran'ny vahoaka silamo no tsy mamela ny fahavalo hanatanteraka ny tanjony, satria manjary very ny fotoana sarobidy izay afaka nampisehoan'ny finoana Islamo ny foto-keviny manerana izao tontolo izao.*

*e) **Mino isika fa ny firaisan-kevitr'ireo manampahaizana rehetra amin'ireo mazhab** islamika dia lavitry ny resaka fanavakavahana sy ny fifankahalana, ary ny fisian'ireo lohahevitra izay tsy mampitovy ny fomba fijery saingy ao anatin'ny tontolo feno fahadiovana, dia mety*

*hanome fotoana hananaraotana hampihenana ny lavaka izay misy manelanelana ireo vondrona islamika samihafa, ka hanakely ireo tsy fitovian-kevitra amin'ny endrika mivelatra tokoa. Izahay akory tsy milaza hoe afaka hanala tanteraka ireo tsy fitovian-kevitra rehetra, fa miteny kosa izahay hoe : Afaka fehezina tsara izany, sahala amin'ireo efa niseho tamin'ny fihaonan'ireo manampahaizana Shy'at sy Sounnat tao Zahdan ao Iran, izay anisan'ny nampihena ny halehiben'ny tsy fitovian-kevitra, ary tsy ho ary voatanisa etoana avokoa izay zavatra nitranga tao.*

***Eto ampamaranana ary, dia ndeha ampiakarintsika ireo tànantsika ka*** *hangataka amin'Andriamanitra isika hiteny hoe :* ***« …. "Tomponay ô! Mamelà ny helokay, sy ny an'ireo rahalahinay, izay nialoha làlana anay tamin'ny finoana; ary aza hatao misy lolompo amin'ireo mpino ao am-ponay. Tomponay ô! Be Fangorahana sy be Indrafo tokoa Ianao". »*** *(Sourat Al-Hashar : 10)*

# FIZAHAN-TAKELAKA

FIZARANA VOALOHANY ........ 2

NY FAHAFANTARANA AN'ANDRIAMANITRA ........ 2

SY NY MAHATOKANA AZY ........ 2

I. NY FISIAN'ILAY MAHEFA, ILAY AVO INDRINDRA ........ 2

II. IREO TOETRA TSARANY SY MASINA ........ 3

III. NY FISIANY IZAY TSY VOASAKANTSAKANA TOKOA ........ 4

IV. FANAFOANANA NY FANAOVANA AZY HO MANAMBATANA ........ 5

V. NY FAHATOKANAN'ANDRIAMANITRA DIA AIN'NY FAMPIANARANA ISLAMIKA ........ 7

VI. IREO KARAZAN'NY FAHATOKANAN'ANDRIAMANITRA ........ 8

a) Ny fahatokanany ........ 8

b) Ny fahatokanan'ireo toetrany ........ 8

c) Ny fahatokan'ireo asany ........ 9

d) Ny fahatokanan'ny fanompoana ........ 10

VII. NY FAHAGAGANA ATAON'IREO MPAMINANY (as), AVY AMIN'ANDRIAMANITRA ........ 11

VIII. IREO ANJELY ........ 12

IX. NY FANOMPOANA DIA AN'ANDRIAMANITRA IRERY IHANY ........ 13

X. FIAFENAN'NY VATAN'ILAY MASINA ........ 13

XI. TSY MISY SAKANTSAKANA, ARY TSY MISY FAMPITOVIANA ........ 15

FIZARANA FAHAROA ........ 15

NY FAMINANIANA ........ 15

I. FILOZOFIAN'NY FANDEFASANA IREO MPAMINANY (AS) ........ 15

II. NY FOMBA FIAINANA MIARAKA AMIN'IREO MANAM-PINOANA HAFA....... 17
III. NY TSY MAHAVOAPENTIN'NY OTA IREO MPAMINANY (AS) ....................... 18
IV. IREO MPAMINANY (AS) IREO ................................................................ 18
DIA MPANOMPON'ANDRIAMANITRA ........................................................ 18
V. NY FAHAGAGANA SY NY FAHAFANTARANA NY ZAVA-MIAFINA .................. 19
VI. NY ANJARATOERAN'NY FANELANELANAN'IREO MPAMINANY (AS) ........... 20
VII. NY FANGATAHAM-PANELANELANANA (TAWASSOUL) ............................. 21
VIII. TOKANA NY ANTSON'IREO MPAMINANY .............................................. 23
IX. NY FANAMBARAN'IREO MPAMINANY TANY ALOHA (AS) .......................... 23
X. IREO MPAMINANY (AS) SY NY FANATSARANA NY RAHARAHAM-PIAINANA24
XI. FANOHERANA NY FANAVAKAVAHANA .................................................... 24
FIZARANA FAHATELO ................................................................................ 26
NY KOROANY SY IREO BOKY MASINA REHETRA ............................................ 26
I. Ny filozofian'ny fidinan'ireo boky masina .................................................. 26
II. Ny Koroany masina no fahagagan'ny Mpaminany (saw) lehibe indrindra .. 27
III. Ny tsy fahafahana manova ny Koroany ...................................................... 28
IV. Ny Koroany sy ny filana ara-panahy ary ny filana ara-batan'ny olombelona ............................................................................................................ 30
V. Ny famakiana sy ny fandinihana ary ny asa ............................................... 31
VI. Ireo fikarohana mivilana ............................................................................ 32
VIII. Ny mahazava-doza ny fandikana ny Koroany ara-kevitra ........................ 34
IX. Fomba amam-panao izay avy amin'ny bokin'Andriamanitra ...................... 36
X. Ireo fomba amam-panaon'ireo Imam Ahl Bayt (as) .................................... 37

FIZARANA FAHA EFATRA ........................................................................ 38
NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY ............................................................ 38
SY NY FIAINANA AORIAN'NY FAHAFATESANA................................................ 38
I. Tsy mazava mihitsy ny fiainana tsy misy fiverenana ..................................... 38
II. Mazava ny porofon'ny fiverenana............................................................... 39
III. Fiverenana ara-batana ........................................................................... 40
IV. Ny tontolo aorian'ny fahafatesana. .......................................................... 41
V. Ny fiverenana sy ireo asa ......................................................................... 41
VI. Ny vavolombelona amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny maty .......... 42
VII. Ilay làlana mahitsy sy ny Mizanan'ireo asa ............................................... 43
VIII. Ny fanelanelanana amin'ny andro farany ............................................... 44
IX. Ny tontolon'ny « Barzakh » ...................................................................... 45
X. Ny valisoa tsy hita maso sy ny azo tsapain-tanana ..................................... 47
FIZARANA FAHADIMY ...................................................................................... 48
NY IMAMAT ..................................................................................................... 48
I. Ny fitohizan'ny Imamat ............................................................................. 48
II. Ny tena marina amin'ny Imamat.................................................................. 49
III. Tsy voapentin'ny ota sy ny fahadisoana ireo Imam .................................. 50
IV. Ny Imam no mpiaro ireo fitsipi-dalana ara-pinoana (sharia)...................... 51
V. Ny Imam no mahay indrindra ny finoana noho ny olona hafa .................... 51
VI. Ny fanambarana masina manendry ny Imam ........................................... 51
VII. Ny fanendren'ny Mpaminany (saw) an'ireo Imam .................................. 52
VIII. Ny fanendren'ny Mpaminany an'i Ali (as)............................................... 53

IX. Ny fanamafisan'ireo Imam izay ho tonga aoriany....................................55
X. Ali (as) no mendrika indrindra amin'ireo mpanaradia (swahaba) ...............56
XI. Ireo mpanaradia (swahaba) manoloanan'ny fijery ara-tsaina sy ny tantara ............................................................................................................56
XII. Ny fahalalana ananan'ireo Imam (as) dia avy amin'ny Mpaminany (saw) 59
IREO LOHAHEVITRA SAMY HAFA...................................................................61
IREO LOHAHEVITRA SAMY HAFA...................................................................61
I. Ny hatsarana sy ny faharatsiana araky ny fisainana ....................................61
II. Ny fahamarinan'Andriamanitra (Tsy miangatra Izy) ...................................62
III. Ny fahafahan'ny zanak'olombelona..........................................................63
IV. Ny porofo ara-tsaina dia fototra amin'ny fitsipi-dalana ara-pinoana.........63
V. Fiverenana amin'ny fahamarinan'Andriamanitra.......................................65
VI. Ny filozofian'ireo trangan-javatra mampalahelo.......................................66
VII. Izao tontolo misy izao no rafitra tsara indrindra.......................................66
VIII. Ireo loharanom-pahalalàna efatra ..........................................................67
IX. Misokatra hatrany ny varavaran'ny fiezahana (Ijtihad) .............................68
X. Tsy misy fahabangana ara-pitsipi-dalàna amin'ny finoana Islamo ..............69
XI. Ny fanafenana ny finoana (Taqyat) sy ny filozofiany .................................70
XII. Ny toerana tsy azo anaovana ny « Taqyat »............................................72
XIII. Ireo fanompoana Islamika.......................................................................73
XIV. Ny fampitambarana ny fanompoam-pivavahana (soalat) ........................74
XV. Ny fiankohofana amin'ny tany ..................................................................74
XVI. Famangiana ny fasan'ireo Mpaminany sy ireo Imam ...............................75

XVII. Ny fanatanterahana ny fahatsiarovana amin'alahelo sy ny filozofian'izany ........ 76
XVIII. Ny fanambadiana ao anatin'ny fotoana voafetra ........ 80
XIX. Ny tantaran'ny Shi'isma ........ 83
XX. Ny Jeografian'ny vondrona Shy'at ........ 84
XXI. Iovan'ireo Ahloul Bayt (as) ........ 86
XXII. Boky roa lehibe ........ 87
XXIII. Ny anjara andraikitr'ireo Shy'at amin'ny fampivelarana ireo fahalalana Islamika ........ 89
XXIV. Ny fahamarinana sy ny fitokisana dia anisan'ny andry lehibe anankiroa amin'ny finoana Islamo ........ 90
XXV. Teny farany ........ 91